

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

coopération allemande
DEUTSCHE ZUSAMMENARBEIT

MINISITERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA

---

TAHIRIM-BOLA FAMPANDROSOANA IFOTONY

---

Programme de Développement Communal Inclusif et de Décentralisation (PDCID)

---

BMZ 2014 68 925

# TOROLALALANA MOMBAN'NY FITOMPOANDRAHARAHA KAOMINALY (Guide de Maîtrise d'Ouvrage Communale)

Août 2017

Autorité de Régulation des Marchés Publics

AHT GROUP AG
Management & Engineering

KFW

# FIZAHAN-TAKELAKA


I. FAMPIDIRANA ....................................................................................7
I.2 FOMBA FAMPIASA NY TOROLALANA..........................................................7
I.3 FETRAN'NY TOROLALANA.................................................................7
I.4 VOTOATIN'NY TOROLALANA.............................................................. 8

II. HEVITRA IFOTORAN'NY FITOMPOAN-DRAHARANA
KAOMINALY ........................................................................................ 9
II.1 FAMARITANA NY « FITOMPOAN-DRAHARAHA KAOMINALY » .......... 9
II.2 LALANA MAMARITRA NY FITOMPOAN-DRAHARAHA
KAOMINALY........................................................................................ 9
II.4 NY DINGANA AMIN'NY FITOMPOAN-DRAHARAHA.............................. 11
KAOMINALY........................................................................................ 11
II.5 FAMINTINANA ANKAPOBENY NY DINGANA FANATAN.......................12
TERAHANA NY TETIKASA .................................................................12

III. HEVITRA IFOTORAN'NY TSENAMBARO-PANJAKANA
(MARCHES PUBLICS) ............................................................................13
III.1 NY ATAO HOE « TSENAMBARO-PANJAKANA »........................................13
III.2 LALANA MAMARITRA NY FIFAMPIRAHARAHAM-
BAROTRA AMIN'NY FANJAKANA.........................................................13
III.3 NY KARAZANA TSENAMBARO-PANJAKANA.........................................13
III.4 NY FOTO-KEVITRA ANKAPOBENY
NY TSENAMBARO-PANJAKANA...............................................................15
III.5 NY FARAFETRA AMPIHARINA AMIN'
NY TSENAMBARO-PANJAKANA...............................................................16
III.6 NY RAFITRA MIANDRAIKITRA NY FANDRAIKETANA
TSENAMBARO-PANJAKANA....................................................................17
III.6.1 MANAMAHEFA MPANDRAIKI-BAROTRA
(Autorité contractante)..............................................................18
III.6.2 SAMPANA MIANDRAIKITRA NY FANDAHARAN'ASA ...............19
(Cellule de programmation)...........................................................19
III.6.3 MPIANDRAIKITRA NY FANDAHARAN'ASA...................................20
III.6.4 MPIANDRAIKITRA NY TSENAMBARO-PANJAKANA
(Personne Responsable des Marchés Publics) ..................................20
III.6.5 VAOMIERAN'NY TOLO-BIDY ......................................................... 23
III.6.6 VAOMIERAN'NY FANDRAISANA NY ASA ...................................... 25
III.7 NY RAFITRA MIANDRAIKITRA FANARAHA-MASO
NY TSENAMBARO-PANJAKANA.................................................... 27
III.8 NY MANAMAHEFA MPANDRINDRA
NY TSENAMBARO-PANJAKANA.................................................... 28

IV. FANOMANANA NY FANDRAIKETANA
TSENAMBARO-PANJAKANA ..................................................................31

IV.1 FAMOLAVOLANA DRAFI-PANDRAIKETANA TSENAM
BARO-PANJAKANA (Elaboration Plan Passation des marchés) .................31
IV.2 FANKATOAVANA NY DRAFI-PAINDRAIKETANA
SY NY FAMPAHAFANTARANA ANKAPOBENY
NY FANDRARIKETAM-BAROTRA ............................................................ 34

IV.3 FAMOAHANA NY FAMPAHAFANTARANA
ANKAPOBENY FANDREKETAM-BAROTRA
(Publication Avis Général Passation des Marchés) ........................................ 34

V.FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA
SY NY FANATANTERAHANA FIFAMPIRAHARAHAM-
BAROTRA MIKASIKA
NY FISAHANANASA ARA-TSAINA ........................................ 37

V.1 FANDRAIKETANA FIFANARAHAM-BAROTRA
MIKASIKA NY FISAHANANASA ARA-TSAINA
(Passation marché prestation intellectuelles) ........................................ 37

V.1.1 FAMARITANA NY ATAO HOE MPIANTO-
DRAHARAHA (Maître d'Oeuvre) ........................................ 37
V.1.2 TANJONA HAKANA NY ORINASA
MPIANTO-DRAHARAHA NA
MPANADIHADY (Bureau d'Etudes) ........................................ 37
V.1.3 FISAFIDIANANA ORINASA MPIANTO-
DRAHARAHA NA MPANADIHADY SY MPANARAMASO ...... 38
VI.2 FANATANTERAHANA NY FIFANEKENA FIFAMPI
RAHARAHAM-BAROTRA NY TSENA FISAHANANASA
ARA-TSAINA (Execution marché prestation intellectuelles) ........ 55
VI.2.1 ASA IANDRAIKETAN'NY
MPIANTO-DRAHARAHA ........................................ 55
VI.2.2 FAMOLAVOLANA SY FANKATOAVANA NY FA-
NAOVANA FANADIHADIANA NY TETIKASA
AMBANGOVANGONY (APS) ........................................ 57
VI.2.3 FAMOLAVOLANA SY FANKATOAVANA
NY VALINY FANADIHADIANA NY TETIKASA
AMIN'NY ANTSIPIRIANY (APD) ........................................ 65

VI. FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA
SY NY FANATANTERAHANA FIFAMPIRAHARAHAM-BAROTRA
MIKASIKA NY ASA VAVENTY ........................................ 75
VI.1 FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA
MIKASIKA NY ASA VAVENTY HAFA ANKOATRA
NY LALANA (Ohatra : fanaovan-trano)
(Passation marche travaux) ........................................ 75

VI.1.1 FISAFIDIANANA ORINASA MPANAO
FANORENANA ........................................ 75
VI.1.2 FANOMANANA SY FANKATOAVANA
ANTONTAN-TARATASY FITAOMANA HANAO
TOLO-BIDY (DAO) ........................................ 76
VI.1.3 FAMPAFANTARANA SY FAMALIANA
NY TOLO-BIDY ........................................ 78
VI.1.4 FANOKAFANA SY FANAOVANA
TOMBANA IREO TOLO – BIDY ........................................ 82
VI.1.5 FANOMEZANA TSENA SY NY FANAOVAN-
TSONIA NY FIFANA RAHANA ARAK'ASA ........................ 88
VI.2 FANATANTERAHANA NY FIFANARAHAM-BAROTRA .......... 90

FANAOVANA ASA VAVENTY ANKOATRA NY LALANA
(OHATRA: FANAOVAN-TRANO) (Execution marche travaux).............................90

VI.2.1 DINGANA FANATANTERAHANA
NY ASA FANORENANA.........................................................90
VI.2.2 IREO TOMPON'ANTOKA AMIN'NY ASA
FANORENANA...................................................................91
VI.2.3 FANOMANANA NY FANOMBOHANA
NY ASA FANORENANA.........................................................92
VI.2.4 FANATANTERAHANA NY ASA FANORENANA...........104
VI.2.5 FANDRAISANA NY ASA FANORENANA.......................... 113
VI.2.6 FIOMANANA AMIN'NY FITANTANANA
SY FIKOJAKOJANA NY ASA FANORENANA...................121

VII. FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA
SY NY FANATANTERAHANA FIFAMPIRAHARAHAM-
BAROTRA MIKASIKA NY FAMPITAOVANA.......................................................... 125

VII.1 FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA
MOMBA NY FAMPITAOVANA
(Passation marchés fournitures).................................................. 125
VII.1.1 DINGANA FISAFIDIANANA
ORINASA MISAHANA MOMBA NY FAMPITAOVANA: 125
VII.2 FANATANTERAHANA NY FIFANEKENA FIFAMPI
RAHARAHAM-BAROTRA NY FAMPITAOVANA
(Execution marchés fournitures)...................................................127

VII.2.1 IREO TOMPON'ANTOKA AMIN'NY ASA ......................127
FAMOKARANA FITAOVANA.............................................127
VII.2.2 DINGANA FANATANTERAHANA
NY FAMOKARANA FITAOVANA................................... 128

VIII. FOMBA FANDOAVAM-BOLA.................................................................... 131
VIII.1. FOMBA NA PAIKA ARAHINA EO AMIN'NY
FANDOAVAM-BOLA EO ANIVON'NY KAOMININA........................... 131

VIII.1.1 FIZOTRY NY FANDOAVAM-BOLA
EO ANIVON'NY KAOMININA AMIN'NY
ANKAPOBENY ................................................................. 131
VIII.1.2 ANTONTAN-TARATASY ILAINA
AMIN'NY FANGATAHANA FANDOAVAM-BOLA EO
ANIVON'NY KAOMININA AMBANIVOHITRA ............................ 134

VIII.2 FOMBA FANDOAVAM-BOLA HO
AN'NY MPIANTO – DRAHARAHA ....135
VIII.2.1 ANKAPOBENY IFOTORAN'NY FANDOAVAM-
BOLA ....135
VIII.2.2 TSARA HO FANTATRA MIKASIKA
NY FANDOAVAM-BOLA ....136
VIII.2.3 FANGATAHANA VATSIM-BOLA (AVANCES) ....137
VIII.2.4 FANGATAHANA FANDOAVAM-BOLA N°1-
FANAOVANA FANADIHADINA TETIKASA
AMBANGOVANGONY ARA-TEKNIKA ....138
VIII.2.5 FANGATAHANA FANDOAVAM-BOLA N°2-
FANAOVANA FANADIHADINA TETIKASA
ANTSIPIRIANY....139
VIII.2.6 FANGATAHANA FANDOAVAM-
BOLA N°3-TANTSOROKA AMIN'NY FITAOMANA
HANAO TOLO-BIDY....140
VIII.2.7 FANGATAHANA FANDOAVAM-BOLA-
FISAFOANA SY FANA RAMASO NY ASA ....141
VIII.2.8 FANGATAHANA FANDOAVAM-BOLA-
FANDRAISANA VONJIMAIKA NY ASA. ....142
VIII.2.9 FANGATAHANA FANDOAVAM-BOLA–
FANDRAISANA TANTERAKA NY ASA. ....143

VIII.3 FOMBA FANDOAVAM-BOLAN' NY ORINASA
MPANAO FANORENANA....144
VIII.3.1 ANKAPOBENY IFOTORAN'NY FANDOAVAM-BOLA ....144
VIII.3.2 FANGATAHANA VATSIM-BOLA (AVANCES) ....145
VIII.3.3 FANGATAHANA FANDOAVAM-BOLAN'NY
ORINASA MPANAO FANORENANA MANDRITRA
NY FANATANTERAHANA NY ASA ....145
VIII.3.4 FANGATAHAN FANDOAVAM-BOLA
ATAON'NY ORINASA MPANAO FANORENANA
MANDRITRA NY FANDRAISANA VONJI
MAIKA NY ASA ....146
VIII.3.5 FANGATAHANA FAMERENANA
NY ANTOKA AMIN'NY FAHATONTOSAN'
NY ASA ANTSAKANY SY ANDAVANY....147
VIII.3.6 FANGATAHANA FANDOAVAM-BOLA
ATAON'NY ORINASA MPANAO FANORENANA
MANDRITRA NY FANDRAISANA
TANTERAKA NY ASA....148
VIII.3.7 FANGATAHANA FAMERENANA
NY ANTOKA AMIN'NY FAHATONTOSAN'
NY ASA ANTSAKANY SY ANDAVANY....149

VIII.4 FOMBA FANDOAVAM-BOLAN' NY ORINASA
MPAMOKATRA FITAOVANA....149

# I. FAMPIDIRANA

## I.1 TANJON'NY TOROLALANA

*Ity torolalana ity dia natao hanamora sy hanampy ny fanatanterahan'ny Ben'ny tanàna sy ny mpiara-miasa aminy, fa indrindra ireo ao amin'ny Kaominina ambanivohitra sokajy faharoa, ny asa sy tetikasa fampandrosoana mifandraika amin'ny tandrifim-pahefany araka ny voalazan'ny lalàna manan-kery.*

*Natao ity « torolalana» ity mba ho fitaovana hanampy ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny hamantarany ny andraikiny sy ny fomba fiasa ary ny fitaovana ilaina amin'ny fanatanterahana ny tetikasany. Hanampy ihany koa raha sendra misy ny tsy fitovian-kevitra eo amin'ny samy mpisehatra eo am-panatanterahana ny tetikasa.*

## I.2 FOMBA FAMPIASA NY TOROLALANA

*Ho fitaovana fototra hampiasain'ireo rehetra hanome tantsoroka ny Kaominina sy hampiofana ireo tompon'andraikitra amin'ny fitompoan-draharaha Kaominaly.*
*Ity torolalana ity dia manome ny Kaominina ireo toromarika arahina amin'ny dingana sy ny antontan-taratasy ampiasaina amin'izany.*

*Ny toromarika samihafa arahina mandritra ny fanatanterahana ny tetikasa dia ho hita ao amin'ny votoatin'ny torolalana isaky ny lohahevitra, ohatra : ny fanomanana sy fanaovana ny tolo-bidy. Ny môdelin'ireo antontan-taratasy ampiasaina mifanaraka amin'ny dingana tsirairay kosa dia omena any amin'ny tovana araka ny laharany avy.*

## I.3 FETRAN'NY TOROLALANA

*Amin'ny maha torolalana azy ity dia ho voafetra ihany ny voalaza ato anatiny fa ny Boky mirakitra ny fomba na paika arahina « Manuel des procédures » no hameno azy amin'ny antsipiriany.*

*Ny ampahany amin'ireo môdelin' ny antontan-taratasy maro samihafa ampiasaina amin'ny fanatanterahana ny asa dia soratana amin'ny teny Frantsay hatrany.*
*Ity torolalana ity koa dia hiompana misimisy kokoa amin'ny ny dingana faharoan' ny fitompoan-draharaha Kaominaly : ny fanatanterahana ireo asa voarafitra, ary koa voafetra ho an'ireo karazana tsenabarom-panjakana tena misy matetika eny anivon'ny Kaominina ambanivohitra.*

## I.4 VOTOATIN'NY TOROLALANA

*Ity toro-lalana ity dia ahitana ireto lohahevitra manaraka ireto :*

- *Ny hevitra ifotoran'ny « Fitompoan-draharaha Kaominaly » ;*
- *Ny hevitra ifotoran'ny « Tsenambaro-panjakana »*
- *Ny fandraiketana tsenambaro-panjakana*
- *Ny fitantanana ny fifanekena fifampiraharaham-barotra.*
- *Ny fomba fandoavam-bola*

## II.1 FAMARITANA NY « FITOMPOAN-DRAHARAHA KAOMINALY »

*Ny «* **Fitompoan-draharaha Kaominaly** *» na « Maîtrise d'Ouvrage Communale » dia fahefana sy fahafahan'ny Kaominina manapa-kevitra amin'ny famaritana ny tetikasa, ny fisafidianana ireo mpisahana asa hanatanteraka ny tetikasa, ny fitantanana ny fifanekena fifampiraharaham-barotra, ny fampiasana sy ny fikojakojana ny fotodrafitrasa.*

*Ny «* **Fitompoan-draharaha Kaominaly** *» izany dia ny fahefan'ny tompon'andraikitry ny Kaominina manapa-kevitra amin'ny asa fampandrosoana araka ny tandrifim-pahefany voafaritry ny lalàna manan-kery.*

*Ny fanapahan-kevitra amin'ny famaritana ny asa fampandrosoana dia miainga avy amin'ny fankatoavan'ny Mpanolotsaina Kaominaly ny « Drafitra Fampandrosoana ny Kaominina (PCD), ny fandaharan'asa mandritry ny telo taona (programme triennal), ny fandaharan'asa isan-taona ary indrindra ny tetibola isan-taona mifandraika amin'izany ». Ny Ben'ny Tanàna no mitarika ny fanatanterahana izany, araka ny fahefana nomen'ny Mpanolotsaina Kaominaly azy. Noho izany dia ny Ben'ny Tanàna no solontenan'ny tompon-draharaha na « Maître d'Ouvrage » eo amin'ny fanatanterahana ny asa.*

## II.2 LALANA MAMARITRA NY FITOMPOAN-DRAHARAHA KAOMINALY

Ny lalàna laharana faha 99-023 tamin'ny 19 Aogositra 1999 mifehy ny Fitompoan-draharaham-panjakana dia milaza fa isan'ireo rafitra voafaritra ho tompon-draharaha amin'ny fanatanterahana fotodrafitrasa amin'ny maha Vondrom-Bahoakam-Paritra Itsinjaram-pahefana azy ny Kaominina.

Ny lalàna laharana faha 2014-020 ny 27 septambra 2014 mikasika ny loharanom-bolan'ireo vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ny fombafomba fifidianana, ny fandaminana ary ny andraikitry ny rafitr'izy ireo.

## II. HEVITRA IFOTORAN'NY FITOMPOAN-DRAHARANA KAOMINALY



*Famantarana ireo olana sy filàna ary famaritana ny vahaolana ho asa fampandrosoana mifanandrify amin'ny fahefany*






*Famolavolana izany ho tetikasa azo tanterahina*







*Fitantanana sy fikojakojana ny fotodrafitrasa*



FAMARITANA

FANATANTERAHANA

FITANTANANA SY FIKOJAKOJANA







## II. HEVITRA IFOTORAN'NY FITOMPOAN-DRAHARANA KAOMINALY

*Raha tsy manana ny olona na ny fahaiza-manao ilaina amin'izany ny Kaominina dia afaka manankina ny ampahany ny andraikitra maha tompon-draharaha azy amin'ny mpisahana asa ivelany na « prestataires externes ».*



## II.4 NY DINGANA AMIN'NY FITOMPOAN-DRAHARAHA KAOMINALY

### Dingana 1 – Fanomanana

- Fandrafetana drafi - tetikady (Plan stratégique)
- Fandrafetana drafitra hoenti - miasa (Plan opérationnel)
- Fandrafetana Tetibola (Budget)
- Fandrafetana tetikasa
- Fanetsehana ireo loharanom-bola anatiny sy ivelany

### Dingana 2 – Fanatanterahana ny tetikasa na foto - drafitrasa

- Fanomanana fandraiketana tsenambaro-panjakana (Préparation passation des marchés)
- Fanaovana fandraiketana tsenambaro-panjakana (Réalisation passation des marchés)
- Fanatanterahana ny tetikasa na fotodrafitrasa sy fampitaovana (Exécution des travaux)
- Fiomanana amin'ny fitantanana sy fikojakojana (Préparation à la gestion et entretien des infrastructures)
- Fandoavam-bola ireo tsenam-barotra (Règlement des marchés)

### Dingana 3 – Fitantanana ny fotodrafitrasa

- Fanaovana fandraiketana fifampiraharaham – barotra
- Fampiasana ny fotodrafitrasa
- Fanaovana ny fijokojana

## FANAMARIHANA

*....ka ny dingana faha 2 : fanatanterahana ny tetikasa na fotodrafitrasa no tena resahina kokoa ato anatin'ity torolalana ity .*

*Ny fisafidianana ireo mpisahana asa ivelan'ny Kaominina dia tsy maintsy manaraka ny paika arahina momban'ny fandraiketana tsenambaro-panjakana (procédures de passation des marchés publics) araka ny antsipiriany voalazan'ny lalàna mifehy izany.*

## II.5 FAMINTINANA ANKAPOBENY NY DINGANA FANATAN TERAHANA NY TETIKASA



## III.1 NY ATAO HOE « TSENAMBARO-PANJAKANA »



Ny antsoina hoe "Tsenambaro-panjakana" dia ny fanaovana fifanekena fifampiraharaham-barotra sandaina vola, eo amin'ny rafitra ara-panjakana na ny rafitra tsy miankina sy ny Manamahefa mpandraiki-barotra na autorités contractantes, *araka ny voalaza ao andininy faha-8 ao amin'ny lohateny voalohany ny fehezan-dalàna fifampiraharaham-barotra amin'ny fanjakana laharana 2016-055 tamin'ny 25 janoary 2017*, mba entina mamaly ireo filàna ara-panjakana eo amin'ny lafiny asa vaventy, fampitaovana sy fisahananasa ara-tsaina.

Tsy azo ampiharina kosa anefa ny fepetra voalaza ato amin'ity lalàna ity amin'ny fifanekena fifampiraharaham-barotra ifanaovan'ny Manamahefa mpandraiki-barotra sy ny orinasa miankina na tsia amin'ny fanjakana, kanefa misy rohim-pifandraisana ara-drafitra aminy.
Tsy afaka mandray anjara torak'izany koa ireo sampan'asa miankina amin'ny mpampindram-bola, raha toa ka vola avy any ivelany no mamatsy ilay tetikasa.

## III.2 LALANA MAMARITRA NY FIFAMPIRAHARAHAM-BAROTRA AMIN'NY FANJAKANA

Ny lalàna laharana 2016-055 tamin'ny 25 janoary 2017 no mamaritra ny fehezan-dalana mikasika ny tsenambaro-panjakana (Code des Marchés Publics).


## III.3 NY KARAZANA TSENAMBARO-PANJAKANA

Misy telo (03) ny karazana tsenambaro-panjakana araka ny andininy faha-3 ao amin'ny lohateny savaranonando ny fehezan-dalàna momban'ny tsenambaro-panjakana, lalàna laharana 2016-055 tamin'ny 25 janoary 2017.

## III. HEVITRA IFOTORAN'NY TSENAMBARO-PANJAKANA (MARCHES PUBLICS) KAOMINALY

**Ny tsenambaro-panjakana momban'ny asa vaventy** (Marché des travaux) izay natao hanatontosana, na hanatanterahana asa tao-trano na fotodrafitrasa hafa

**Ohatra :** Fananganana, fanarenana na fanavaozana fotodrafitrasa,...






**Ny tsenambaro-panjakana mikasika ny fampitaovana sy ny fisahananan-draharaha tsotra** (Marché fournitures et des services)

**Ohatra :** Fividianana fitaovana fampiasa ao anaty birao, fanaka an-tsekoly na hôpitaly, solosaina,...

**Ohatra :** Fitantanana Fako, fitantanana tambazotran-drano fisotro madio, ...

**Ny tsenambaro-panjakana momban'ny fisahananasa ara-tsaina** (Marché des prestations intellectuelles) tsy azo faritana ny habeny.

Ohatra : asa fanadihadiana sy fanaraha - maso ny fanorenana sy fanarenana fotodrafitrasa



## III.4 NY FOTO-KEVITRA ANKAPOBENY NY TSENAMBA RO-PANJAKANA

Ny foto-kevitra ankapobeny ifotoran'ny tsenambaro-panjakana na ohatrinona na ohatrinona ny tombam-bidiny dia : **ny fanajana ny fitsipika ny fahafahan'ny tsirairay mandray anjara amin'ny izany, sy ny fampitovian-jo ireo mpifaninana ary ny fangarahara ny paika arahina (procédures).**

...ka ny fanajàna ireo fotokevi-dehibe ireo no antoka ny fahatomombanan'ny fividianana na famaliana ny filàna ataon'ny Fanjakana sy ny fampiasana ara-drariny sy amin'ny tokony ho izy ny volam-panjakana.

...ka noho izany dia tsy maintsy faritana mialoha ny filàna ireo rafitra ara-panjakana isan-tsokajiny ary hatao maty paika ny fandaminana ny fomba fampifaninanana, indrindra moa ny fananganana drafitra fandraiketana fifanaraham-barotra (plan passation des marchés), ny tsy maintsy fanaovana tolo-bidy mba hisian'ny fifaninana sy ny fisafidianana ny tolo-bidy na tolotra ahitana tombony ara-toekarena indrindra (offre économiquement avantageuse).


...Ho fampiharana sy ho fanajana ireo fotokevi-dehibe ireo, dia atsangana ny rafitra mpanara-maso sy ny fahefana mpandrindra ny tsenambaro-panjakana araka izay anjara asany avy voafaritry ao amin ny andininy faha-17 sy 19 ny fehezan-dalàna mikasika ny fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana


## III.5 NY FARAFETRA AMPIHARINA AMIN’NY TSENAMBA RO-PANJAKANA

Tsy azon’ny Mpiandraikitra ny tsenambaro-panjakana (PRMP) atao ny manasamatsamaka be fahatany ny fifampiraharaham-barotra izay tantanany, na koa mampiasa fomba fisafidianana mikendry fotsiny ny hampihena ny mpifaninana na koa hialana amin’ireo fepetra apetrakin’ny fehezan-dalàna mikasika tsenambaro-panjakana.

Rehefa manombana ny sandan’ny fifampiraharaham-barotra, ny Mpiandraikitra tsenambaro-panjakana, dia kajiany daholo fitambaran’ny tombambidin’izay fifampiraharaham-barotra kasaina hotanterahina mandritra ny vanimpotoana iray, na inona na inona endriky ny fandoavam-bola amin’izany.

Ny fomba famerana ny farafetra dia *fehezin’ny andininy faha 06 ao amin’ny lohateny voalohany ao amin’ny lalàna laharana 2016-055 tamin’ny 25 janoary 2017* ka voafetra araka izao manaraka izao na firy na firy no mety ho isan’ny mpandray anjara amin’ny fifaninanana :

| KARAZANA FIFAMPIRAHARAHAM-BAROTRA | FAMARITANA FARAFETRA |
|---|---|
| Asa vaventy   | Ny sanda ankapoben’ny asa iray tsy mivaky, misy foto-drafitrasa iray na maromaro nefa mitovy ny fomba fanatanterahana azy, no ampitahaina amin’ny farafetra.<br>Misy ny fanaovana asa raha vao manampan-kevitra ny Mpiandraikitra tsenambaron-panjakana ny fanatontosana ao anatiny vanim-potoana iray sy eo amin’ny toerana voafetra ny fitambarana asa manana fomba fiasa mampiavaka azy eo lafiny ara-teknika na ara-toe-karena. |

| KARAZANA FIFAMPIRAHARAHAM-BAROTRA | FAMARITANA FARAFETRA |
|---|---|
| Fampitaovana sy ny Fisahanan-draharaha  | Ny fanombanana ny sandan'ny fitambaran'ny vidin'ireo fitaovana na fisahanan-draharaha heverina fa afa-miaraka satria mitovy ny toetoetrany, na koa izy ireo samy hampiasaina amin'ny anton-javatra iray ihany, no ampitahaina amin'ny farafetra.<br><br>Ho an'ny tsena herintaona na latsakin'ny izany ny fifampiraharaham-barotra dia ny tombam-bidin'ny filàna mandritra ny herintaona no ampitahaina amin'ny farafetra |
| Tsena misy tsijaran'asa (lot) | Ny fanombanana ny sandan'ny fitambaran'ny tsinjaran'asa rehetra no ampitahaina amin'ny farafetra |

Ho fampiarana ny farafetra voalaza etsy ambony dia fintinina ao Tovana 1 ny farafetra ny, sandan'izy ireo tsirairay avy.

## III.6 NY RAFITRA MIANDRAIKITRA NY FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA

Ny Manamahefa mpandraiki-barotra dia manana rafitra manokana ho famaliana ny filàna eo amin'ny rafitra ara-panjakana mpividy ka manana ireto ratsan-mangaika manaraka ireto araka ny adininy faha 7 ny lalàna laharana 2016-055 tamin'ny 25 janoary 2017 :

- Mpiandraikitra ny tsenambaro-panjakana
- Vaomieran'ny tolo-bidy
- Vaomiera mpandray ny asa
- Vondron'ny mpividy ara-panjakana

## III.6.1 MANAMAHEFA MPANDRAIKI-BAROTRA (Autorité contractante)



### ANDRAIKITRA

Ny Manamahefa mpandraiki-barotra dia ny « Mpanalalana amin'ny fitantanam-bola » (na Ordonnateur des crédits). Ny asa sy andraikitra raisiny dia ataony amin'ny anarana sy ho an'ireo rafitra ara-panjakana mpividy na ny tsy mainkina voalaza *ao amin'ny andininy faha 4 ny lalàna laharana 2016-055 tamin'ny 25 janoary 2017*

**FANAMARIHANA**

Arakan'ny famaritana ao fehezan-dalana mikasika ny tsenambaro-panjakana laharana 2016-055 ny 25 janoary 2017, ho an'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia ny Lehiben'ny mpanatanteraka no miandraikitra ny Manamahefa mpandraiki-barotra. Izany hoe ny Ben'ny Tanana = Manamahefa mpandraiki-barotra.

### ANJARA ASA

Ny Manamahefa mpandraiki-barotra dia manana ireto anjara asa voalaza manaraka ireto :

- Famaritana ireo fandaharana asa mifandraika amin'ny tanjona kendrena ;
- Fiantohana ny fahamatoran'ny fandaharan'asa natolotra mialoha ny handrafetana sy fankatoavana ny tetibola mifandraika amin'izany ;
- Famolavolana sy fanolorana ny drafitra notsorina fandraiketana tsenambaro-panjakana sy ny fahamatoran'ny fandaharan'asa ary ny vinavina tetiandro handoavana ny vola ;
- Famolavolana sy fanolorana drafitra fandraiketana tsenambaro-panjakana amin'ny antsipiriany sy ny fanitsiana ny ny vinavina tetiandro handoavana ny vola, raha vantany vao azo ampiasaina ny tetibola ;
- Fanaovana tatitra momba ny fahavitan'ny fandraiketana tsenambaro-panjakana mba hahafahana manombana ny fahatratrarana ny tanjona sy ny tetibola natokana tamin'izany ;

- Fitahirizana ireo antontanisa mifandraika amin'ny fandraiketana sy ny fanatanterahana ny tsenambaro-panjakana ;
- Fandrindrana sy fiantohana ny fitahirizana mandritra ny folo taona ireo antontan-kevitra rehetra mifandraika amin'ny fifampirahara-hanam-barotra amin'ny tsenambaro-panjakana.

MPIARA-MIASA

- ☞ Ireto sampana na tompon'andraikitra manaraka ireto dia manampy ny Manamahefa mpandraiki-barotra amin'ny fanatanterahana ny asany :
- ☞ Sampana miandraikitra ny fandaharan'asa ;
- ☞ Mpiandraikitra ny fandaharan'asa ;
- ☞ Mpiandraikitra ny tsenambaro-panjakana ;
- ☞ Vaomieran'ny tolo-bidy ;
- ☞ Olona na rafitra misahana ny fandraiketana ny vola holaniana sy manome fankatoavana ny fahamarinam-pototry ny fandaniana tokony ho efaim-bola

## III.6.2 SAMPANA MIANDRAIKITRA NY FANDAHARAN'ASA (Cellule de programmation)

ANDRAIKITRA

Araka ny voalazan'ny andininy faha-9 ao amin'ny lalàna laharana 2016-055 ny 25 janoary 2017, ny sampana misahana ny fandaharan'asa dia miandraikitra ny fandrafetana ny tetikasa fampiasam-bola sy ny fanaraha-maso ny fahamatoran'izany.

ANJARA ASA

Ny sampana miandraikitra ny fandaharan'asa dia misahana ireto asa ireto :
fanomana ny fanambarana fandaharan'asa fampiasam-bola;
fanaramaso ny famatsiam-bola sy ny fanatontosana famakafakana mialoha;
fandraisana ny drafitra notsorina fandraiketana tsenambaro-panjakana ny taona nitsahana.

## III. HEVITRA IFOTORAN'NY TSENAMBARO-PANJAKANA (MARCHES PUBLICS) KAOMINALY

**MPIARA-MIASA**

Ireto tompon'andraikitra sy sampana voalaza manaraka ireto no miara-miasa amin'ny sampana eo amin'ny fanatontosaina ny andraikiny :

- ny Mpiandraikitra ny fandaharan'asa ny famatsiam-bola
- ny Mpiandraikitra ny tsenambaro-panjakana
- ny sampana misahana ny fitantanam-bola
- ny sampana misahana ny ara-teknika

### III.6.3 MPIANDRAIKITRA NY FANDAHARAN'ASA

ANDRAIKITRA

Araka ny voalazan'ny andininy faha-10 ao amin'ny lalàna laharana 2016-055 ny 25 janoary 2017, ny Mpiandraikitra ny fandaharan'asa no lehibe sy mitarika ny fantanterahana ny tetikasa.


**ANJARA ASA**

Ny Mpiandraikitra ny fandaharan'asa no misahana ireto asa ireto :

- famaritana sy fandaminana ireo asa ho atao entina manatratra ny tanjona kendrena;
- fanaramaso ny fanomanana sy ny fanatanterahana ny fandaharan'asa famatsiam-bola.

### III.6.4 MPIANDRAIKITRA NY TSENAMBARO-PANJAKANA (Personne Responsable des Marchés Publics)

ANDRAIKITRA




*Araka ny voalazan'ny andininy faha-11 ao amin'ny lalàna laharana 2016-055 ny 25 janoary 2017* : ny Mpiandraikitra dia fahefana nomena alàlana hitondra ny tsenambaro-panjakana paika rehetra handraiketana ny tsenambaro-panjakana sy hanara-maso ny fanatanterahana izany.

Noho izany, ny Mpiandraikitra tsenambaro-panjakana no mampafantatra izay nahazon'ny fifampira-

haraham-barotra, manao sonia sy mankatoa ny fifanekena fifampiraharahana, ary misolo tena ny Manamahefa mpandraiki-barotra mandritra ny fotoana rehetra fanatanterahana ny fifanekena fifampiraharaham-barotra.

| FANAMARIHANA |
| --- |
| Ho an'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia ny lehiben'ny mpanatanteraka no miandraikitra ny toeran'ny Mpiandraikitra ny tsenambaro-panjakana. Izany hoe ny Ben'ny Tanana no Mpiandraikitra ny tsenambaro-panjakana eny anivon'ny Kaominina. |

FANENDRENA

*Araka ny voalazan'ny andininy faha-11 ao amin'ny lalàna laharana 2016-055 ny 25 janoary 2017 :* ny Manamahefa mpandraiki-barotra no manendry ny Mpiandraikitra ny tsenambaro-panjakana avy amin'ny lisitr'ireo olona manana fahalalàna tsy azo iadian-kevitra sy traikefa azo tsapain-tanàna amin'ny fikirakirana ny fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana izay atolotry ny Manamahefa mpandrindra ny fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana (ARMP).

Telo taona azo havaozina indray mandeha ny fe-potoana hiasany. Tsy azo ovaina na foanana ny fe-potoana hiasany ny Mpiandraikitra ny tsenambaro-panjakana raha tsy nohon'ny antony manaraka ireto :

- fandikana an-kitsirano ireo fepetra voalazan ny fehezan-dalàna mikasika ny tsenambaro-panjakana,
- na vokatry ny fanamelohan'ny Fitsarana famaizana nohon'ny heloka tsotra na heloka bevava nataon'ilay Mpiandraikitra ny fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana.

ANJARA ASA

Ny Mpiandraikitra ny fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana dia manao ireto anjara asa ireto ny :


- mandray anjara, miaraka amin'ny sampan-misahana ny ara-teknika sy ny Mpiandraikitra ny fandaharan'asa, amin'ny fanomanana ny drafitra fandraiketana ny tsenambaro-panjakana notsorina ho an'ny taona voakasik'izany, sy ny drafitra fandraiketana tsenambaro-panjakana amin'ny antsipiriany raha vantany vao nankatoavina ny tetibola ;

- manendry ny Filohan'ny Vaomieran'ny tolo-bidy ary manendry ireo mpikambana ao amin'ny zana-baomiera mpanombana ara-teknika ny tolo-bidy
- misahana ireo asa mikasika ny fankatoavana, fanekena, ary fampahafantarana an'izay nahazo ny tsenambaro-panjakana ;
- manara-maso ny fanatanterahana ny fifanekena fifampiraharaham-barotra ;
- mitahiry ireo antontan-kevitra rehetra mikasika tsenambaro-panjakana ;
- mandray anjara amin'ny fanomananany tatitra momba ny fahavitan'ny fandraiketana tsenambaro-panjakana.

## FANAMARIHANA

**MPIARA-MIASA**

Miara-miasa amin'ny Rafitra mpitantana ny fandraiketana ny fifampiraharaham-barotra (UGPM) ny Mpiandraikitra tsenambaro-panjakana eo amin'ny fanatontosaina ny andraikiny.




> Eny anivon'ny Kaominina dia mbola tsy tafapetraka ny rafitra mpitantana ny fandraiketana ny fifampiraharaham-barotra (UGPM) ka ny orinasa mpianto-draharaha na mpanadihady (Bureau d'Etudes) no mbola miandraikitra izany.

**FISOLOAN-TOERANA**

Araka ny voalazan'ny andininy faha-11 ao amin'ny lalàna laharana 2016-055 ny 25 janoary 2017 : Raha sendra misy ny tsy maha eo an-toerana na tsy fahafahan'ny Mpiandraikitra ny tsenambaro-panjakana, dia manendry olon-kafa izay mahafeno ireo fepetra voalaza etsy ambony ny Manamahefa mpandraiki-barotra, mba hisahana mandritra ny fotoana voafetra ny asan'ny Mpiandraikitra ny tsenambaro-panjakana.

Kanefa raha mihoatra ny telo volana ny tsy maha eo an-toerana na tsy fahafahany dia heverina ho nametra-pialana tanteraka izy ary hirosoana ny Manamahefa mpandraiki-barotra ny fanoloana ny Mpiandraikitra ny tsenambaro-panjakana ka ho hajaina sy harahina ny fomba fanendrena voalaza etsy ambony.

## III.6.5 VAOMIERAN'NY TOLO-BIDY



**ANDRAIKITRA**

Araka ny voalazan'ny andininy faha-12 ao amin'ny lalàna laharana 2016-055 ny 25 janoary 2017 : ny vaomieran'ny tolo-bidy no misahana ny fandinihana ny taratasy fandraisana anjara sy ny fanombanana ireo tolo-bidy na tolotra napetrak'ireo mpifaninana.

**MPIKAMBANA**

Amin'ny fanatanterahana ny tsenambaro-panjakana iray dia miisa dimy (05) ny mpikambana ao anatin'ny vaomieran'ny tolo-bidy.
Ny vaomieran'ny tolo-bidy dia tarihin'ny mpikambana iray notendren'ny Mpiandraikitra ny tsenambaro-panjakana.



**FANENDRENA**

Ny Mpiandraikitra ny tsenambaro-panjakana no manendry ny mpikambana ao anatin'ny voamieran'ny tolo-bidy. Miainga amin'ny lisitra misy olona dimy ambin'ny folo (15) farafaha-keliny natolotrin'ny rafitra mpitantana ny fandraiketana ny fifampiraharaham-barotra no hisafidianan'izany.

## III. HEVITRA IFOTORAN'NY TSENAMBARO-PANJAKANA (MARCHES PUBLICS) KAOMINALY

Ny kandidà tsirairay natolotrin'ny rafitra mpitantana ny fandraiketana ny fifampirahaham-barotra dia tokony hanana ireto fahaiza-manao manaraka ireto :

- Manana traikefa momba ny tsenam-barotra ara- panjakana nandritra ny roa (02) taona mitohy;
- Manana traikefa mikasika ireto sehatra ireto: lalana-asa vaventy-fitantanam-bola-sns;
- Tsy nandray anjara tamin'ny famolavolana, fankatoavana, ary ny fanaraha-maso ny antontan-taratasy fitaomana hanao tolo-bidy (DAO) ny Manamahefa mpandraiki-barotra iray.
- Raha ilaina, dia azon'ny Mpiandraikitra ny tsenambaro-panjakana no ny manendry olon-kafa manam-pahaizana manokana mba hanampy ny vaomieran'ny tolo-bidy amin'ny fanombanana ireo tolotra na tolo-bidy voaray.




Ny mpitantsoratra dia tendren'ny Mpiandraikitra ny tsenambaro-panjakana.

| FANAMARIHANA |
|---|
| Eny anivon'ny Kaominina, ny fanendrena ny mpikambana ao anatin'ny vaomieran'ny tolo-bidy ny asa dia atao amin'ny alalan'ny fanapahana Kaominaly Tovana 2. |

**FANAMARIHANA**

Eny anivon'ny Kaominina ny mpikambana ao anatin'ny vaomieran'ny tolo-bidy dia mitsinjara ho toy izao :

- Solontena roa (02) avy amin'ny mpanatanteraka
- Solontana iray (01) avy amin'ny filan – kevitra Kaominaly
- Solontena roa (02) avy amin'ny mpahazo tombontsoa

**ANJARA ASA**

Ny voamieran'ny tolo-bidy no manatontosa ireto anjara asa voalaza manaraka ireto :

- Fanolorana ny lisitr'ireo mpifaninana mahazo mirotsaka raha toa ka fitaomana hanao tolo-bidy voafetra na fangatahana fanakiàna momban'ny fifampiraharaham-barotra ny fisahananasa ara-tsaina no ampiarina. Fandinihana ireo antontan-taratasy natolotrin'ireo mpifaninana raha toa ka fitaomana hanao tolo-bidy misokatra misy sivana mialoha no ampiarina, sy fanolorana ireo lisitra ny mpifaninana voafantina.
- Mandray anjara amin'ny ny fanokafana ireo tolo-bidy na tolotra.
- Fanaovana tombana sy fandaharana ireo tolo-bidy na tolotra.
- Fanolorana ny soson-kevitra fandavana ireo tolo-bidy mora loatra.
- Fanolorana ny soson-kevitra amin'ny fanambarana ny tolo-bidy tsy nahomby
- Fanaovana tombana sy fanomezana ny heviny momba ny fahaiza-manao ireo mpifaninana.
- Fanomezana fanazavana fanampiny ny Mpiandraikitra ny tsenambaro-panjakana mandritra ny fandraiketana ny tsenambaro-panjakana.

*Ireo anjara asa tsirairay ireo dia tsy maintsy faranana amin'ny fiadian-kevitra mialoha ny handraisana fanapahan-kevitra*

## III.6.6 VAOMIERAN'NY FANDRAISANA NY ASA

**ANDRAIKITRA**

Araka ny voalazan'ny andininy faha-13 ao amin'ny lalàna laharana 2016-055 ny 25 janoary 2017 : ny vaomieran'ny fandraisana ny asa no misahana ny fanambarana ny fandraisana ny asa na natolotra (asa vaventy - kojakoja sy fisahananasa tsotra na ara-tsaina)

**MPIKAMBANA**

Ny voamieran'ny fandraisana ny asa dia miorina eo anivon'ny Mpiandraikitra ny tsenambaro-panjakana.

Ny mpikambana ao anatin'ny vaomieran'ny fandraisana ny asa dia tendren'ny Mpiandraikitra ny tsenambaro-panjakana.

Toa izao ny firafitry ny mpikambana ao anatin'ny vaomieran'ny fandraisana ny asa araka izay karazan'asa natao

## III. HEVITRA IFOTORAN'NY TSENAMBARO-PANJAKANA (MARCHES PUBLICS) KAOMINALY

| | |
|---|---|
| Asa vaventy | <u>**Filoha :**</u> Ny Mpiandraikitra ny tsenambaro-panjakana na ny solontenany<br>Mpikambana :<br>- Teknisianina iray manam-pahaizana manokana<br>- Injeniera iray miandraikitra ny fanaraha-maso sy ny fanatanterahana ny asa |
| Kojakoja sy ny Fisahanan-draharaha tsotra | <u>**Filoha :**</u> Ny Mpiandraikitra ny tsenambaro-panjakana na ny solontenany<br>Mpikambana :<br>- Teknisianina iray manam-pahaizana manokana<br>- Mpiasa iray miandraikitra ny fanamarinana ny fandraisana ireo fitaovana |
| Fisahananasa ara-tsaina | Filoha : Ny Mpiandraikitra ny tsenambaro-panjakana na ny solontenany<br>Mpikambana :<br>- Teknisianina iray manam-pahaizana manokana<br>- Mpiasa iray miandraikitra ny fanaraha - maso ny fanatanterahana ny fisahananasa ara-tsaina. |

| FANAMARIHANA |
|---|
| Eny anivon'ny Kaominina, ny fanendrena ny mpikambana ao anatin'ny voamieran'ny fandraisana ny asa dia atao amin'ny alalan'ny fanapahana Kaominaly Tovana 3. |

## III.7 NY RAFITRA MIANDRAIKITRA FANARAHA-MASO NY TSENAMBARO-PANJAKANA.

ANDRAIKITRA

*Araka ny voalazan'ny andininy faha-17 ao amin'ny lalàna laharana 2016-055 ny 25 janoary 2017 :* ny rafitra miandraikitra fanaraha-maso ny tsenambaro-panjakana no misahana ny :

- fandinihana, mialoha sy ao aoriana, ireo tolokevitra, na fanapahankevitra, fanomezana tsenambaro-panjakana noraisin'ny Mpiandraikitra tsenambaro-panjakana araky ny farafetra momba ny fanaraha-maso faritan'ny didy amam-pitsipika,
- fanaraha-maso ireo drafitra fandraiketana, fampahafantarana ankapobe sy tetiandron'ireo fandraiketana tsenambaro-panjakana novolavolain'ny Mpiandraikitra tsenambaro-panjakana,
- fanaraha-maso ireo paika sy fombafomba fanao amin'ny fampifaninanana mikasika ny Fiaraha-miasan'ny Fanjakana sy ny tsy miankina,
- fandraisana anjara amin'ny famakafakana sy fanadihadiana ny manodidina ny tsenambaro-panjakana.

MPIKAMBANA

Ny rafitra fanaraha-maso ny tsenambaro-panjakana dia miorina eo ambany fiahian'ny Minisitra misahana ny Tetibola.

Amin'ny fanatanterahana ny fanaraha-maso ny tsenambaro-panjakana dia miisa efatra (04) ny mpikambana ao anatiny (Filoha + mpikambana telo), miampy mpitantsoratra iray (01).

## III.8 NY MANAMAHEFA MPANDRINDRA NY TSENAMBA RO-PANJAKANA.

ANDRAIKITRA

*Araka ny voalazan'ny andininy faha-19 ao amin'ny lalàna laharana 2016-055 ny 25 janoary 2017 : ny Manamahefa mpandrindra ny fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana no misahana ny :*

- mandray anjara amin'ny famolavolana ny politikan'ny tsenambaro-panjakana, sy miantoka ny fanatanterahana ary mamolavola ny tetikady fampiharana izany,
- mamolavola ny fitsipika mikasika ny tsenambaro-panjakana, sy miantoka ny fanazavana ireo rijanteny sy antontankevitra mifandraika amin'izany,
- maneho hevitra, sady manome soso-kevitra sy torolàlana, mba hahafahana mandrindra ny tsenambaro-panjakana,
- mijery ifotony ny fomba fiasan'ireo rafi-panjakana mpikirakira tsenambaro-panjakana, sy manao tomban'ezaka amin'ny fahaiza-manaon'izy ireo,
- manangona antontan-kevitra sy manao famakafakana ara-toekarena mikasika ny tsenambaro-panjakana,
- manao ny tatitra an-tsoratra isan-taona mikasika ny tsenambaro-panjakana any amin'ny Filohan'ny Repoblika sy ny Parlemanta ary ny Governemanta,
- mandray an-tànana avy hatrany, na tsy misy fitoriana aza, ny tsy fanarahandalàna sy ny fanitsakitsahan'ny mpiantsehatra ireo fepetra amam-pitsipika mifehy ny tsenambaro-panjakana,
- manangona sy manambatra izay mety ho antontan-kevitra, fahazoambaovao na antontan'isa mikasika ny tsenambaro-panjakana mba ho lasa tahirin-kevitra azo trandrahana,

- manatontosa na mampanao fitsirihana manokana, na fanadihadiana na fikarohana mikasika ny fikirakirana ny tsenambaro-panjakana,
- manofana no manampy ara-teknika ireo mpisehatra rehetra amin'ny tsenambaro-panjakana, na miankina izy na tsia amin'ny Fanjakana,
- miantoka ny fampangarahara ny fikirakirana ny tsenambaro-panjakana, amin'ny alalan'ny famoahana, amin'ny gazety voatokana ho an'izany, ny vaovao rehetra mikasika ny tsenambaro-panjakana, ka anisan'izany ny filazana mialoha ho an'ny daholobe (avis généraux), sy ny fiantsoana tolobidy, ary ny fampahafantarana ny besinimaro izay nahazo ny tsenambaro-panjakana,
- manara-maso sy manao tombana ny fampiharana ny fanapahan-kevitra noraisiny, ary mandray ny fepetra rehetra sahaza ho an'ireo izay tsy nanatanteraka izany,
- mandravona ireo disadisa niseho teo am-panatanterahana ny tsenambaro-panjakana,
- maneho hevitra rehefa manao fanelanelanana sy fampihavanana nohon'ny disadisa nateraky ny fanatanterahana ny tsenambaro-panjakana,
- manapa-kevitra raha misy mangataka fanilihana mpifaninana tsy hahazo mandray anjara amin'ny tsenambaro-panjakana,
- manasazy ara-panjakana ireo rafitra, na olona, na antokon-draharaha nandray anjara tamin'ny fikarakarana, fanomanana, fandraiketana na fanatanterahana ny tsenambaro-panjakana, ka tsy nanaja ny fitsipika tokony harahina mikasika izany,
- manao fanelanelanana, raha misy tsy fankatoavana ny hevitra, na fanapahankevitra, noraisin'ny rafitra mpanara-maso ny tsenambaro-panjakana,
- manao tombana mikasika ny fanajan'ireo rafitra mpanara-maso tsenambaro-panjakana sy ireo rafitra mpikirakira ny tsenambaro-panjakana ny fitsipi-pitondran-tena, eo am-panatanterahana ny asany, ka manapakevitra amin'izay fepetra tokony hifandraika amin'izany.

## IV. FANOMANANA NY FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA (MARCHES PUBLICS) KAOMINALY

Misy dingana telo (03) tsy maintsy tanterahana mialoha ny hirosoana amin'ny fandraiketana tsenambaro-panjakana :




### IV.1 FAMOLAVOLANA DRAFI-PANDRAIKETANA TSENAM BARO-PANJAKANA (Elaboration Plan Passation des marchés)

<u>DRAFI-PANDRAIKETANA NY TSENAMBARO-PANJAKANA</u>

Araka ny voalazan'ny andinin'ny faha 26 ao amin'ny lalàna laharana 2016-055 ny 25 janoary 2017 : ny Manamahefa mpandraiki-barotra na Kaominina amin'ny alalan'ny Mpiandraikitra tsenambaro-panjakana dia tsy maintsy mamolavola mialoha ny drafi-pandraiketana ny tsenambaro-panjakana.

Araka izany dia tokony efa hita soritra ao amin'io drafitra io ny dingam-paha-matoran'izay asa kendrena hatao amin'ny taompiasana manaraka, sy ny te-tiandro tokony hanefana ny vola mifandraika amin'izany mandritra taona iray na maromaro, mandritra ny famolavolana ny teti-bola.

Noho izany ny asa rehetra mahakasika ny fahazoana na fividianana fitaovana, fisahananasa tsotra na ara-tsaina ary fanaovana asa vaventy voavinavina ao anatin'ny drafitra isan-taonan'ny Kaominina sy ny tetibola mifandraika ami-ny, dia tsy maintsy avondrona ao anatin'ny drafi-pandraiketana tsenamba-ro-panjakana araka ny modely hita ao Tovana 4.

## IV. FANOMANANA NY FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA (MARCHES PUBLICS) KAOMINALY

Ireo mandrafitra azy :

- Fomba hanatanterahana azy
- Karazan'ny fisahananasa hatao (asa vaventy, fisahanan-draharaha sy fampitaovana, fisahananasa ara-tsaina,)
- Habetsahana sy kalitaon'ny filàna
- Fotoana ilàna azy
- Vinavinan-teti-bola
- Kaonty ny tetibola misy ny tsena kasaina hatao

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

COMMUNE RURALE DE BETSAKO

PERSONNE RESPONSABLE DES MARCHES PUBLICS

PLAN DE PASSATION DE MARCHES POUR L'ANNEE 2017

Dénomination de l'autorité contractante: COMMUNE RURALE DE BETSAKO — Date d'élaboration du document initial : 6-mars-17

Nom de la PRMP : RAZAFINDRAVIVELO Fanagna Roger — N° et date de la dernière mise à jour : Néant

Adresse de la PRMP: Commune Rurale de Betsako - District de Majunga II — N° de la présente mise à jour : Néant

| | | | | | | INFORMATIONS SUR LE BENEFICIAIRE | | | | DATE PREVISIONNELLE DE LANCEMENT | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| NATURE DU MARCHE | OBJET DU MARCHE | MONTANT ESTIMATIF | NOUVEAU MONTANT ESTIMATIF | MODE DE PASSATION DE MARCHE | FINANCEMENT | SERVICE BENEFICIAIRE | COMPTE | MONTANT ESTIMATIF INITIAL PAR BENEFICIAIRE | NOUVEAU MONTANT ESTIMATIF PAR BENEFICIAIRE | MISE EN CONCURRENCE | OUVERTURE DE PLIS | ATTRIBUTION DE MARCHE |
| Fournitures | Fourniture d'articles de bureau | 2 000 000,00 | | Consultation par voie d'affichage 10j | RPI | Commune | 6111 | 2 000 000,00 | | 30-mars-17 | 10-avr.-17 | 2-mai-17 |
| | Imprimés documents administratifs | 1 000 000,00 | | Consultation par voie d'affichage 10j | RPI | Commune | 6112 | 1 000 000,00 | | 10-août-17 | 20-août-17 | 24-août-17 |
| | Consomables informatiques | 1 000 000,00 | | Consultation par voie d'affichage 10j | RPI | Commune | 6113 | 1 000 000,00 | | 5-mai-17 | 30-mai-17 | 15-juin-17 |
| | Instruments spécialisés | 500 000,00 | | Consultation par voie d'affichage 10j | RPI | Commune | 6116 | 500 000,00 | | 15-sept.-17 | 25-sept.-17 | 30-sept.-17 |
| | Habillement | 500 000,00 | | Consultation par voie d'affichage 10j | RPI | Commune | 6117 | 500 000,00 | | 15-juin-17 | 25-juin-17 | 30-juin-17 |
| | Fourniture scolaire | 150 000,00 | | Consultation par voie d'affichage 10j | RPI | Commune | 6121 | 150 000,00 | | 5-août-17 | 15-août-17 | 20-août-17 |
| | Conféctions tables bancs.... | 25 000 000,00 | | Consultation par voie d'affichage 10j | ETAT/KFW | Commune | 2166 | 25 000 000,00 | | 10-juin-17 | 10-juil.-17 | 10-août-17 |
| Travaux | Travaux de construction d'infrastructures scolaires | 150 000 000,00 | | Appel d'offres ouvert | ETAT/KFW | Commune | 2132 | 150 000 000,00 | | 15-juin-17 | 15-juil.-17 | 14-août-17 |
| | Entretien des batiments | 500 000,00 | | Consultation par voie d'affichage 10j | RPI | Commune | 6211 | 500 000,00 | | 15-juin-17 | 17-juil.-17 | 17-août-17 |

Ny drafi-paindraketana ny tsenambaro-panjakana ho an'ny taom-piasana ho avy dia tsy maintsy vita mialoha ny 31 ôktôbra amin'ny taona hitsahina, izany hoe aorian'ny famolavolana tetibola fototra (budget primitif). Raha sendra misy filàna vaovao na fiovan'ny filàna efa voafaritra dia mbola azo atao ny manao fanitsiana na fanamboarana kanefa tsy maintsy hajaina tanteraka ny fitsipika tokony harahina rehetra.

Misy dingana roa ny famolavolana ny drafi-pandraiketana ny tsenambaro-panjakana :

- Famaritana ny filàna
- Fanaovana vinavina ny tetibola filàna


*Famaritana ny filàna :*

Araka ny voalazan'ny andinin'ny faha 23 ao amin'ny lalàna laharana 2016-055 ny 25 janoary 2017 dia tsy maintsy mamaritra mialoha, araka izay manakaiky ny marina indrindra, ny toetoetra sy ny hadirin'ny filàny ny sampan-draharaha misitraka na ny mpampiasa eo ambany fiadian'ny npiandraikitra ny tsenambaro-panjakana.

Izany dia atao amin'ny alalan'ny famenona ny taratasy famaritana ny filàna araka ny modely hita ao Tovana 5

Ireo mandrafitra ny tabilaon'ny filàna :

- Fomba hanatanterahana azy
- Karazana fisahananasa hotanterahina (asa vaventy, fisahananasa ara-tsaina, fisahanan-draharaha sy fampitaovana)
- Habetsahana sy kalitaon'ny filàna
- Fotoana ilàna azy



**Modèle de fiche de détermination de besoins[1]**

| | |
|---|---|
| 1-Informations sur l'acheteur public | |
| 11-Désignation de l'Autorité contractante | |
| 12- Désignation de la PRMP | |
| 13-Désignation du service bénéficiaire | |
| 2-Description de l'achat | |
| 21-Désignation du projet (cadre dans lequel l'achat s'inscrit) | |
| 22-Objet du marché | |
| 23-Désignation de l'article | |
| 24-Description de l'article | |
| 241-Caractéristiques techniques de l'article (Les spécifications techniques détaillées sont à annexées à la présente fiche) | |

*Fanaovana vinavina teti-bola filàna :*

Koa satria mbola tsy vonona ny rijan-tenin'andraikitra na ny TDR sy antontan-taratasy fitaomana hanao tolo-bidy na ny DAO dia miainga amin'izay hita ao anatin'ny tetibola isan-taonan' ny Kaominina aloha no hanombanana ny tetibolan'ny filàna.

Nefa tokony hifanahantsahana amin'izay sora-bola natokana ho amin'izany ny soratra raketina ao amin'ny drafitra.

## NY FAMPAHAFANTARANA ANKAPOBENY NY FANDRAIKETAM-BAROTRA

Mandritra ny famolavolana ny drafi-pandraiketana ny tsenambaro-panjakana ihany koa no hamolavolana ny fampahafantarana ankapobeny mikasika ny fandraiketam-barotra mandritra ny fe-potoana tetibola iray. Io fampahafantarana io no manome ny famaritana ankapobeny ny tanjona sy ny halehiben'ny tetikasa araka ny Tovana 6.

| FANAMARIHANA |
| --- |
| Ny Mpiandraikitra tsenambaro-panjakana irery ihany no tompon'andraikitra amin'ny fanaovana vinavinan-tombam-bidin'ny fividianana, misafidy ny fomba sy fitondrana ny paika fividianana (procédure d'achat) |

## IV.2 FANKATOAVANA NY DRAFI-PAINDRAIKETANA SY NY FAMPAHAFANTARANA ANKAPOBENY NY FANDRARIKE TAM-BAROTRA

Ireo antontan-taratasy drafi-paindraketana sy ny fampahafantarana ankapobeny ny fandraiketam-barotra dia tsy maintsy akana ny fankatoavan'ny Vaomieram-paritry ny fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana mialoha ny fampahafantarana azy amin'ny rehetra.

*Araka ny voalazan'ny andinin'ny faha 26 ao amin'ny lalàna laharana 2016-055 ny 25 janoary 2017* dia manana folo andro, andro iasana, ny rafitra misahana ny fanaraha-maso ny tsenambaro-panjakana mba hanomezana ny heviny mikasika ny drafi-pandraiketana sy ny fampafantarana akapobeny ny fandraiketam-barotra. Raha tsy misy izay fanehoan-kevitra izay ao anatin'io fepotoana io, dia heverina fa nankatoavana ilay drafi-pandraiketana fandraiketam-barotra ka azon'ny Manamahefa mpandraiki-barotra ampiharina avy hatrany.

Izay tetikasa voasoratra ao anatin'io drafi-pandraiketana mialoha io ihany no hany azon'ny Vaomieram-paritry ny tsenambaro-panjakana ekena (Commission Régionale du marché na CRM).

## IV.3 FAMOAHANA NY FAMPAHAFANTARANA ANKAPOBENY FANDREKETAM-BAROTRA (Publication Avis Général Passation des Marchés)

*Araka ny voalazan'ny andinin'ny faha-32 ao amin'ny lalàna laharana 2016-055 ny 25 janoary 2017* dia ny Manamahefa mpandraiki-barotra na Kaominina dia tsy maintsy mamoaka ho fanta-bahoaka isan-taona ny fampahafantarana ankapobeny fandraiketam-barotra ny lisitra fitambaran'ny tsenambaro-panjakana izay kasainy horaiketina amin'ny alàlan'ny fitaomana hanao tolobidy mandritra ny taom-piasana ara-tetibola.

## IV. FANOMANANA NY FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA (MARCHES PUBLICS) KAOMINALY

Ankoatra ny fanaovana peta-drindrina eny amin'ny toeram-piasampanjakana sy manoloana ny foiben'ny Manamahefa mpandraiki-barotra ary ny toerana misy ireo rafitra mpanara-maso, dia sady havoaka ao amin'ny gazety manokana avoakan'ny rafitra misahana ny fandrindrana ny tsenambaro-panjakana, no avoaka ao amin'ny gazety iray maharakotra ny firenena, na gazety iray eo an-toerana ihany farafahakeliny, ireo fampahafantarana ankapobe momba ny fandraiketam-barotra.

*Araka ny voalazan'ny andinin'ny faha-33 ao amin'ny lalàna laharana 2016-055 ny 25 janoary 2017* dia azo avoaka amin'ny alàlan'ny fitaovana elektronika (voie electronique) – ny tranonkalam-pifandraisana na aterineto ny fampahafantarana ankapobeny fifampiraharaham-barotra.

# V. FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA SY NY FANATANTERAHANA FIFAMPIRAHARAHAM-BAROTRA MIKASIKA NY FISAHANANASA ARA-TSAINA

Fandraiketana tsenambaro-panjakana mikasika ny fisahananasa ara – tsaina → Fanatanterahana ny fifampiraharaham-barotra mikasika fisahananasa ara – tsaina

## V.1 FANDRAIKETANA FIFANARAHAM-BAROTRA MIKASIKA NY FISAHANANASA ARA-TSAINA (Passation marché prestation intellectuelles)

### V.1.1 FAMARITANA NY ATAO HOE MPIANTO-DRAHARAHA (Maître d'Oeuvre)

Ny Mpianto-draharaha dia mety ho orinasa mpianto-draharaha (na mpanadihady) na koa mpahay manokana (Consultant individuel) arakaraka ny hasarotan'ny asa hotanterahina.





### V.1.2 TANJONA HAKANA NY ORINASA MPIANTO-DRAHARAHA NA MPANADIHADY (Bureau d'Etudes)

Ny tanjona dia ny mba hiantohana ny kalitao sy ny faharetan'ny foto-drafitrasa.



## V.1.3 FISAFIDIANANA ORINASA MPIANTO-DRAHARAHA NA MPANADIHADY SY MPANARAMASO

**FANAMARIHANA**

Ny fandraiketana tsenambaro-panjakana horesahina ato amin'ity torolalana ity dia ho voafetra amin'izay heverina fa matetika mitranga eny anivon'ny Kaominina Ambanivohitra dia : « ny tsenam-barotra mikasika ny fisahananasa ara-tsaina latsaka ny 25 tapitrisa Ariary »

Azo fintinina toy izao ny dingana fisafidianana ny orinasa mpianto-draharaha na mpanadihady:




### VI.1.3.1 Fifantenana mialoha ireo ho mpifaninana

Azo fintinina toy izao ny dingana fifantenana mialoha ny orinasa mpianto-draharaha na mpanadihady *araka ny lalàna faha 2016-055 mahakasika ny fehezan-dalàna momba ny tsenam-barotra amin'ny Fanjakana ao amin'ny andininy faha-32 sy 42 ary 56:*



☞ *Fanomanana ny antontan-taratasy fanaikàna haneho fahalianana (Appel à Manifestation d'Intétrêt na AMI)*

Ny Mpiandraikitra tsenambaro-panjakana eo anivon'ny Kaominina miaraka amin'ny UGPM no manomana ny antontan-taratasy fanaikàna haneho fahalianana araka ny môdely ao amin'ny Tovana 7.

Ireto avy no ho hita ao anatin'ny antontan-taratasy fanaikàna haneho fahalianana :

- fanaikàna haneho fahalianana
- rijan-tenin'andraikitra na andinindinin'asa (TDR)
- toromarika amin'ny fanomanana ny famaliana fanaikàna haneho fahalianana
- fanokafana sy fanaovana tombana ny fanehoam-pahavononana
- tovana samihafa







☞ *Fomba fampahafantarana ny mpifaninana sy ny fe-potoana hamalian'ireo mpifaninana ny fanaikàna haneho fahalianana*

Antso avoaka amin'ny alalan'ny peta-drindrina no hanaovana izany araka ny voalazan'ny andininy faha- 32 ao amin'ny fehezan-dalàna momba ny tsenambaro-panjakana, mandritra ny folo (10) farafahakeliny.

Ary folo (10) andro farafahakeliny manomboka amin'ny famoahana izany fanaikàna haneho fahalianana izany ny fe-potoana hamerenana ny valin'ny antso.




## V. FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA SY NY FANATANTERAHANA FIFAMPIRAHARAHAM-BAROTRA MIKASIKA NY FISAHANANASA ARA-TSAINA

☞ *Fomba fifantenana ireo mpifaninanana*

Ny andro farany fanaterana ny valin'ny fanaikàna haneho fahalianana no hanokafana ireo antontan-taratasin'ny mpifaninanana.

- Masontsivana maromaro no hifantenana ireo mpifaninana :
- Fahaiza-manao ara-teknika amin'ny sehatra asa hatao
- Asa efa notanterahana mitovy amin'ny asa hatao
- Ara-dalàna eo anatrehan'ny hetra sy ny Fanjakana
- Fahaiza-manao sy traikefan'ny olona atolotra




☞ *Fankatoavana ny lisitrin'ny mpifaninana voafantina*

Ny Vaomieran'ny tolo-bidy no manao sivana sy mandahatra ny mpifaninana enina (06) voaloahany ka atolotra ny Mpiandraikitra tsenambaro-panjakana mba hakana ny fankatoavany.

Hanaovana firaketana an-tsoratra izany (Jereo Tovana 8).




Raha tokana na tsy misy ny tolo-bidy voaray, dia manolotra soson-kevitra ny Vaomieran'ny tolo-bidy ny hanaovana ny fanambarâna fiantsoana tolo-bidy tsy namokatra (infructueux) ao anaty fitanana an-tsoratra araka ny voalazan'ny andininy faha-56 ao amin'ny fehezan

| FANAMARIHANA |
|---|
| Raha tsy nankatoavina Mpiandraikitra tsenambaro-panjakana ilay lisitra dia averina ny fanaovana ny tombana na averina ny fanaikàna haneho fahalianana |


### VI.1.3.2 Fisafidianana ny mpifaninana omena ny fifanaraham-barotra

*Azo fintinina toy izao ny dingana fisafidianana ny orinasa mpianto-draharaha na mpanadihady araka ny lalàna faha 2016-055 mahakasika ny fehezan-dalàna momba ny tsenam-barotra amin'ny Fanjakana ao amin'ny andiny faha-32, 42, 52, 53, 54 ary 56 :*




## VI.1.3.2.1 Fanomanana antontan-taratasy fanasana

Ny Mpiandraikitra tsenambaro-panjakana eo anivon'ny Kaominina no manomana ny taratasy sy ny antontan-taratasy fanasana araka ny môdely hita ao amin'ny tovana 9.





*Ireto avy ireo singa mandrafitra izany antontan-taratasy fanasana izany :*

- *Taratasy fanasana (Lettre d'invitation)*
- *Fampahafantarana ireo mpifaninana (Instructions aux candidats)*
- *Antontan-kevitra manokan'ny fampahafantarana ny mpifaninana (Données particulières des instructions aux candidats)*
- *Môdelin'ny taratasim-pangatahana (formulaire de sousmission)*
- *Sora-panekena (Acte d'engagement)*
- *Andinindininasa na rijan-tenin'andraikitra (TDR)*
- *Bokin'ny fepetra ara-panjakana ankapobeny (CCAG)*
- *Fitsipiky ny fomba fitsarana ny tolo-bidy ara-teknika.*
- *Modelin'ny fifanarahana arak'asa sy ireo tovana (contrat et annexes).*




*Anisan'ny fepetra horaisin'ny Mpiandraikitra tsenambaro-panjakana ao anatin'izany taratasy fanasana izany ny fomba fakan-kevitra arahina sy fomba fifantenana ny mpifaninana.*




### VI.1.3.2.2 Fe-potoana fampafantarana sy famaliana ny fanasana

☞ <u>Fe-potoana sy fomba fampahafantarana ny mpifaninana</u>


Ny fizarana ny antotan-taratasy fanasana voafetra mandritra ny folo (10) andro farafahakeliny.

Asaina ireo mpifaninana voafantina haka ny taratasy sy antontan-taratasy fanasana eny anivon'ny Manamahefa mpandraiki-barotra na Kaominina




☞ <u>Fe-potoana fanomanana ny mpifaninana ny tolo - bidiny</u>

Ny fe-potoanana hanomanana ny tolo-bidy dia voafetra (10 andro) farafahakeliny mba hananan'ireo mpifaninana fotoana mahazo ireo antontan'isa sy antontan-kevitra ilaina amin'ny tolotra ataony




☞ <u>Fametrahana ny tolo-bidy</u>

Ny taratasy fanasana no mamaritra ny daty, ny ora ary ny toerana hametrahana na hananterana ny tolo - bidy.

Ny tolo-bidy tsirairay izay napetrakin'ny mpifaninana dia raisina an-tsoratra ao anatin'ny kahie fandraisana tolo-bidy (nomerao, daty sy ora nametrahana azy)



### VI.1.3.2.3 Fanaovana tombana ireo tolo-bidy nataon'ny mpifaninana

*Ny Mpiandraikitra tsenambaro-panjakana dia afaka misafidy fomba fanombana dimy (05) araka ny voalazan'ny fehazan-dalàna mikasika ny tsenambaro-panjakana:*

- *Ny fanombana araka ara-teknikan'ny tolotra irery ihany ;*
- *Ny fanombana ara-teknikan'y tolotra, ny traikefan'ny mpifaninana, ny fahaiza-manaon'ireo manam-pahaizana manokana sy ny fomba fiasa narosony ary ny saran'ny tolotra ;*
- *Ny fanombana araka ny tetibola voafaritra mialoha, ka ny mpifaninana no mandroso ny fomba mety indrindra entina hampiasana izany;*
- *Ny fanombana araka ny tolotra ara-bola tsara indrindra avy amin'ny mpifaninana*
- *Ny fanombana araka fahaiza-manaon'ny mpifaninana*

| FANAMARIHANA |
|---|
| Matetika dia ny fanombana ara-teknikan'ny tolotra, ny traikefan'ny mpifaninana, ny fahaiza-manaon'ireo manam-pahaizana manokana sy ny fomba fiasa narosony ary ny saran'ny tolotra no ampiasaina amin'ny tsenam-barotra fisahananasa ara-tsaina eny anivon'ny Kaomina Ambanivohitra. |

*Ao anatin'ny fanaovana tombana dia tsy maintsy tontonsaina ireto sokajin'asa fito (07) ireto :*



## VI.1.3.2.3.1 Fanokafana tolo-bidy

☞ **Fiantsoana ny mpikamban'ny Vaomieran'ny tolo-bidy**

*Fito (07) ka hatramin'ny folo (10) andro alohan'ny fanokafana ny tolo-bidy no mandefa ny taratasy fiantsoana ny mpikamban'ny Vaomieran'ny tolo-bidy ny Mpiandraikitra tsenambaro-panjakana. Manendry mialoha izay ho mpitantsoratry ny fivoriana ihany koa ny Mpiandraikitra tsenambaro-panjakana.*




☞ **Fanokafana ny tolo-bidy**

*Ny fanokafana ny tolo-bidy dia andraikitry ny Mpiandraikitra tsenambaro-panjakana otronin'ny Vaomieran'ny tolo-bidy tarihin'ny Filohany na ny solontenany ka hatrehin' ireo mpifaninana.*

*Ny tolo-bidy tonga ara-potoana ihany no sokafana mandritra ny fotoana.*

*Ny tolo-bidy ara-teknika ihany no sokafana amin'io fotoana io.*

*Ny fanokafana ny tolo-bidy dia atao araka ny nomerao nahatongavany ary vakina mafy farafaharatsiny ireto singan-taratasy manaraka ireto :*

*Ny anaran'ny mpifaninana*
*Ny fisiana na tsia ny sora-panekena (Acte d'engagement)*



## V. FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA SY NY FANATANTERAHANA FIFAMPIRAHARAHAM-BAROTRA MIKASIKA NY FISAHANANASA ARA-TSAINA




*Izany hoe ny mpikamban'ny Vaomieran'ny tolo-bidy dia manamarina fotsiny ihany ny fisiana na tsy fisian'ireto singan-taratasy notakina tao amin'ny antontan-taratasin'ny fanasana.*

*Tsy misy tolo-bidy mihintsana na ahataka mandritra ny fanokafana ny tolo-bidy afatsy ireo tara.*

*Mandritra ny fotoana anaovana izany dia mampameno ny fanamarinam-pahatongavana ireo olona manatrika ny fanokafana ny tolo-bidy ny mpitan tsoratra.*

*Amin'ny faran'ny fotoana dia manendry ireo hanao ny tombana ny Mpiandraikitra tsenambaro-panjakana (03 ka hatramin'ny 05 no isany).*

*Tsy maintsy manao fitanana an-tsoratra ny fanokafana tolo-bidy araka ny môdely ao Tovana 10 ny mpitantsoratra.*

*Raha tokana na tsy misy ny tolo-bidy voaray, dia manolotra soson-kevitra ny Vaomieran'ny tolo-bidy ny hanaovana ny fanambaràna fiantsoana tolo-bidy tsy namokatra (infructueux) ao anaty fitanana an-tsoratra araka ny voalazan'ny andininy faha-56 ao amin'ny fehezan-dalàna momba ny tsenam-barotra amin'ny Fanjakana*

### VI.1.3.2.3.2 Fanaovana tombana ny fanajana fepetra tolo-bidy

| FANAMARIHANA |
| --- |
| Ny Mpiandraikitra tsenambaro-panjakana sy ny mpikambana ao amin'ny UGPM dia tsy mahazo mandray anjara amin'ny fanaovana tombana ny tolo-bidy |

*Ny tolo-bidy tsirairay dia hamarinin'ny Voamieran'ny tolo-bidy raha voahaja ireo fepetra voalaza tao anatin'ny antontan-taratasy fanasana sy ny môdely notakina tao mba hahafahana miroso amin'ny tombana ara-teknika.*

*Ny taratasy fanombanana (grille d'évaluation de la conformité) ny fanajana ny fepetran'ny tolo-bidy dia fenoin'ny mpikambana Voamieran'ny tolo-bidy ary tsy maintsy soniavin'ny Filoha sy ny mpitantsoratra.*




### VI.1.3.2.3.3 Fangatahana fanazavana fanampiny



*Ny tolo-bidin'ny mpifaninana iray efa vita tombana ny fanajana ny fepetran'ny tolo-bidy dia mbola azon'ny Voamieran'ny tolo-bidy angatahana fanazavana fanampiny an-tsoratra momba ny tolo-bidy ara-teknika raha ilaina.*

### VI.1.3.2.3.4 Fanaovana tombana ara-teknika

*Ny tombana ara-teknika dia mifototra amin'ireo masontsivana voalaza ao anatin'ny antontan-taratasy fanasana tolo-bidy manaraka ireto :*

- *Traikefa ny mpifaninana (traikefa ankapobeny sy traikefa mifandray amin'ilay asa hatao)*
- *Fomba hitondrana ny asa na paikady fiasa (méthodologie)*
- *Traikefan'ireo olona na mpiasa fototra (personnel clé) (traikefa ankapobeny sy traikefa mifandray amin'ilay asa hatao )*

## V. FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA SY NY FANATANTERAHANA FIFAMPIRAHARAHAM-BAROTRA MIKASIKA NY FISAHANANASA ARA-TSAINA

*Ny naoty ara-teknika omen'ireo mambra Voamieran'ny tolo-bidy dia mifototra amin'ny tolo-bidy ara-teknika ny mpifaninana sy ny mety ho fanampim-panazavana nataony raha nisy.*


*Ny mpikambana tsirairay Voamieran'ny tolo-bidy izay manana zo handray anjara amin'ny tombana dia hameno sy hanao sonia ny taratasy fanaovana tombana.*




*Ny salan'isan'ireo taratasy fanombanana nofenoin'ireo mpikambana telo (03) na dimy (05) Voamieran'ny tolo-bidy no naoty omena ny mpifaninana iray.*

*Ny mpifaninana nahazo ny naoty latsaka ny valopolo (80) dia mihintsana avy hatrany ary tsy sokafana intsony ny tolo-bidiny ara-bola.*

*Ny Voamieran'ny tolo-bidy dia manao ny tatitra ny tombana ara-teknika (jereo Tovana 11) ary mandefa izany any amin'ny Mpiandraikitra tsenambaro-panjakana mba ho hankatoaviny (jereo Tovana 12).*




*Mampafantatra ireo mpifaninana ny naoty teknika azony ny Mpiandraikitra tsenambaro-panjakana sy manasa ireo nahazo naoty farafakeliny notakina hanatrika ny fotoana fanokafana ny tolo-bidy ara-bola, raha mahazo fankatoavana ny tatitra. Ireo tolo-bidy latsaka ny fara-*

*fakeliny notakina kosa dia mihintsana avy hatrany.*

*Raha toa ka nolavin'ny Mpiandraikitra tsenambaro-panjakana ilay tatitra dia averina ny fanaovana ny tombana ara-teknika miaraka amin'ny tolo-kevitra mba hanaovana tombana lalindalina kokoa sy hanitsiana ny fanaovana tombana mba hialana amin'ny tsy fitovizan-kevitra fa ao anatin'ny fanajana fepetra ny antontan-taratasy fanasana tolo-bidy sy ny fitsipika ny fifaninanana.*

*Raha tsy misy tolo-bidy nahatratra ny naoty ara-teknika takina ao anatin'ny antontan-taratasy fanasana tolo-bidy, miroso amin'ny fanambaràna tolo-bidy tsy namokatra ny Vaomieran'ny tolo-bidy araka ny voalazan'ny andininy faha-56 ao amin'ny fehezan-dalàna momba ny tsenam-barotra amin'ny Fanjakana.*

| DESIGNATION CRITERES / SOUS CRITERES | POINTS Maximum |
|---|---|
| (i) Expérience des Candidats pertinente pour la mission: | |
| Note totale pour Expérience des Candidats pertinente pour la mission: | 5 |
| (ii) Conformité du plan de travail et de la méthode proposés aux Termes de référence : | |
| a) Approche technique et méthodologie | 15 |
| b) Plan de travail | 10 |
| c) Organisation et personnel | 10 |
| Note totale pour la conformité du plan de travail et de la méthode proposés aux Termes de référence : | 35 |
| iii) Qualifications et compétence du Personnel Clé pour la mission: | |
| a) Chef de mission | 10 |
| 1) Qualifications générales | 3 |
| 2) Pertinence avec la mission | 5 |
| 3) Expérience de la région et de la langue | 2 |
| b) Ingénieur d'études | 15 |
| 1) Qualifications générales | 4 |
| 2) Pertinence avec la mission | 9 |
| 3) Expérience de la région et de la langue | 2 |
| c) Ingénieur de contrôle | 15 |
| 1) Qualifications générales | 4 |
| 2) Pertinence avec la mission | 9 |
| 3) Expérience de la région et de la langue | 2 |
| d) Socio organisateur | 10 |
| 1) Qualifications générales | 2 |
| 2) Pertinence avec la mission | 6 |
| 3) Expérience de la région et de la langue | 2 |
| d) Agent de surveillance | 10 |
| 1) Qualifications générales | 3 |
| 2) Pertinence avec la mission | 5 |
| 3) Expérience de la région et de la langue | 2 |
| Note Totale pour les Personnel clé | 60 |
| Note Globale | 100 |

| FANAMARIHANA |
|---|
| *Ny faharetan'ny fe-potoana hanaovana ny tombana dia telopolo (30) andro farafahelany* |

## VI.1.3.2.3.5 Fanokafana ny tolo-bidy ara-bola sy fanaovana tombana ara-bola

☞ Fanokafana ny tolo-bidy

*Ny fanokafana ny tolo-bidy dia andraikitry ny Vaomieran'ny tolo-bidy tarihin'ny Mpiandraikitra tsenambaro-panjakana na ny solontenany ka atrehin'ny ireo mpifaninana.*

*Ny valopy misy ny tolo-bidy ara-bola dia tsy azo sokafana raha tsy vita ny tombana ara-teknika. Mandritra ny fotoana dia mampameno ny fanamarinam-pahatongavana ireo olona manatrika ny fanokafana ny tolo-bidy ny mpitantsoratra. Ny fanokafana ny tolo-bidy dia atao araka ny nomerao nahatongavany ary vakina mafy farafaharatsiny ireto singan-taratasy manaraka ireto :*

- *Ny anaran'ny mpifaninana*
- *Ny tolo-bidy naroson'ilay mpifaninana*

*Tsy maintsy manao fitanana an-tsoratra ny fanokafana tolo-bidy araka ny môdely ao Tovana 13 ny mpitantsoratra.*

☞ *Fanaovana tombana ara-bola*

*Ny fanitsiana ara-kajy amin'ny tolo-bidy ara-bola no mety hataon'ny Vaomieran'ny tolo-bidy mandritra ny fanaovana ny tombana ara - bola.*

*Rehefa vita izany dia miditra amin'ny fikajiana ireo naotin' ny tolo-bidy ara-bola tsirairay*
*Ny tolotra ara-bola ahazoana tombony ara-toekarena be indrindra no mahazo naoty ara-bola ambony indrindra.*

Tolotra ahazahoany tombony ara-toekarena be indrindra

Fikajiana tolotra ara-bola :

Tolotra ahazahoany tombony ara-toekarena be indrindra = 100

Tolotra hafa :

$$\text{Naoty} = \frac{\text{Vidiny tolotra ahazahoany tombony ara-toekarena be indrindra}}{\text{Vidiny tolotra}} \times 100$$

## VI.1.3.2.3.6 Fikajiana sy fampitahana ny naotin'ny tolo-bidin'ny mpifaninana

*Ny mpifaninana nahazo ny naoty ambony indrindra rehefa natambatra ny naoty ara-teknika sy ny ara-bola araka ny lanja (pondérations) voalaza ao anatin'ny taratasy fanasana (fifantenana araka ny kalitao atambatra izay manambatra ny lanjan'ny naoty ara-teknika sy ara-bola 80/20) no omena ny tsenam-barotra ara-panjakana.*

Fikajiana ny isa omena :

((Isa ara-teknika x 80) + (Isa ara-bola x 20)) / 100

*Mba hanamora ny fanaovana ny kajy dia tsara raha mampiasa ny tabilao hita ao amin'ny Tovana 14.*

**Tombana Teknika**

| | Salan'isa farany (SI) | Isa farany ambony (IBO) | Isa Teknika (IT) |
|---|---|---|---|
| | | farany ambony amin'ny salan'isa farany (SI) | ((SI)/(IBO))x100 |
| Mpanao Tolotra 1 | | | |
| Mpanao Tolotra 2 | | | |
| Mpanao Tolotra 3 | | | |
| ... | | | |

**Tombana Ara-bola**

| | Tati-bidy raikitr'isa (VRI) | Tati-bidy farany ambony (VBO) | Isa Ara-bola (IV) |
|---|---|---|---|
| | | farany ambany amin'ny VRI = VBA | ((VBA)/(VRI))x100 |
| Mpanao Tolotra 1 | | | |
| Mpanao Tolotra 2 | | | |
| Mpanao Tolotra 3 | | | |
| ... | | | |

**Fanombanana ny Fitambarany**

| | Isa Teknika (IT) | Isa Ara-bola (IV) | Isa Faobe (IF) |
|---|---|---|---|
| | (IT) | (IV) | [(IT)x80]/100 + [(IV)x20]/100 |
| Mpanao Tolotra 1 | | | |
| Mpanao Tolotra 2 | | | |
| Mpanao Tolotra 3 | | | |
| ... | | | |

*Rehefa vita izany dia miroso amin'ny fanaovana ny fandaharana ireo mpifaninana araka ny naoty azony ary manao izany ao anatin'ny fitanana an-tsoratra araka ny môdely ao Tovana 15 ny mpitantsoratra. Rehefa izany dia manolotra izany eo anivon'ny Mpiandraikitra tsenambaro-panjakana ny Vaomieran'ny tolo-bidy mba hankatoavina*

*Ary miafara amin'ny fandraisan'ny ny Mpiandraikitra tsenambaro-panjakana fanapahan-kevitra amin'ny fanomezana ny tsena amin'ny mpifaninana iray ka mifototra amin'ny lisitra natolotron'ny Vaomieran'ny tolo-bidy izany.*




*Mifarana eo ny anjara asan'ny Vaomieran'ny tolo-bidy rehefa vita ny fanaovana ny firaketana an-tsoratra ny fankatoavana (jereo môdely ao Tovana 16).*

## VI.1.3.2.3.7 Fanaovana ny fifampiraharahana ny tolo-bidy



*Mialoha ny hirosoana amin'ny fifampiraharahana ny tolo-bidy dia tokony hanamarina ny fahafahan'ireo mpiasa fototra araka ny voafaritra ao anatin'ny tolo-bidin'ny mpifaninana sy ny rijan-tenin'andraikitra na andinindinin'asa ny Mpiandraikitra tsenam-barotra amin'ny Fanjakana.*

*Rehefa tontosa izany dia miroso amin'ny fifampiraharahana ny tolo-bidy ny Mpiandraikitra tsenam-barotra amin'ny Fanjakana sy mpifaninana eo amin'ny laharana voalohany. Misy dingana roa izany dia ny fifampiraharahana ara-teknika sy ara-bola.*

*Mikasika ny fifampiraharahana ara-teknika dia mifantoka amin'ny fandrafetana asa (conception) sy ny paikady fiasa (methodologie), ny drafitr'asa (plan de travail), ny fanokanana mpiasa fototra (dotation personnel clé), no ifantohan'ny fiaraha-midinika.*

*Mikasika ny fifampiraharahana ara-bola kosa dia tsy misy ny tokony ho azo ifampiraharahana (satria fifanaraham-barotra amin'ny karama raikitra no ampiasaina eto-remunération forfaitaire) fa azo atao ihany ny midinika ny haben'ny asa atao (volume d'intervention) mba hoentina ampidinana ny tombam –bidy ankapobeny*



*Faranana amin'ny fanaovana ny ny firaketana an-tsoratra ny fifampiraharahana izany fotoana izany.*

*Raha sendra ka tsy nahomby ny fifampiraharahana, dia afaka miantso fivorian' ny Vaomieran'ny tolo-bidy indray ny Mpiandraikitra tsenam-barotra amin'ny Fanjakana mba hanolorana fanomezana tsena vaovao.*

## VI.1.3.2.4 Fanomezana tsena sy ny fanaovan-tsonia ny fifanekena fifampiraharaham-barotra

☞ *<u>Fampafantarana ny valiny fisafidianana mpianto-draharaha</u>*

*Aloha ny fanaovan-tsonia ny fifanarahana arak'asa ny Mpiandraikitra tsenambaro-panjakana dia mampahafantatra ireo mpifaninana :*

- *tsy nahazo asa araka ny lalàna faha 2016-055 tamin'ny 25 janoary 2017 mahakasika ny fehezan-dalàna momba ny tsenam-barotra amin'ny Fanjakana ao amin'ny andiny faha-52. Ny môdely ao amin'ny Tovana 17 no ampiasaina amin'izany*
- *mamoaka ny valin'ny fisafidianana mpianto-draharaha ao anatin'ny fepotoana telopolo andro isaina manomboka eo amin'ny fampahafantarana ny nahazo ny tsenam-barotra, ny filazana ny fanomezana ny fifampiraharahambarotra araka ny fehezan-dalàna momba ny tsenam-barotra amin'ny Fanjakana ao amin'ny andiny faha-53. Ny môdely ao amin'ny Tovana 18 no ampiasaina amin'izany.*
- *nahazo asa (amin'ny alalan'ny fampahafantarana an-tsoratra na notification fa izy no nahazo ny tsena) araka ny fehezan-dalàna momba ny tsenam-barotra amin'ny Fanjakana ao amin'ny andiny faha-54 (jereo Tovana 19)*






## V. FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA SY NY FANATANTERAHANA FIFAMPIRAHARAHAM-BAROTRA MIKASIKA NY FISAHANANASA ARA-TSAINA



☞ *Famolavolana fifanekena fifampiraharaham-barotra*

Ny fifanekena fifampiraharaham-barotra dia omanin'ny mpianto-draharaha araka ny môdely



☞ *Fanaovan-tsonian'ny roa tonta ny fifanekena fifampiraharaham-barotra*

*Manasa ny orinasa mpianto-draharaha na mpanadihady sy mpanaramaso nahazo tsena hanao sonia fifanekena fifampiraharaham-barotra miaraka aminy ny Kaominina.*




*Arahina fanomezana baikon'asa (Ordre de service na OS) ny orinasa mpianto-draharaha hanomboka ny asa (araka ny môdely Tovana 20).*
*Ny fotoana hanatanterahana ny asa dia kajina manomboka amin'ny fotoana nahazoany ny "Ordre de Service"*


## VI.2 FANATANTERAHANA NY FIFANEKENA FIFAMPI RAHARAHAM-BAROTRA NY TSENA FISAHANANASA ARA-TSAINA (Execution marché prestation intellectuelles)


### VI.2.1 ASA IANDRAIKETAN'NY MPIANTO-DRAHARAHA

*Mizara sehatra telo (03) lehibe no anantontosan'ny mpianto-draharaha ny asa iandraiketany.*

☞ *Voalohany : mialoha ny fanombohan'ny asa na fotodrafitrasa hotanterahana*

1. Fanaovana fanadihadiana ny Tetikasa Ambangovangony-APS




2. Fanaovana fanadihadiana Tetikasa amin'ny Antsipiriany-APD

## V. FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA SY NY FANATANTERAHANA FIFAMPIRAHARAHAM-BAROTRA MIKASIKA NY FISAHANANASA ARA-TSAINA

☞ *Faharoa mandritra ny fanatanterahana asa fanorenana na fotodrafitrasa*

3. **Manampy ny tompon-draharaha amin'ny fandraiketana fifampirahara-ham-barotry ny tsenan'ny asa vaventy sy ny fampitaovana**




- fanomanana antotan-taratasy fitaomana hanao tolo-bidy,
- manampy ny tompon-draharaha amin'ny fisafidianana orinasa mpanatanteraka asa na mpitao-draharaha
- fanomanana ny fifanekena fifampiraharaham-barotra ny mpanao fanorenana sy mpamatsy fitaovana





☞ *.....Fahatelo ao aorian'ny fahavitan'ny asa fanorenana na fotodrafitrasa*

4. Fanjohiana sy fanaraha-maso ny asa sy manampy ny tompon-draharaha amin'ny fandraisana ny asa na fitaovana







5. Fanomanana ny mpahazo tombontsoa amin'ny asa fitantanana sy ny fikojakojana ny fotodrafitrasa

## VI.2.2 FAMOLAVOLANA SY FANKATOAVANA NY FANAOVANA FANADIHADIANA NY TETIKASA AMBANGOVANGONY (APS)

### VI.2.2.1 Famaritana ny atao hoe fanaovana fanadihadiana ny Tetikasa Ambangovangony




Ny fanaovana fanadihadiana ny tetikasa ambangovangony dia fanaovana ambangovangony ny fanadihadiana ara-tsôsialy sy ara-teknika mba hamaritana ny filàn'ireo mpahazo tombontsoa sy ny ho endriky ny tetikasa hatao ary ny vinavinanteti-bola mifandraika amin'izany ka ahafahana mandray fanapahan-kevitra amin'ny hanatanterahana tetikasa.


## V. FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA SY NY FANATANTERAHANA FIFAMPIRAHARAHAM-BAROTRA MIKASIKA NY FISAHANANASA ARA-TSAINA

Izany hoe ny fanaovana fanadihadiana ny tetikasa ambangovangony dia hamaritra amin'ny ankapobeny ny mombamomba ilay toerana hisy ny tetikasa. Arahina fandalinana ny olana misy sy ny vahaolana eritreretina ary faranana amin'ny famaritana ireo karazana vahaolana ara-teknika mifanaraka amin'ny fangatahan'ireo mpahazo tombontsoa, sy ireo sakana samihafa ary ireo otrikarena misy eo an-toerana ary ny tombam –bidin'izany.


### VI.2.2.2 Tanjona hanaovana ny fanaovana fanadihadiana ny tetikasa ambangovangony




Ny tanjona hanaovana ny fanaovana fanadihadiana ny tetikasa ambangovangony dia ny hamoaka ny famaritana sy ny tombana ara-bola ambangovangon'ireo karazana vahaolana mamaly ny filàna, fangatahana, sakana ary ny otrikarena eo an-toerana



### VI.2.2.3 Fandrafetana ny fanaovana fanadihadiana ny tetikasa ambangovangony







1. Antontan-kevitra mikasika ny fitiliana ny asa hatao :

   - Fandalinana ny zavamisy ara-toekarena sy ara-tsôsialy ankapobeny eo an-toerana
   - Fandalinana ny fangatahana sy ny olana hovahana ary ny vokatra andrasana
   - Famaritana ny tetikasa hatao





2. Antontan-kevitra mikasika ny zavamisy eo an-toerana
   - Toerana hanorenana ny tetikasa
   - Antontan-kevitra mikasika ny akora
   - Antontan-kevitra mikasika ny fanaovan-trano fanao eo an-toerana
   - Antontan-kevitra mikasika ny mpiasa
   - Antontan-kevitra manokana hafa



## V. FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA SY NY FANATANTERAHANA FIFAMPIRAHARAHAM-BAROTRA MIKASIKA NY FISAHANANASA ARA-TSAINA

3. Famaritana ny vahaolana teknika na ny karazana na variante azo tanterahana
   - Votoatin'ny asa na fotodrafitrasa
   - Haben'ny asa na fotodrafitrasa
   - Fipetraky ny asa na fotodrafitrasa
   - Karazana famolavolana
   - Kisary samihafa




4. Fikajiana ny vidin'ny tetikasa mikasika ny vahaolana teknika na ny karazana na variante tsirairay
   - Fanamarinana ny vidiny
   - Vidiny ny asa na fotodrafitrasa




5. Fanaovana tetiandron'ny asa hatao



6. Fanaovana fanadihadiana mikasika ny fisian'ny enti-manana maharitra hoenti- miatrika ny fitantanana sy fikojakojana ny fotodrafitrasa

## VI.2.2.4 Dingana famolavolana sy fankatoavana ny valiny fanaovana fanadihadiana ny tetikasa ambangovangony

### VI.2.2.4.1 Famolavolana ny fanaovana fanadihadiana ny tetikasa ambangovangony

<u>Dingana 1 :</u>
Fanangonana ireo anton-tan'isa fototra ara-tsôsialy sy ara-teknika ataon'ny mpianto-draharaha






<u>Dingana 2 :</u>
Fanatanterahana ny fanadihadiana sy fifanakalozana amin'ny mponina sy ny Kaominina tompon-draharaha

<u>Dingana 3 :</u>
Fifanakalozana amin'ny solontenan'ny sampan-draharaha-panjakana ara-teknika



<u>Dingana 4 :</u>
Fisafidianana ireo mety ho karazana vahaolana sy fankatoavan'ny Mpiandraikitran'ny tsenam-barotra amin'ny Fanjakana ny antontan-taratasy ny fanaovana fanadihadiana ny tetikasa ambangovangony









<u>Dingana 5 :</u>
Fandrafetana na famolavolana ny antontan-taratasy fanaovana fanadihadiana ny tetikasa ambangovangony raikitra ataon'ny mpiantodraharaha

### VI.2.2.4.2 Fankatoavan'ny Manamahefa mpandraiki-barotra ny valiny fanadihadiana ny tetikasa ambangovangony

Ny mpianto-draharaha na orinasa mpanadihady sy mpanaramaso no manatanteraka ny fanadihadiana mifandraika amin'ny tetikasa










...ary ny Manamahefa mpandraiki-barotra kosa no mandalina sy mamakafaka volavolana fanadihadiana ny tetikasa ambangovangony araka ireo lisitr'ireo teboka hohamarinina mandritra ny fankatoavana ny fanaovana fanadihadiana ny tetikasa ambangovangony.

...ary mandefa ireo fanamarihana any amin'ny mpianto-draharaha

## VI.2.2.5 Lisitr'ireo teboka hohamarinina mandritra ny fankatoavana ny valiny fanadihadiana ny tetikasa ambangovangony

1. Fanajana ny môdely sy ny fahitana ireo singa an-taratasy notakina toy ny fanadihadiana ara-tsôsialy sy ara-toe-karena, ireo drafitra isan-tsokajiny miaraka amin'ireo mari-drefy isan-tsokajiny, ireo tombam-bidy ankapobeny ary ny fitsipiky ny fanorenana isan-tsokajiny mila hohajaina, sns.




2. Fanajana ny tanjon'ny drafitrasan'ny Kaominina sy fanomezan-danja ireo mety ho vato misakana amin'ny fanatanterahana ny tetikasa

## V. FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA SY NY FANATANTERAHANA FIFAMPIRAHARAHAM-BAROTRA MIKASIKA NY FISAHANANASA ARA-TSAINA

3. Mazava, feno sy mifanandrify amin'ny fanapahan-kevitra sy filàn'ny mpahazo tombontsoa ny fanazavana ny fotodrafitrasa hatao ao anatin'ny fanaovana fanadihadiana ny tetikasa ambangovangony ara-teknika







4. Fanomezan –danja na fampiasana ireo toromarika ara-teknika amin'ny fanaovana fotodrafitrasa avy amin'ny Ministera tompon'andraikitra (kisary, etc)


5. Mifanaraka amin'ny tetibolan' Kaominina sy mitombina ny tombam-bidin'ny tetikasa







6. Mitombina ve ny vinavinan-tetiandro hanatanterahana ny asa ?

7. Voakajy tsara ve ny fisian'ny enti-manana maharitra hoentina miatrika ny fitantanana sy fikojakojana ny fotodrafitrasa.



## VI.2.3 FAMOLAVOLANA SY FANKATOAVANA NY VALINY FANADIHADIANA NY TETIKASA AMIN'NY ANTSIPIRIANY (APD)


### VI.2.3.1 Famaritana ny atao hoe fanaovana fanadihadiana ny tetikasa amin'ny antsipiriany




Ny fanaovana fanadihadiana ny tetikasa amin'ny antsipiriany dia fanohizana ny fanadihadiana natao nandritra ny fanaovana fanadihadiana ny tetikasa ambangovangony fa hidirana amin'ny antsipiriany ny lafiny ara-teknika sy ara-bola.

### VI.2.3.2 Tanjona ny fanaovana fanadihadiana ny tetikasa amin'ny antsipiriany

Ny tanjona fanaovana fanadihadiana ny tetikasa amin'ny antsipiriany dia famoahana ny famaritana amin'ny antsipiriany ny vahaolana ara-teknika tapaka nandritra ny fanaovana fanadihadiana ny tetikasa ambangovangony.




Ka ny ambaratongam-pamaritana ny fanatanterahana ny asa dia tsy tokony ho manjavozavo na eo amin'ny lafiny ara-teknika na eo amin'ny lafiny ara-bola

## VI.2.3.4 Mandrafitra ny fanaovana fanadihadiana ny tetikasa amin'ny antsipiriany

1. Ny votoatin'ny tetikasa sy ny fanadihadiana manokana:

- Tsiahy ny famelabelarana, fanazavana ary fanohanana tetikasa :
    - Ny antontan-kevitra ankapoben'ny ny tetikasa (singanina manokana ny fanadihadiana mikasika ny tontolo-iainana izay ahitana ny Fiche environnementale sy ny Plan de Gestion Environnementale du Projet)
    - Ny fanamarinana ireo karazana akora sy fitaovana hampiasaina
    - Ny famaritana ny asa na fotodrafitrasa sy ireo mandrafitra azy
    - Ny toromarika ireo fitambarana asa-ara-teknika iray tsy mivaky ka mitaky fanadihadiana manokana raha ilaina

- Ny vokatra sy fiantraikan'ny tetikasa amin'ny mpahazo tombontsoa sy ny tontolo iainana
- Ny antontan-taratasy ara-teknika misy











- ireto taratasy ireto (fanadihadiana mikasika ny fotodrafitrasa-fitambaran'ireo kisary na plan mampiseho ny fotodrafitrasa eo amin'ny toerana hanaovana azy-drafitra fanatanterahana ny asa-fanadihadiana manokana nilaina)





Ny tombam-bidiny (vinavina ny hamaroan'isa na quantitatif sy ara-bola ny asa, sns)




2. Fanadihadiana ny asa hotanterahana:
   - Kisary (plans)
   - Famaritana ny asa
   - Famaritana manokana ara-teknika ny asa
   - Teti-andron'ny fanatanterahana ny asa
   - Ny tombam-bidiny


3. Fanadihadiana mikasika ny fitaovana
   - Famaritana manokana ara-teknika ny fitaovana
   - Ny tombam-bidiny




4. Fanadihadiana mikasika ny sakana ara-teknika amin'ny fampiasana sy fikojakojana ny fotodrafitrasa sy ny fikajiana ny tombam-bidiny mifandraika amin'izany.




### VI.2.3.5 Dingana famolavolana ny fanaovana fanadihadiana ny tetikasa amin'ny antsipiriany




**Dingana 1 :**
Famolavolana ireo fanadihadiana ka mpianto-draharaha no miandraikitra izany




**Dingana 2 :**
Fankatoavan'ny Manamahefa mpandraiki-barotra ny valiny fanadihadiana ny tetikasa amin'ny antsipiriany



Dingana 3 :
Fandrafetana ny fanaovana fanadihadiana ny tetikasa amin'ny antsipiriany raikitra ka mpianto-draharaha no miandraikitra izany

## V.2.3.5.1 Famolavolana fanaovana fanadihadiana ny tetikasa amin'ny antsipiriany

Manatanteraka ireo fanadihadiana ara-teknika mifandraika amin'ny tetikasa ny mpianto-draharaha





Tsy maintsy midina matetika eny an-toerana ny mpianto-draharaha mandritra ny asa fanadihadiana

## V. FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA SY NY FANATANTERAHANA FIFAMPIRAHARAHAM-BAROTRA MIKASIKA NY FISAHANANASA ARA-TSAINA


Manendry olona iray hiandraikitra ny fifaneraserana amin'ny mpianto-draharaha ny Manamahefa mpandraiki-barotra na Kaominina. Ny mety dia olona efa nandray anjara nandritra ny fanomanana ny fanaovana fanadihadiana ny tetikasa ambangovangony.




Io olona io ihany koa no hiandraikitra ny fitahirizana ireo antontan-taratasy mikasika ny fanadihadiana ny fanaovana fanadihadiana ny tetikasa amin'ny antsipiriany.

### VI.2.3.5.2 Fankatoavan'ny Manamahefa pandraiki-barotra ny valiny fanadihadiana ny tetikasa amin'ny antsipiriany

Ny mpianto-draharaha no manatanteraka ny fanadihadiana mifandraika amin'ny tetikasa






...ary ny Manamahefa mpandraiki-barotra kosa no mandalina sy mamakafaka volavolana fanaovana fanadihadiana ny tetikasa amin'ny antsipiriany araka ny lisitr'reo teboka hohamarinina mandritra ny fankatoavana ny fanaovana fanadihadiana ny tetikasa amin'ny antsipiriany.

Mandefa ireo fanamarihana any amin'ny mpianto-draharaha

### VI.2.3.5.3 Fandrafetana ny fanaovana fanadihadiana ny tetikasa amin'ny antsipiriany raikitra na farany


Mamolavola ny dika raikitra na faran'ny fanaovana fanadihadiana ny tetikasa amin'ny antsipiriany ny mpianto-draharaha, izany dia mifototra amin'ny fanamarihana nataon'ny Kaominina.



Izany dika faran'ny fanaovana fanadihadiana ny tetikasa amin'ny antsipiriany izany dia tsy maintsy akana ny fankatoavan'ny vaomieran' ny fandraisana asa

### VI.2.3.6 Lisitr'ireo teboka hohamarinina mandritra ny fankatoavana ny valiny fanadihadiana ny tetikasa amin'ny antsipiriany

Fanajana ny môdely notakina sy ny fahitana ireo singa taratasy notakina toy ny :
Tsiahy ny famelabelarana, fanazavana ary fanohanana tetikasa :





- Ny vokatry sy fiantraikan'ny tetikasa amin'ny mpahazo tombontsoa sy ny tontolo iainana
- Ny antontan-taratasy ara-teknika misy ireto taratasy ireto (fanadihadiana mikasika ny fotodrafitrasa-fitambaran'ireo kisary na plan mampiseho ny fotodrafitrasa eo amin'ny toerana hanaovana azy-drafitra fanatanterahana ny asa-fanadihadiana manokana nilaina)
- Ny tombam-bidiny (vinavina ny hamaroan'isa na quantitatif sy ara-bola ny asa, sns), sns.


## V. FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA SY NY FANATANTERAHANA FIFAMPIRAHARAHAM-BAROTRA MIKASIKA NY FISAHANANASA ARA-TSAINA




1. Fampitahana ny fotodrafitrasa ao anatin'ny fanaovana fanadihadiana ny tetikasa amin'ny antsipiriany sy ny safidin'ny mpahazo tombontsoa tao anatin'ny fanaovana fanadihadiana ny tetikasa ambangovangony




2. Fampidirana ireo fanamarinana nandritra ny fankatoavana ny fanaovana fanadihadiana ny tetikasa ambangovangony




3. Fampitahana ny zavamisy eny an-toerana sy ny ao anatin'ny fanaovana fanadihadiana ny tetikasa amin'ny antsipiriany




4. Fanamarinana ny kisary sy ny fomba fikajiana samihafa

5. Feno, mazava sy mahafapo ny fanamarihana ara-teknika





6. Fanamarinana ny vinavinan-tombam-bidin'ny tetikasa miohatra amin'ny tetibolan'ny Kaominina

7. Fahavononan'ny hoenti-manan'ny mpahazo tombontsoa hoentina miatrika ny ao aorian'ny fahavitan'ny asa






8. Fanamarinana ny fe-potoana sy fotoana hanatanterahana tetikasa

# VI. FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA SY NY FANATANTERAHANA FIFAMPIRAHARAHAM-BAROTRA MIKASIKA NY ASA VAVENTY

Fandraiketana tsenambaro-panjakana mikasika ny asa vaventy hafa ankoatra ny lalana (Ohatra : fanaovan – trano)

Fanatanterahana ny fifampiraharaham-barotra mikasika ny asa vaventy hafa ankoatra ny lalana (Ohatra : fanaovan – trano)

## VI.1 FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA MIKASIKA NY ASA VAVENTY HAFA ANKOATRA NY LALANA (Ohatra : fanaovan-trano) (Passation marche travaux)

Mifototra amin'ny vinavinan'ny tetibola momba ny asa fanorenana sy ny fehezan-dalàna mikasika ny tsenambaro-panjakana no hamaritan'ny Mpiandraikitra ny tsenambaro-panjakana ny fomba fitaomana ireo mpifaninana hanao tolo-bidy.

### VI.1.1 FISAFIDIANANA ORINASA MPANAO FANORENANA

Dingana I :
Fanomanana sy fankatoavana antotan-taratasy fitaomana hanao tolo-bidy

Dingana II:
Fampafantarana sy famaliana ny taratasy tolo - bidy

Dingana III :
Fanokafana sy fanaovana tombana ireo tolo – bidy nataon'ny mpifaninana

Dingana IV :
Fanendrena ny mpanao fanorenana nahazo ny fifanaraham-barotra sy ny fanaovan – tsonia ny fifanarahana arak'asa

## VI.1.2 FANOMANANA SY FANKATOAVANA ANTONTAN-TARATASY FITAOMANA HANAO TOLO-BIDY (DAO)

Ny tanjon'ny Antontan-taratasy fitaomana hanao tolo-bidy dia hahafahan'ny mpifaninana rehetra manana fahafantarana mitovy mikasika ny fepetra fanombanana tolo-bidy sy ny vinavinan'ny fifampiraharaham-barotra.

Ny tsenambaro-panjakana fitaomana hanao tolo-bidy koa dia miantoka ny fahafahana mampitaha ny tolotra, amin'ny famaritana ny fitsipika arahina, ny fanoritsoritana mazava ny asa, sy ny rafitra ary endriky ny tolotra aroso.




### VI.1.2.1 Fanomanan'ny Mamamahefa mpandraiki-barotra ny antontan-taratasy ny tolo-bidy

Miainga avy amin'ny fanadihadiana tao amin'ny fanadihadiana ny tetikasa amin'ny antsipiriany sy ny môdely antontan-taratasy fitaomana hanao tolo-bidy (jereo môdely ao amin'ny Tovana 21) no hanomanan'ny mpianto-draharaha na ny orinasa mpanaramaso sy mpanadihady ny antontan-taratasy fitaomana hanao tolo-bidy mikasika tsenambaro-panjakana ny asa vaventy.




☞ <u>Ireo singa mandrafitra ny antontan-taratasy fitaomana hanao tolo-bidy</u> araka ny andiny faha-31, 58 sy 59 ny fehezan-dalàna tsenam-barotra amin'ny Fanjakana :

## VI. FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA SY NY FANATANTERAHANA FIFAMPIRAHARAHAM-BAROTRA MIKASIKA NY ASA VAVENTY

<u>Fizarana I :</u> PAIKA HITAOMANA HANAO TOLO-BIDY

- *Fampahafantarana ireo mpifaninana*
- *Filazana manokana momba ny tolo-bidy (DPAO)*
- *Môdely famaliana tolo-bidy*

<u>Fizarana II :</u> FIFAMPIRAHARAHAM-BAROTRA

- *Sora-panekena (Acte d'engagement)*
- *Bokin'ny fepetra manokana (CPS) ahitana ny bokin'ny fepetra ara-taratasy manokana (CCAP) sy ny toetoetra ara-teknika (Spécifications Techniques)*
- *Bokin'ny fepetra ara-taratasy ankapobeny (CCAG)*

☞ Fomba fifantenana ny mpifaninana araka ny andiny faha-34 ny fehezan-dalàna tsenam-barotra amin'ny Fanjakana :

Ny fitaomana hanao tolobidy no fomba isafidianan'ny Manamahefa mpandraiki-barotra izay « Tolotra ahazahoany tombony ara-toekarena be indrindra, sady tsy misy adivarotra, mifanaraka amin'izay masontsivana tsy mitanila efa ampahafantarina mialoha ireo mpifaninana »

**☞ Fitaomana hanao tolo-bidy**

**☞ Tolotra ahazahoany tombony ara-toekarena be indrindra**

| FANAMARIHANA |
|---|
| Ny fandraiketana tsenambaro-panjakana horesahina ato amin'ity torolalana ity dia ho voafetra amin'ny tsenambaro-panjakana izay heverina fa matetika mitranga eny anivon'ny Kaominina Ambanivohitra dia : « ny tsenambaro-panjakana mikasika ny asa vaventy ankoatra ny lalana latsaka ny 500 tapitrisa Ariary », amin'ny alalan'ny « Fitaomana hanao tolo-bidy misokatra » |

### VI.1.2.2 Fankatoavana ny antontan-taratasy fitaomana hanao tolo-bidy

Atolotra ny Manamahefa mpandraiki-barotra ilay volavola antontan-taratasy fitaomana hanao tolo-bidy mba hodinihiny sy hankatoaviny.

Ny Manamahefa mpandraiki-barotra dia manamarina fa mifanaraka amin'ireo antontan-kevitra hita tao anaty fanadihadiana ny tetikasa amin'ny antsipiriany ilay antontan-taratasy fitaomana hanao tolo-bidy.




### VI.1.3 FAMPAFANTARANA SY FAMALIANA NY TOLO-BIDY




*Araka ny adininy faha-32 ny fehezan-dalàna tsenam-barotra amin'ny Fanjakana*, ankoatra ny fanaovana peta-drindrina eny amin'ny Manamahefa mpandraiki-barotra ary ny toerana misy ireo rafitra mpanara-maso, dia havoaka ao amin'ny gazety manokana avoakan'ny rafitra misahana ny fandrindrana ny tsenambaro-panjakana, no avoaka ao amin'ny gazety iray maharakotra ny firenena, na gazety iray eo an-toerana ihany farafahakeliny ny filazana miavaka fiantsoana ny daholobe hifaninana

*Araka ny voalazan'ny andininy faha-33 fehezan-dalàna tsenam-barotra amin'ny Fanjakana* dia azo avoaka amin'ny alàlan'ny fitaovana elektronika (voie electronique) – ny tranonkalam-pifandraisana na aterineto ny fampahafantarana ankapobeny fifampiraharaham-barotra


Maharitra telopolo (30) andro ny faharetany fampafantarana ny fitaomana hanao tolo-bidy

Ny antontan-taratasy fitaomana hanao tolo-bidy dia amidy eo anivon'ny Manamahefa mpandraiki-barotra

Ny fangatahana fanazavana fanampiny dia eo anivon'ny Manamahefa mpandraiki-barotra irery ihany.

## VI.1.3.2 Fanomanana ny famaliana ny tolo-bidy

### VI.1.3.2.1 Fivoriana fanomanana




Raha voalaza ao amin'ny filazana manokana momba ny tolo-bidy ny fisian'ny fivoriana fanomanana, dia manasa ireo mpifaninana ny tompon-draharaha sy ny mpianto-draharaha hanatrika izany araka ny daty, ora, toerana hanaovana izany.

Ny tanjona amin'izany dia hanome fanampim-panazavana sy hamaly izay mety ho fanontanian'ireo mpifaninana. Hanaovana firaketana an-tsoratra izany fivoriana izany.

### VI.1.3.2.2 Fanaovana fitsidihana ny toerana hanaovana ny asa



Tarihin'ny mpianto-draharaha na orinasa mpanadihady ny fikarakarana ny fitsidihana ny toerana hanaovana ny asa araka ny daty ao anatin'ny antontan-taratasy fitaomanaa hanao tolo-bidy.


Omena taratasy manamarina ny fitsidihany teny amin'ny toerana hanaovana ny asa ny mpifaninana tsirairay (jereo ny môdely ao amin'ny Tovana 22).

Io taratasy fanamarinana ny fitsidihany teny amin'ny toerana hanaovana ny asa io dia tsy maintsy hita ao anatin'ny antontan-taratasy fitaomana hanao tolo-bidy.

### VI.1.3.2.3 Fanomanan'ny mpifaninana ny tolo - bidy

Ireto no antontan-taratasy omanin'ny mpifaninana :

- *sora-panekena sy tovana miaraka aminy*
- *taratasy milaza ny mombamomba ny mpifaninana sy taratasy manamarina ny fahafahana (capacité), fahaizana (qualification) araka ny lalàna, ara-teknika, ara-bolan' ny mpifaninana*
- *bokin'ny fepetra manokana sy ny tovana miaraka aminy*
- *antoky tolo-bidy (caution ou garantie de soumission) atao mifanaraka amin'ny môdely hita ao amin'ny môdelina taratasim-pangatahana*
- *taratasy manokana hafa voalaza ao amin'ny Filazana manokana momba ny tolo-bidy.*




*Araka ny voalazan'ny andininy faha-43 fehezan-dalàna tsenam-barotra amin'ny Fanjakana*, ny tolobidy dia asiana antontan-taratasy fototra sy dika mitovy araka izay notakian'ny Antontan-taratasy fitaomana hanao tolo-bidy, ary samy atao anaty valopy mihidy misy ny soratra «ORIGINAL» na «COPIE», araka izay mifanaraka aminy avy, ka ireo indray avy eo no ampiarahana ao anaty valopy tokana tsy mivaky sarony.

*Araka ny voalazan'ny andininy faha-68 fehezan-dalàna tsenam-barotra amin'ny Fanjakana :*

- Ny mpifaninana tsirairay dia tsy maintsy manao antoky tolo-bidy raha toa ka notakiana izany.
- Tsy maintsy atao amin'ireto endriny manaraka ireto izany antoky tolo-bidy :
  - Antoka omen'ny banky
  - Seky voamarin'ny banky ka atao amin'ny anaran'ny Kaominina
  - Antoka atao amin'ny anaran'ny tena manokana sy hiarahana amin'ny fikambanana na banky eken'ny Ministeran'ny Vola sy ny Fitantanam-bola.

- Tsy maintsy atao manan –kery telopolo (30) andro ao aorian'ny daty faharetan'ny tolo-bidy ny antoky tolo-bidy.
- Averina amin'ny mpifaninana tsy nahomby nandritra ny fisafidianana orinasa hanatanteraka ny asa fanorenana ny antoky tolo-bidiny farafahatarany telopolo (30) andro aorian'ny faharetan'ny tolo-bidiny.
- Ho an'ny nahazo ny asa kosa dia averina aminy rehefa vitany ny antoka amin'ny fahatontosan'ny asa antsakany sy andavany.
- Azo giazana kosa ny antoky tolo-bidy noho ireto antony manaraka ireto :
  - Raha misintona ny tolo-bidiny izy mandritra ny mahamanan-kery ny faharetany ;
  - Raha tsy manaiky ny fanitsiana ny fahadisoana teo amin'ny tolo-bidiny ;
  - Raha mandà ny hanao sonia ny fifanekena fifampiraharaham-barotra ;
  - Raha tsy nahavita nanao ny antoka amin'ny fahatontosan'ny asa antsakany sy andavany.

### VI.1.3.3 Fandraisana ny tolo - bidy

Araka ny voalazan'ny andininy faha-44 fehezan-dalàna tsenam-barotra amin'ny Fanjakana, ny tolo-bidy mpifaninana dia tokony ho voarain'ny Manamahefa mpandraiki-barotra amin'ny daty, ora sy toerana nofaritan'ny Antontan-taratasy ny fitaomana hanao tolo-bidy.






Ny tolo-bidy rehetra voarain'ny Manamahefa mpandraiki-barotra aorian'ny daty sy ora farany ahafahana mametraka tolo-bidy dia ambara fa nihoatra ny fe-potoana, ka ahilika sy averina any amin'ny mpifaninana sady tsy sokafana akory.

Ny tolo-bidy tsirairay izay aterin'ny mpifaninana dia raisina an-tsoratra ao anatin'ny kahie fandraisana tolotra (nomerao, daty sy ora nametrahana azy)

## VI.1.4 FANOKAFANA SY FANAOVANA TOMBANA IREO TOLO – BIDY

Fanokafana tolo-bidy → Fanaovana tombana tolo-bidy

### VI.1.4.1 Fanokafana ny tolo - bidy




☞ Fiantsoana ny mpikamban'ny Vaomieran'ny tolo-bidy

Fito (07) ka hatramin'ny folo (10) andro alohan'ny fanokafana ny tolo-bidy no mandefa ny taratasy fiantsoana ny Mpiandraikitra ny tsenambaro-panjakana. Manendry mialoha izay ho mpitantsoratra mandritra ny fivoriana ny Mpiandraikitra ny tsenambaro-panjakana.

☞ Fanokafana ny tolo-bidy

Araka ny voalazan'ny andininy faha-45 fehezan-dalàna tsenam-barotra amin'ny Fanjakana, ny fanokafana ny tolo-bidy dia andraikitry ny Mpiandraikitra tsenambaro-panjakana na ny solon-tenany otronin'ny Vaomieran'ny tolo-bidy ka hatrehan' ireo mpifaninana.

Ny tolo-bidy tonga ara-potoana ihany no sokafana mandritra ny fotoana. Ny valopy misy soratra "Sintonina-Retrait, Nosoloina-Remplacement, Nahitsy-Modification" no sokafana voalohany raha misy.

Ny fanokafana ny tolo-bidy dia atao araka ny nomerao nahatongavany ary vakina mafy farafaharatsiny ireto teboka manaraka ireto :

- *Ny anaran'ny mpifaninana*
- *Ny sora-panekena na tsia*
- *Ny vidin'ny tolo-bidy sy ny mety ho fihenam-bidy nomen'ny mpifaninana*
- *Ny fisian'ny antoky tolo-bidy (garantie de soumission).*

## VI. FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA SY NY FANATANTERAHANA FIFAMPIRAHARAHAM-BAROTRA MIKASIKA NY ASA VAVENTY

Izany hoe ny mpikambana ao anatin' ny Vaomieran'ny tolo-bidy dia manamarina fotsiny ihany ny fisiany na tsia ireo singa notakina tao anatin'ny antotan-kevitra ny tolo-bidy.



Tsy misy tolo-bidy mihintsana na ahataka mandritra ny fanokafana ny tolo-bidy afatsy ireo tara.

Mandritra ny fotoana fanokafana ny tolo-bidy dia mampameno ny fanamarinam-pahatongavana ireo olona tonga manatrika ny fanokafana ny tolo-bidy ny mpitantsoratra.




Tsy maintsy manao fitanana an-tsoratra ny fotoana araka ny môdely ao amin'ny Tovana 23 ny mpitantsoratra.

Amin'ny faran'ny fotoana dia manendry ireo hanao ny tombana ny Mpiandraikitra tsenambaro-panjakana (03 ka hatramin'ny 05 isany).

*Araka ny voalazan'ny andininy faha-56 fehezan-dalàna tsenam-barotra amin'ny Fanjakana*, raha tsy misy ny tolo-bidy voaray, dia manolotra soso-kevitra ny Vaomieran'ny tolo-bidy ny hanaovana ny fanambaràna fiantsoana tolo-bidy tsy namokatra (infructueux) ao anaty fitanana an-tsoratra

## VI.1.4.2 Fanaovana tombana ny tolo-bidy

Mizara efatra ny fomba fanaovana ny tomban'ny tolo-bidin'ny mpifaninana:

- Fanaovana tombana ny fanarahana ny fepetra tolo-bidy
- Fanaovana tombana sy fampitahana ireo tolo-bidy
- Fanamarinana ny fahaiza-manaon' ny mpifaninana
- Fandrafetana ny tatitra momba ny tombana

### VI.1.4.2.1 Fanaovana tombana ny fanarahana ny fepetran'ny tolo-bidy

*Araka ny voalazan'ny andininy faha-46 fehezan-dalàna tsenam-barotra amin'ny Fanjakana*, ity dingana ity dia manamarina ireo antontan-taratasy notakina raha feno sy manaraka ny fepetra takina tao anatin'ny antotan-taratasy fitaomana hanao ny tolo-bidy.





Mandritra io dingana io ny antontan-taratasy tsirairay dia tombanana araka ny taratasi-masontsivana efa voaomana. Ka mizara roa izany fijerena sy fanamarinana izany :

- Ny fisiana na tsy fisiana sora-panekena sy ny tovana miaraka aminy, ny fisiana na tsy fisiana antoky tolo-bidy (caution ou garantie de soumission).
- Ny fanajana ny fepetran' ny tolo-bidy (tolo-bidy feno tsara, fotoana hanatanterahana ny asa, ny taratasy fanamarinana fa nandray anjara tamin'ny fitsidihana teny an-toerana hanaovana ny asa, sns).
- Ity dingana ity dia miafara amin'ny fakana fehin-kevitra toy izao :
- Mifanaraka amin'ny fepetra
- Mifanaraka ihany amin'ny fepetra
- Tsy mifanaraka amin'ny fepetra

- Raha mitranga ity farany dia tonga dia lavina ny tolo-bidy

Araka ny voalazan'ny andininy faha-56 fehezan-dalàna tsenam-barotra amin'ny Fanjakana, raha tsy misy tolo-bidy mifanaraka amin'ny fepetra dia faranana ny tombana ary manolotra soso-kevitra ny Vaomieran'ny tolo-bidy ny hanaovana ny fanambaràna fiantsoana tolo-bidy tsy namokatra (infructueux) ao anaty fitanana an-tsoratra.




Ny taratasy mason-tsivana dia tsy maintsy soniavin'ny Mpiandraikitra tsenambaro-panjakana sy ny mpitantsoratra Vaomieran'ny tolo-bidy.

## VI.1.4.2.2 Fanaovana tombana sy fampitahana ireo tolo-bidy

Araka ny voalazan'ny andininy faha-47 fehezan-dalàna tsenam-barotra amin'ny Fanjakana dia avadika ho sanda ara-bola, na atao mason-tsivana mahavoahilika avy hatrany, ny vidy sy ireo mason-tsivana hafa, toy ny saran'ny fampiasana, ny fe-potoana fanatanterahana, ny tetiandro fanefam-bola, ny fanarahana fenitra iraisana ary indrindra ireo enti-manatanteraka toy ny mpiasa, fitaovana sy fomba fanatanterahana,




izay tsy maintsy voalaza ao anaty Antontan-kevitry ny Fitaomana hanao tolobidy na ny fangatahana tolotra, mba hamaritana ny atao hoe tolobidy ahazoana tombony ara-toekarena be indrindra

Rehefa izany dia halahatra ny tolo-bidy araka ny tolotra ahazahoany tombony ara-toekarena be indrindra ka hatrany amin'ny kely indrindra

Araka ny voalazan'ny andininy faha-48 fehezan-dalàna tsenam-barotra amin'ny Fanjakana, dia afaka manilika ny tolobidy iray raha toa ka tsapany fa ambany loatra na ambony loatra ny vidiny raha ampitahaina amin'ireo singa mandrafitra ny tolotra sy ny tanjon'ny fifampiraharaham-barotra, ka mety hiteraka ahiahy amin'izay mety ho fahafahan'ilay mpifaninana nanome tolo-bidy hanatanteraka ny asa dia.

### VI.1.4.2.3 Fanamarinana ny fahafaha-manaon' ny mpifaninana

*Araka ny voalazan'ny andininy faha-47 fehezan-dalàna tsenam-barotra amin'ny Fanjakana*, rehefa vita ny fanombanana ireo tolo-bidy, dia irosoana ny fanamarinana ireo taratasy manamarina ny fahafaha-manaon'ny mpifaninana nahazo laharana voalohany :



- *Fahafahana araka ny lalàna (NIF, CS, CNF, Etat 211bis)*
- *Fahafahana ara-teknika (fananana fitaovana, sns)*
- *Fahafahana ara-bola (fanambaràna ara-bola, Vola kirakiraina, vola any amin'ny banky, sns)*
- *Fahaiza-manao manokana hafa : tombam-bidy farafahakelin'ny asa mitovy amin'ny tolo-bidy, sns*

Ity dingana ity dia entina mangataka fanazavana mikasika ny taratasy momba ny NIF, CS, CNF, Etat 211bis fotsiny ihany

Aorian'ny fangatahana fanazavana ho an'ny tolo-bidy tsy nahafeno fepetra dia manolotra soso-kevitra ny Vaomieran'ny tolo-bidy ny hanaovana ny fanambaràna fiantsoana tolo-bidy tsy namokatra (infructueux) ao anaty fitanana an-tsoratra, *araka ny vodalazan'ny andininy faha-56 fehezan-dalàna tsenam-barotra amin'ny Fanjakana.*




## VI.1.4.2.4 Fandrafetana ny tatitry ny tombana




Ny famaranana ny tombana dia ny fanaovana ny tatitra araka ny môdely ao amin'ny Tovana 24.

Ny tatitra dia hanoritsoritra ireo dingana telo (03) voalaza teo aloha ary faranana amin'ny fanambaràna fa :

- Ny filaharan'ny tolo-bidy mpifaninana mifanaraka amin'ny fepetra sy fahaiza-manao takina ;
- Fanolorana soso-kevitra sy fanambaràna fiantsoana tolo-bidy tsy namokatra (infructueux) raha tsy nisy nahafa-po ny tolo-bidy
- Izany tatitra izany dia hangatahana fanapahana ny hevitrin'ny mpikambana ao Vaomieran'ny tolo-bidy :
- Raha toa ka nolaviny ilay tatitra dia averina ny fanaovana ny tombana miaraka amin'ny tolo-kevitra ny hanaovana tombana lalindalina kokoa sy fanitsiana ny fanaovana tombana mba hialana amin'ny tsy fitovian-kevitra fa ao anatin'ny fanajana ny fepetran' ny antontan-taratasy fanasana tolo-bidy sy ny fitsipiky ny fifaninanana.
- Raha toa kosa ka ekeny dia manamafy ny fehin-kevitra ny tatitry ny tombana.

## VI. FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA SY NY FANATANTERAHANA FIFAMPIRAHARAHAM-BAROTRA MIKASIKA NY ASA VAVENTY

Rehefa izany dia mandray fanapahan-kevitra ny Mpiandraikitra tsenambaro-panjakana amin'ny fanomezana ny tsena amin'ny mpifaninana iray ka mifototra amin'ny lisitra naroson'ny Vaomieran'ny tolo-bidy izany.
Mifarana eo ny anjara asan'ny Vaomieran'ny tolo-bidy rehefa vita ny fanaovana ny firaketana an-tsoratra ny fankatoavana (jereo môdely ao Tovana 25).

| FANAMARIHANA |
|---|
| Amin'ny ankapobeny ny tsena fanaovan-tranon-tsekoly na tombim-pahasalamana eny anivon'ny Kaominina Ambanivohitra dia fanorenana vaovao. Ka noho izany, ny tombam-bidin'ny tsena dia atao hatrany araka ny tetibidy raikitra (Prix forfaitaire). Ny fitsinjarana io tetibidy raikitra io dia aseho amin'ny alalan'ny vinavinam-bidy antsipiriany izay mahabango ny habetsaky ny asa hatao sy ny tondrom-bidy mifanaraka amin'ny isanisany ho an'ny asa sy ny singan'asa tsirairay. |

### VI.1.5 FANOMEZANA TSENA SY NY FANAOVAN-TSONIA NY FIFANARAHANA ARAK'ASA

#### VI.1.5.1 Famoahana ny valin'ny fisafidianana orinasa mpanao fanorenana

Alohan'ny fanaovan-tsonia ny fifanekena fifampiraharaham-barotra, ny Mpiandraikitra tsenambaro-panjakan dia :

- mampahafantatra ireo mpifaninana tsy nahazo *asa araka ny lalàna faha 2016-055 tamin'ny 25 janoary 2017 mahakasika ny fehezan-dalàna momba ny tsenambaro-panjakana ao amin'ny andiny faha-52.* Ny môdely ao amin'ny Tovana 26 no ampiasaina amin'izany
- mamoaka ny valin'ny fisafidianana orinasa mpanao fanorenana ao anatin'ny fepotoana telopolo (30)



andro isaina manomboka eo amin'ny fampahafantarana ny nahazo ny tsenam-barotra, ny filazana ny fanomezana ny fifampiraharaham-barotra araka ny fehezan-dalàna momba ny tsenambaro-panjakana ao amin'ny andiny faha-53. Ny môdely ao amin'ny Tovana 27 no ampiasaina amin'izany.

- mampahafantatra ny nahazo asa (amin'ny alalan'ny fampahafantarana an-tsoratra na notification fa izy no nahazo ny tsena) *araka ny fehezan-dalàna momba ny tsenambaro-panjakana ao amin'ny andiny faha-54* (jereo Tovana 28)

### VI.1.5.2 Famolavolana ny fifanarahana arak'asa



Ny fifanarahana arak'asa dia omanin'ny Manamahefa mpandraiki-barotra araka ny môdely ao amin'ny antotan-kevitra fitaomana hanao tolo-bidy

### VI.1.5.3 Fanaovan'ny roa tonta sonia ny fifanekena fifampiraharaham-barotra

Manasa ny orinasa nahazo ny tsena hanao sonia fifanekena fifampiraharaham-barotra miaraka amin'ny Manamahefa mpandraiki-barotra na Kaominina.

Izany fifanekena fifampiraharaham-barotra izany dia ahitana ny sora-panekena sy ireo bokin'andraikitra *araka ny lalàna faha 2016-055 tamin'ny 25 janoary 2017 mahakasika ny fehezan-dalàna momba ny tsenam-barotra amin'ny Fanjakana ao amin'ny andiny faha-57*




## VI.2 FANATANTERAHANA NY FIFANARAHAM-BAROTRA FANAOVANA ASA VAVENTY ANKOATRA NY LALANA (OHATRA: FANAOVAN-TRANO) (Execution marche travaux)

Fanamby lehibe ny fanatanterahana ny asa fanorenana satria io no hamadika ny tetikasa ho lasa fotodrafitrasa sy fahazoana fitaovana.

### VI.2.1 DINGANA FANATANTERAHANA NY ASA FANORENANA

Mizara efatra (04) miantoana ny dingana fanatanterahana ny asa:


Dingana-I : Fanomanana ny fanombohana ny asa fanorenana






Dingana-II : Fanatanterahana ny asa fanorenana

Dingana-III : Fandraisana ny asa fanorenana



4. Dingana-IV : Fiomanana amin'ny fitantanana sy fikojakojana ny fotodrafitrasa



## VI.2.2 IREO TOMPON'ANTOKA AMIN'NY ASA FANORENANA


MANAMAHEFA MPANDRAIKI-BAROTRA = KAOMININA

- Fitantanana ny fifanekena fifampiraharaham-barotra :
  - miaraka amin'ny orinasa mpianto-draharaha sy ny orinasa mpanadihady momba ny fanaraha - maso sy ny fanamarinana ara-teknika
  - miaraka amin'ny orinasa mpanao fanorenana momba ny fanatanterahana ny asa
  - Fanaraha-maso ny fivoaran'ny asa fanorenana sy mametraka fitaovana hoenti –manaramaso mba hitiliana ireo izay mety ho tsy fahatomombanana sy hakana fepetra haingana hanarenana ny asa.






MPIANTO-DRAHARAHA = ORINASA MPANADIHADY



- Miandraikitra ny fanadihadiana mba hanaovana ny famolavolana ara-teknika ny tetikasa (APS-APD )
  - Manaramaso sy manamarina ny fanatontosana ara-teknika (kisary sy ny fepetra manokana) ny asa fanorenana na fotodrafitrasa.
  - Manomana ny fandraisana ny asa fanorenana sy ny fandoavana ny volan'ny orinasa mpanao fanorenana

MPITAO-DRAHARAHA = ORINASA MPANAO FANORENANA

- Miandraikitra ny fanatontosana ny asa fanorenana mifanaraka amin'ny fifanarahana sy ny bokin'andraikitra momba izany
- Tompon'andraikitra amin'ny fandaminana ny toeram-panorenana sy ny fiarovana ny mpiasa mpanao fanorenana



## VI.2.3 FANOMANANA NY FANOMBOHANA NY ASA FANORENANA

Mizara ho dingana telo (03) ny fanomanana ny fanombohana ny asa fanorenana:

Fanaovana fivoriana savaranonando → Fanomanana ny antoka ny asa fanorenana → Fanomanana ny fanombohana ny asa fanorenana

### VI.2.3.1 Fivoriana savaranonando

**Fivoriana savaranonando**



Ny fivoriana savaranonando dia iarahan'ny Kaominina, ny orinasa mpanao fanadihadiana sy fanaraha-maso na mpianto-draharaha ary ny orinasa mpanao fanorenana.


Ny orinasa mpianto-draharaha no mikarakara izany fivoriana izany aorian'ny fanaovan-tsonia ny fifanekena fifampiraharaham-barotra amin'ny orinasa mpanao fanorenana.

### Fotokevitry ny fivoriana savaranonando

Ny fotokevitr'ity fivoriana ity dia ny hifankahalalan'ireo tompon'antoka rehetra amin'ny tetikasa

Ao anatin'ity fivoriana ity no hanaovana fampahatsiahivana ny fepetra na ny fitsipiky ny fifampiraharaham-barotra sy hanomezana tari-dalana ny orinasa mpanao fanorenana amin'ny lafiny sasantsasany momba ny toeram-panorenana






Ity fivoriana ity koa dia fotoana hampahatsiahivana ny asa miandry ny orinasa mpanao fanorenana mandritra ny fanomanana ny fanombohan'ny asa fanorenana sy ny famolavolana ny fanatanterahana ny asa.

## VI.2.3.2 Fanomanana ny antoka (Garanties) sy ny fiantohana (Assurances)

Aorian'ny fandraisan'ny orinasa mpanao fanorenana ny dika mitovy ny fifanekena fifampiraharaham-barotra, izay ahitan'ny sora-panekena sy ny bokin'andraikitra, izay nataon'ny roa tonta sonia dia tsy maintsy manomana ireto karazana antoka sy fiantohana samihafa manaraka ireto ny orinasa mpanao fanorenana.

### VI.2.3.2.1 Antoka amin'ny fahatontosan'ny asa antsakany sy andavany (Garantie de bonne exécution)

Araka ny lalàna faha 2016-055 tamin'ny 25 janoary 2017 mahakasika ny fehezan-dalàna momba ny tsenam-barotra amin'ny Fanjakana ao amin'ny andiny faha-69 : Ny orinasa mpanao fanorenana dia tsy maintsy manome an-

toka amin'ny ahatontosan'ny asa antsakany sy andavany raha mihoatra ny enim-bolana ny faharetan'ny asa. Azon'ny Manamahefa mpandraiki-barotra atao koa anefa ny mitaky izany na dia latsaka io fe-potoana voalaza io aza ny faharetan'ny asa, raha toa ka nosoratana tao anatin'ny ny bokin'ny famarafaran-teny manokana (CCAP) izany.

Misy fomba roa no azo anaovana izany :

- *Atao amin'ny alalan'ny petra-bola (cautionnement) na,*
- *Atao antoka avy amin'ny banky (garantie bancaire) na fiantohan'ny banky dieny mbola fangatahana voalohany.*

Tokony tsy hihoatra ny 5%n' ny teti-bidin'ny fifanekena fifampiraharaham-barotra tany am-piandohana io antoka io.

Tsy maintsy vita roapolo (20) andro aorian'ny nandraisana ny fampahafantarana ny fahazoana ny tsena io antoka io.

Ny famerenana io antoka io dia atao amin'ny fandraisana ny asa na "réception des travaux" (ny 50% dia haverina telopolo andro aorian'ny fandraisana vonjimaika ary ny 50% ambiny dia averina telopolo andro aorian'ny fandraisana tanteraka)

## VI.2.3.2.2 Fihazonana Antoka (Retenue de garantie)

*Araka ny andiny faha-4.2 Boky mirakitrany Famarafaran-teny Ankapobeny (CCAG) :* Endrika iray azon'ny orinasa mpanao fanorenana atao hanaovana antoka amin'ny fanatanterahana asa ny fihazonana antoka, amin'ny ampaham-bola efaina mialoha na "acompte" sy ny vola tavela amin'ny vidin'ny fifampiraharaham-barotra.
Toy ny voalaza teo aloha dia tsy mihoatra ny 5%n' ny teti-bidin'ny tolotra nahazo laharana voalohany io antoka io.
Io fihazonana antoka io dia azo atao amin'ny fomba roa raha toa ka tian'ny orinasa mpanao fanorenana hatao izany :

- *Atao amin'ny alalan'ny petra-bola (cautionnement) na,*
- *Atao antoka avy amin'ny banky (garantie bancaire) na fiantohan'ny banky dieny mbola fangatahana voalohany*

#### VI.2.3.2.3 Antoka ho fanonerana vatsim-bola (Garantie de restitution d'avance)

*Araka ny andiny faha-4.3 Boky mirakitrany Famarafaran-teny Ankapobeny : Azo atao ihany koa ny manao fifanarahana ka mangataka antoka amin'ny famerenana ny vatsim-bola. Ny ny bokin'ny famarafaran-teny manokana no mamaritra izany.*

Misy fomba roa no hanaovana izany dia amin'ny alalan'ny petra-bola (cautionnement) na koa antoka avy amin'ny banky (garantie bancaire).

#### VI.2.3.2.4 Fiantohana (Assurances)


Ireto avy ny fiantohana takina amin'ny orinasa mpanao fanorenana ka farafahakeliny dia ireto no tsy maintsy anaovana filazam-piantohana :

- *Toeram-panorenana sy ny milina-« Intstallation et engins de chantier »*
- *Andraikitra sivily mandritra ny asa vaventy atao sy aorian'izany « Responsabilité civile en cours de chantier et après travaux »*
- *Andraikitra sivily folo taona « Responsabilité civile décennale »*

### VI.2.3.3 Fanomanana ny fanombohana asa fanorenana (Préparation du démarrage du chantier)

#### VI.2.3.3.1 Tanjon'ny fanomanana


Ny tanjon'ny fanomanana dia ny mba hametrahana ireo fepetra rehetra ilaina mba hizotra tsara sy ara-dalàna ny asa eo amin'ny lafiny fampandehanan-draharaha, ny fandaminana ary ny fametrahana ny toeram-panorenana





#### VI.2.3.3.2 Fizotran'ny fanombohana asa fanorenana

①

Famolavolana ireo anton-tan-taratasy fanatanterahana asa ilaina amin'ny fanorenana



## VI. FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA SY NY FANATANTERAHANA FIFAMPIRAHARAHAM-BAROTRA MIKASIKA NY ASA VAVENTY




②
Fankatoavan'ny orinasa mpanadihady sy mpanaramaso ireo antontan-taratasy fanatanterahana asa fanorenana

③
Fangatahana ny fanomezana toerana sy ny fahazoan-dalana ara-panjakana





④
Fametrahana ny toeram-panorenana

⑤
Fivoriana eo amin'ny toeram-panorenana mba handraisana amin'ny fomba ôfisialy ny fametrahana ny toeram-panorenana sy ny fanombohan'ny asa



## VI.2.3.3.3 Famolavolana ny antontan-taratasy fanatanterahana asa

Inona no atao hoe antontan-taratasy fanatanterahana asa?




Ny antontan-taratasy fanatanterahana asa dia fanamafisana ireo fomba fiasa sy fitaovana hampiasaina ary ny fotoana hanatanterahana ny asa.

Antontan-tsoratra sy antontan-tsary nataon'ny orinasa mpanao fanadihadiana sy mpanaramaso ka hampiasaina eny amin'ny toeram-panorenana mba hampandeha tsara ny asa no mandrafitra io antontan-taratasy io.

Tsy maintsy atao amin'ny antsipiriany izy io mba tsy hisian'ny fanadihadiana hafa.

Ny ampahany amin'io antontan-taratasy io ihany koa dia fitaovana iray entin'ireo mpiasa manatanteraka ny asa eny an-toerana toy ny taratasy filazana habetsahan'ny akora ilaina (BDQ).





Ny vinavina amin'ny antsipiriany ny habetsahan'ny akora ilaina mandritra ny fanorenana dia ilain'ny telo tonta (Kaominina tompon-draharaha, orinasa mpanadihady sy mpanaramaso, orinasa mpanao ny asa fanorenana sy mpamatsy fitaovana) hoentina manaraka ny fanaraham-penitry ny asa fanorenana sy hoentina hanarahana ny fikajiana ny asa vita

## VI. FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA SY NY FANATANTERAHANA FIFAMPIRAHARAHAM-BAROTRA MIKASIKA NY ASA VAVENTY



Io antontan-taratasy io ihany koa dia anisan'ny fitaovana hoentina manaraka sy manaramaso ny kalitaon'ny asa sy manjohy ny fandroson'ny asa.

### Inona no mandrafitra ny antontan-taratasy fanatanterahana ny asa?



Ny kisarin' ny fanatanterahana ny asa sy ny fepetra manokana arahina eny amin'ny toeran'ny fanorenana.

Mamaritra ireo asa amin'ny antsipiriany sady tsy mila fanadihadiana hafa amin'ny fanatanterahana asa

Ny drafitry ny toera– piasana sy ny toeram-panorenana mifandraika amin'ny :


- *Fomba fiasa*
- *Fotodrafitrasa vonjimaika*
- *Fitaovana enti-miasa*







Ny tombam-bidy amin'ny antsipiriany araka ny ampahan-tsena (lot) sy ny vatan'ny fototrafitrasa mifanaraka amin'ny drafitra fanatanterahana asa

Ny vinavinan'ny fandaharam-potoana amin'ny antsipiriany momba ny fanatanterahana asa, famatsiana ireo akora ary ny fahatongavan'ny mpiasa sy ny fitaovana.




Diarin'ny toeram-panorenana hanoratana ny zava-mitranga rehetra eo toeram-panorenana.


## VI.2.3.3.4 Fankatoavana ny antontan-taratasy fanatanterahana asa

**Foto-kevitry ny fankatoavana ny antontan-taratasy fanatanterahana asa**

Dinihin'ny Manamahefa mpiandraiki-barotra na ny orinasa mpanadihady ny antontan-taratasy fanatanterahana asa natsangan'ny orinasa mpanao fanorenana mba hahafahana mandinika ny fanarahana ny tetikasa atao.



## VI. FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA SY NY FANATANTERAHANA FIFAMPIRAHARAHAM-BAROTRA MIKASIKA NY ASA VAVENTY




Araka ny valin'ny fandinihana nataon'ny orinasa mpanadihady na mpianto-draharaha no hametrahany ny fanekeny ny antontan-taratasy fanatanterahana asa ary hankatoavany ny drafitra fametrahana ny toeram-panorenana

Ny fanomezana fankatoavana nataon'ny orinasa mpianto-draharaha na mpanadihady dia tsy manala ny andraikitry ny orinasa mpanao fanorenana

**Fizotry ny fankatoavana ny antontan-taratasy fanatanterahana asa**



Hamarinin'ny orinasa mpanao fanadihadiana sy mpanaramaso ny antontan-taratasy fanatanterahana asa natsangan'ny orinasa mpanao fanorenana raha mifanaraka amin'ny zava-misy ao anatin'ny fanaovana fanadihadiana tetikasa amin'ny antsipiriany sy antonta-taratasy fitaomana hanao tolo-bidy.

Fandrafetana fitanana an-tsoratra ny famintinana ny fankatoavana sy ny fanamarihana ny antontan-taratasy fanatanterahana asa





Fandinihana sy fankatoavana ny fitaovana ampiasaina sy ny akora raha mifanaraka amin'ny voalaza ao amin'ny fepetra ara-teknika takina.

Fanelanelanana ny tolo-kevitra ara-teknika sy mari-trano ataon'ny orinasa mpanao fanorenana



### VI.2.3.3.5 Fangatahana fanomezana toerana sy fahazoan-dalana ara-panjakana




Fangatahana fanomezan-dalana fampiasana vonjimaika toerana hametrahana ny toeram-panorenana sy hametrahana ranontany na akora hafa (déblais).

Fangatahana fanomezan-dalana haka akora amin'ny tanin'olon-tsotra na tanim-panjakana.

Fangatahana fanomezan-dalana fivezivezen'ireo fiara vaventy an'ny orinasa mpanao fanorenana.

### VI.2.3.3.6 Fanomezana taratasy baikon'asa (Ordre de services) ho fanombohana ny asa fanorenana

Aorian'ny fahazoana ny fankatoavana ny antontan-taratasy fanatanterahana asa, dia manome ny taratasy baikon'asa ho fanombohana ny asa fanorenana ny Manamahefa mpandraiki-barotra na Kaominina. (Jereo Tovana 29)





Ny baikon'asa dia fanomezana toromarika an-tsoratra avy amin'ny orinasa mpanadihady ho an'ny orinasa mpanao fanorenana momba ny fanatanterahana ny tetikasa.

Ny baikon'asa dia tsy azo ivalozana fa tsy maintsy tanterahina avy hatrany.




Manomboka eo amin'io daty nahazoana ny taratasy baikon'asa ho fanombohana ny asa fanorenana io no miantomboka ny fanisana ny fotoana hanatanterahana ny fifanekena fifampiraharaham-barotra.

Manomboka eo ihany koa dia mandray naoty ao anatin'ny diarin' ny fanorenana ny Mpitarika ny toeram-panorenana na "Chef de Chantier", momba izay zava-mitranga rehetra. (Jereo Tovana 30)



## VI.2.3.3.7 Fametrahana ny toeram-panorenana




Ny orinasa mpanao fanorenana no mametraka ny toeram-panorenana araka ny drafitra voalaza ao anatin'ny antontan-taratasy fanatanterahana asa.

Izy ihany koa no mametraka rano fisotro sy ny toeram-pivoahana ho an'ireo mpiasa ary ny tatatra fanarian-drano.

Ny toeram-panorenana ihany koa dia tokony hisy fefy sy mpiambina.

Ny orinasa mpanao fanorenana no mametraka ihany koa ny famantarana ny toeram-panorenana araka ny voalaza ao amin'ny fepetra arahina.






Ny orinasa mpanao fanorenana ihany koa no mamarana ny fandraisana mpiasa, ny famatsiana akora ka mitondra izany sy ireo fitaovana eo amin'ny toeram-panorenana.

## VI.2.3.3.8 Fandraisana ny toeram-panorenana

Atao amin'ny fivoriana lehibe voalohan'ny toeram-panorenana ny fandraisana ny toeram-panorenana





Ny famintinana ny fizotry ny fametrahana ny toeram-panorenana ao anaty trano dia mifototra amin'ny antontan-taratasy fanatanterahana asa sy ny diarin'ny fanorenana ary ny kahien'ny fanorenana



Izany fivoriana izany dia arahina fijerena sy fanamarinana ireo toeram-panorenana (fanorenana sy ny famantarana ny toeram-panorenana)



...fijerena sy fanamarinana ireo akora efa tonga eo an-toerana





Arakaraka ny fanamarihana natao no hanaovana fitanana an-tsoratra ny fandraisana ny toeram-panorenana. (Jereo Tovana 31)

## VI.2.4 FANATANTERAHANA NY ASA FANORENANA

VI.2.4.1 Ireo adidy aman'andraikitry ny Manamahefa mpandraiki-barotra mandritra ny fanatanterahana ny asa fanorenana

Ny Kaominina izay Manamahefa mpandraiki-barotra no tompon'andraikitra voalohany amin'ny fanatanterahana amin'ny antsakany sy andavany ny asa fanorenana. Ka noho izany dia tsy maintsy mijery manokana ireto teboka efatra ireto izy :

## VI. FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA SY NY FANATANTERAHANA FIFAMPIRAHARAHAM-BAROTRA MIKASIKA NY ASA VAVENTY




1. **Fanajana ny vinavina fandaharam-potoana sy ny mety fahatarana amin'ny alalan'ny:**
   - *fampiharana ny sazy mifanaraka amin'izany;*
   - *sy fangatahana ny fandraisana fepetra hanarenana izay tsy mety mba ho voahaja ny fe-potoana ankapobeny*



2. **Fanajana ny asa asaina atao (ara-kalitao sy ny habetsahany):** *tsy maintsy maka fankatoavan'ny kaominina izay tompon-draharaha raha misy fanovana ny asa nasaina hatao.*



3. **Araka ny tolo-kevitra avy amin'ny orinasa mpanadihady sy mpanaramaso, dia tsy maintsy mandray fanapahan-kevitra amin'izay mety fiovana misy eo amin'ny lafin'ny vidin'asa ny Manamahefa mpandraiki-barotra na Kaominina amin'ireto lafiny ireto:**

*asa fanampiny;*
*vidiny fanampiny;*
*fampiatoana na fanalavana ny fe-potoana hanatanterahana ny asa.*

- *Asa fanampiny na fitomboan'ny hakitroky ny asa (augmentation de la masse des travaux) :* mety mitranga izany toe-javatra izany mandritra ny asa fanorenana ka tsy maintsy amoahana baikon'asa vaovao (OS) ny fanatanterahana azy. Tsy maintsy hanaovana fifanekena fanitsiana izany raha vao mihoatra ny roapolo isan-jato (20%) ny hakitroky ny asa teny am-boalohany.
- *Vidy fanampiny :* ny vidy fanampiny dia azo kajina araka ny vidiny raikitra (prix forfaitaire) sy ny vidiny misingany araka ny habetsahan'ny asa vita (prix unitaire). Ny fikajiana izany dia mifototra amin'ny vidin'ny asa, indrindra fa ny fepetra ara-toekarena misy amin'ny fotoana nikajiana ireo vidiny ireo.
- Ireo tranga ireo dia mety hitondra fiovana na tsia eo amin'ny fe-potoana hanatanterahana ny asa

Fisafidianana miaraka amin'ny orinasa mpanao fanorenana ireo akora, na loko, ..., tsy voafaritra tao anatin'ny fifampiraharaham-barotra ny asa natao



## VI.2.4.2 Ireo fitaovam-panjohiana (outils de suivi) mandritra ny fanatanterahana ny asa fanorenana



*1. Diarin'ny toeram-panorenana :*

Tahirin-kevitra anisan'ny manan-danja indrindra eo amin'ny toeram-panorenana ny diary.

Ny mpiasa iray mpianto-draharaha antsoina hoe mpanaramaso ny toeram-panorenana no mitazona diarin'ny toeram-panorenana mba hanoratana ireo zavatra mitranga rehetra isan'andro:

- *ora niasana, toetr'andro, isan'ny olona niasa, ...*
- *famatsiana sy tahirin'akora, fidirana sy fivoahan' ny fitaovana*
- *Ny tahirin'akora*
- *Ny fahasimban'ny fitaovana*

- *Ny fiatoana amin'ny asa*
- *Ny loza*
- *Ny fitsidihana manan-danja*
- *Ny fandrosoan'ny asa*

Mandritra ny fitsirihana ny toeram-panorenana dia manoratra ny fanamarihana nataony sy manao sonia ary manambara ny olana raha goavana izany (indrindra fa ny tsy fahampiana eo amin'ny hoenti-manana) ao anatin'ny diary ny Injeniera mpanaramaso.



*2. Fivoriana isan-kerinandro*

Isan-kerinandro dia mikarakara fivoriana ny orinasa mpanadihady sy mpanaramaso miaraka amin'nyKaominina tompon-draharaha ary ny orinasa mpanao fanorenana mba hanaovana tatitra ny asa vita nandritra ny herinandro sy hanaovana ny drafitry ny asa hatao amin'ny herinandro vaovao.
Tohizana amin'ny fitsidihana ny toeram-panorenana izany mba hahafahana manombana ny kalitaon'ny asa vita sy izay mety ho fahasahiranana ara-teknika ary ny famatsiana ireo akora.
Ny orinasa mpanao fanorenana no manao ny fitanana an-tsoratra ny fivoriana isan-kerinandro. (Jereo Tovana 32)

*3. Fivoriamben' ny toeram-panorenana*

Ny fivoriamben'ny toeram-panorenana dia karakarain'ny mpianto-draharaha na ny orinasa mpanadihady ary tsy maintsy atrehin'ny Injeniera mpanaramaso.
Ny fotoana anaovana izany fivoriambe izany dia voafaritra ao anatin'ny fifanekena fifampiraharaham-barotra fa ny daty kosa dia faritana mandritra ny fivoriana savaranonando.
Ny fivoriana matetika dia ialohavan'ny fitsidihana ny toeram-panorenana. Ny Injeniera mpanaramaso no mitarika ny fotoana ary manao ny firaketana an-tsoratra (dika mitovy roa).

## VI. FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA SY NY FANATANTERAHANA FIFAMPIRAHARAHAM-BAROTRA MIKASIKA NY ASA VAVENTY




Ireto teboka ireto no dinihina sy resahina amin'izany :

- *Lisi-pahatongavana*
- *Fandinihana sy fankatoavana ary fanaovana sonia ny diarin' ny toeram-panorenana*
- *Fandrosoan'ny asa*
- *Fanamarihana taorian'ny fijerena ny asa*
- *Vinavinan'asa manaraka, farafaharatsiny hatramin'ny fivoriana manaraka*
- *Fanehoan-kevitra sy teboka manokana, raha misy tsy fitoviam-pijery eo amin'ny Injeniera mpanaramaso sy ny orinasa mpanao fanorenana, ka marihina tsara ny hevitry ny tsirairay sy ny fanapahan-kevitra noraisiny, mba hohamarinina amin'ny fivoriana manaraka.*
- *Fanomezana dika mitovy ny fitanana an-tsoratra ny fivoriana rehefa avy manao sonia ny injeniera mpanaramaso sy ny solontenan'ny orinasa mpanao fanorenana (ny orizinaly dia tehirizin'ny Injeniera mpanaramaso).*

*4. Rakitsoratra ny habetsahan'ny asa vita (Attachement des quantités)*

Ny rakitsoratra dia tahirin-kevitra vokatry ny fandraisana an-tsoratra ny asa vita araka izay hita maso (constat). (Jereo Tovana 33)




*Ny fandraisana an-tsoratra ny asa vita dia ilaina ho fanamarinana ka ahafahana manao fampitahana.*
*Ny ekipan'ny mpanaramaso hatrany no mamolavola sy manao sonia ny fandraisana an-tsoratra ka hataon'ny solontenan'ny orinasa mpanao*

*fanorenana nahazo fahefana manao sonia, miaraka amin'ireo mety ho fanoherany na ny tsy fanekeny izany. Tsy maintsy manao sonia io solontena io.*

*Ny fandraisana an-tsoratra ny asa vita dia atao eny amin'ny toeram-panorenana ary atao dika mitovy roa ka ny iray mijanona eny amin'ny toeram-panorenana ary ny orizinaly dia an'ny mpanaramaso hatrany*



Ny orinasa mpanao fanorenana dia afaka manao rakitsoratra ny habetsahan'ny asa vitany mba ahafahany manombana ny asa vitany.
Ny orinasa mpanaramaso koa dia manao rakitsoratra ny habetsahan'ny asa vita mba hahafahana manao fampitahana ny habetsahan'ny asa voavinavina. Izay no antsoina hoe rakitsoratry ny fampitahana na “attachement contradictoire”




5. Fikajiana ara-bola ny asa vita (Decompte)

Ny fikajiana ara-bola ny asa vita dia mifototra avy amin'ny rakitsoratra ny habetsahan'ny asa vita mba hahafahana manombana ny vidin'ny asa vita na nototosaina (Jereo Tovana 34). Ny orinasa mpanao fanorenana no manao izany. Misy dingana roa anefa izany fikajiana ara-bola izany dia : ny fikajiana ara-bola vonjimaika sy ny fikajiana ara-bola isam-bolana.

Ny fikajiana ara-bola vonjimaika dia miainga avy amin'ny rakitsoratra ny habetsahan'ny asa vita sy ny fisian'ny asa-fanampiny na koa ny tsy fahavitana tanteraka ny asa tokony ho natao nandritra ny volana ka mitaky fikajiana manokana. Izany avy eo no hanalana ny

mety ho fihenam-bidy nomen'ny orinasa mpanaramaso sy ny sazy (pénalités). Ny kajy rehetra dia tsy asiana TVA.
Raha ankatoaviny na hitondran'ny orinasa mpanao fanorenana fanitsiana ny fikajiana ara-bola vonjimaika dia mivadika ho fikajiana ara-bola isam-bolana.

### VI.2.4.3 Ireo fitaovana fandraisana ireo akora sy ny am pahan'ny fotodrafitrasa




Ny akora rehetra tonga eo amin'ny toeram-panorenana dia tsy maintsy hamarinina sy sedrain'ny orinasa mpanao fanorenana alohan'ny ampiasana azy.

Ny fandraisana ireo akora ireo dia tsy maintsy anaovana fitanana an-tsoratra

Ny fanatontosana ireo fotodrafitrasa an-tenatenany (ouvrages intermédiaires) sy ny fotodrafitrasa manokana (ouvrages spécifiques) ohatra ny "bétons armés" dia tsy maintsy atrehin'ny orinasa mpanaramaso

Ny fandraisana ireo asa fototra ireo dia tsy maintsy anaovana fitanana an-tsoratra




Ny orinasa mpanaramaso dia afaka mandray ny ampahan'ny asa vita arakaraka ny fahasarotan'ny fotodrafitrasa.

Izany fandraisana izany dia tsy maintsy ambara sy ankatoavin'ireo orinasa mpanaramaso sy ny mpanao fanorenana miaraka, alohan'ny hanohizana ny asa.

Ny fandraisana ireo asa ireo dia tsy maintsy anaovana fitanana an-tsoratra hatrany

## VI. FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA SY NY FANATANTERAHANA FIFAMPIRAHARAHAM-BAROTRA MIKASIKA NY ASA VAVENTY



Ohatra : Ouvrage en élevation :
*Ny toerana hanorenana (L'implantation)*
*Ny fandavahana (La fouille)*
*Ny sisim-panorenana (La semelle filante)*
*Ny fanambanim-panorenana (Le soubassement)*

Ohatra : Fanaovana tetezana
Ny toerana hanorenana (L'implantation)
*Ny fandavahana (La fouille)*
*Ny fototra (Les fondations)*
*Ny fandrariana vy (Le ferraillage)*
*Ny kaofirazy (Les coffrages)*



Ohatra : Fanaovan-dalàna
*Ny fanorenana ara tôpôgrafika (L'implantation topographique)*
*Ny Fototra*
*La couche de roulement*
*Ny famaranam-panorenana (La finition)*

Ohatra: Fanaovana lava-drano
*Ny fanorenana*
*Ny halalin'ny lavadrano hatreo amin'ny fahitana rano (Le profondeur au niveau de la nappe aquifère)*



## VI.2.4.4 Ireo sazy azon'ny tompon-draharaha ampiharina




Ny Kaominina Manamahefa mpandraiki-barotra dia afa-miditra an-tsehatra amin'ny fotoana rehetra mampahatsiahy ny andraikitr'ireo orinasa mpanaramaso sy mpanao fanorenana amin'ny alalan'ny fanomezana baikon'asa (OS)

<u>Fandefasana taratasy fampitandremana</u> (avertissement) (Jereo Tovana 35) raha vao mahita tsy fahatomombanana indrindra fa :

- *Fahatarana amin'ny fanombohan'ny asa*
- *Tsy fanajana ny adidy voalaza ao anatin'ny fifanarahana arak'asa*
- *Tsy fanajana ny fanaraham-penitra (règle de l'art)*
- *Tsy fanajana ny taratasy baikon'asa nalefan'ny tompon-draharaha*





*<u>Fandefasana taratasy fanerena</u>* (mise en demeure) (Jereo Tovana 36) raha hita fa misy tsy fanarahana ny baikon'asa ataon'ny orinasa mpanao fanorenana miaraka amin'ny fampitandremana ny mety ho fanapahana ny fifanarahana arak'asa

*Fandefasana taratasy fanapahana fifanekena fifampiraharaham-barotra dia* anambaràna ny fahatapahan'ny fifanekena, ary hanaovan' ny Kaominina Manamahefa mpandraiki-barotra fisafidianana orinasa mpanao fanorenana hafa aorian'ny fijerena ny asa vita sy ny mbola tsy vita. (Jereo Tovana 37)

## VI.2.5 FANDRAISANA NY ASA FANORENANA

### VI.2.5.1 Fandraisana ny asa fanorenana

Indroa miantoana ny dingana fandraisana ny asa : ny fandraisana vonjimaika sy ny fandraisana tanteraka fa hialohavan'ny fandraisana ara-teknika. Eo anelanelan'ireo fotoana ireo no mihatra ny fiantohana ny asa (eo amin'ny herin –taona eo).

**1. Fandraisana vojimaika**
Atao hanamarinana ny fifaranan'ny asa ary manamarika ny fandraisan'ny Kaominina Manamahefa mpandraiki-barotra an-tanana ny fotodrafitrasa na ny asa fanorenana natao.






**2. Fotoana fiantohana**
Aorian'ny fandraisana vonjimaika dia misy fe-potoana fiantohana ny asa niarahana naorina tamin'ny Kaominina Manamahefa mpandraiki-barotra mba hijerena izay mety tsy mahafapo azy tamin'ny asa fanorenana.


Mandritra io fe-potoana io dia tompon'antoka hatrany ny orinasa manao fanorenana amin'izay mety ho tsy fahatomombanana miseho sy ny asa tsy mahafapo.

**3. Fandraisana tanteraka ny asa**

Ity no fanolorana tanteraka ny fotodrafitrasa amin'ny Kaominina Manamahefa mpandraiki-barotra. Manomboka eto dia izy no tompon'andraikitry ny fotodrafitrasa vita.




## VI.2.5.2 Fizotran'ny fandraisana ara-teknika ny asa




Ny fandraisana ara-teknika dia tanterahan'ny Injeniera mpitarika ary hatrehin'ny Injeniera mpanaramaso sy ny mpanaramaso ny toeram-panorenana ary ny solontenan'ny orinasa mpanao fanorenana.

Ny tanjona dia mba hampihenana na hanafoanana ireo mety ho fanamarihana mandritra ny fandraisana vonjimaika
Injeniera mpanaramaso no mamaritra ny fotoana anaovana izany rehefa avy nahazo fankatoavan'ny Injeniera mpitarika.

Mandritra izany fandraisana ara-teknika izany dia raisina an-tsoratra ireo tsy fahatomombanana hita ary handefasana baikon'asa ny orinasa mpanao fanorenana mba hanarina ny asa, mialoha ny handefasana fangatahana fandraisana vonjimaika any amin'ny Kaominina tompon-draharaha.



Anaovana fitanana an-tsoratra izany fandraisana ara-teknika izany ary ataon'ny telo tonta sonia. (Jereo Tovana 38)

## VI.2.5.3 Fanitsiana ireo lesoka




Miroso amin'ny fanitsiana ny lesoka hita nandritra ny fandraisana ara-teknika ny orinasa mpanao fanorenana.

## VI.2.5.4 Fizotran'ny fandraisana vonjimaika ny asa

**1. Fanaovana fangatahana**

Aorian'ny fanarenana ireo lesoka dia manao fangatahana hanaovana ny fandraisana vonjimaika ny orinasa mpanao fanorenana.

Rehefa izany dia manondro ny daty sy ora hanaovana izany ny Manamahefa mpandraiki-barotra ary manasa ireo tompon'antoka tamin'ny fanatanterahana ny tetikasa.






**2. Mpikambana amin'ny vaomiera fandraisana ny asa na tetikasa**

- *Ben'ny Tanàna*
- *Solontenan'ny sampandraharaha fanapariaham-pahefana*
- *Solontenan'ny mpahazo tombontsoa*
- *Filoham-pokontany*
- *Orinasa mpanara-maso*

### 3. Fanaovana fitsidihana ny fotodrafitrasa

Ireo orinasa mpanadihady-mpanaramaso sy mpanao fanorenana no mitarika izany fitsidihana izany.



Mandritra izany fotoana izany dia manome fanazavana momba ny fotodrafitrasa ireo orinasa mpanaramaso sy mpanao fanorenana. Ireo olona nasaina kosa dia mijery ireo mety ho lesoka



### 4. Fanaovana andrana ireo kojakoja samihafa

- *Varavarana*
- *Varavarankely*
- *Jiro*
- *Rano*

### 5. Firaketana an-tsoratra ny fandraisana vonjimaika ny asa

Amin'io fotoana io no manapa-kevitra ny Kaominina Manamahefa mpandraiki-barotra raha azo raisina na tsia ny asa.

*Raha madinidinika ny lesoka dia atao ihany ny fandraisana vonjimaika ny asa, raha toa kosa ka goavana izany dia miangavy ny orinasa mpanao fanorenana mba hanao ny asa fanarenana aloha.*



Ireo fanapahan-kevitra rehetra ireo dia atao ao anatin'ny fitanana an-tsoratra sy soniavin'ny telo tonta : Kaominina, orinasa mpanadihady-mpanaramaso sy ny orinasa mpanao fanorenana. (Jereo Tovana 39).

## VI.2.5.5 Fanarenana ireo lesoka



Miangavy ny orinasa mpanao fanorenana mba hiroso amin'ny asa fanarenana ny lesoka ny orinasa mpanadihady sy mpanaramaso

*Aorian'ny asa fanarenana dia manasa ny Kaominina hijery ny fahatontosana izany ny orinasa mpanadihady sy mpanaramaso sy ny orinasa mpanao fanorenana.*

Atao hatrany ny firaketana an-tsoratra ny fankatoavana izany asa fanarenana izany. (Jereo Tovana 40)

## VI.2.5.7 Fe-potoana Fiantohana (Période de garantie)





Mandritra ny fe-potoana fiantohana dia tompon'antoka foana amin'ny tsy fahatomombanana miseho sy ny asa tsy nahafapo ny orinasa mpanao fanorenana hatramin'ny daty fandraisana tanteraka.

*Andraikiny tanteraka ihany koa ny manarina ireo lesoka ireo mba hahatonga ny fotodrafitrasa amin'ny tokony ho izy.*

Trangana tsy fahatomombanana mandritra ny fotoana fiantohana asa

*Aorian'ny fahitana ny tsy fahatomombanana raha mihevitra ny Manamahefa mpandraiki-barotra sy ny orinasa mpanadihady sy mpanaramaso fa avy amin'ny faharatsian'ny fanatontosana ny asa no nahatonga izany dia ...*






*....manao firaketana an –tsoratra izy ireo ary manambara izany amin'ny orinasa mpanao fanorenana mba hanarina ny lesoka*
*...aorian'ny asa fanarenana dia manasa ny Kaominina ny orinasa mpanadihady sy mpanaramaso mba hanome taratasy manamarina fa vita ny asa fanarenana. (Jereo Tovana 40)*
*Raha tsy vita io asa fanarenana io dia tsy afaka handray tanteraka ny asa ny Kaominina Manamahefa mpandraiki-barotra.*






## VI.2.5.8 Fizotran'ny fandraisana tanteraka ny asa


Ny fandraisana tanteraka ny asa dia fomba iray hanehoana ny fifaranan'ny fe-potoana fiantohana sy manambara fa manomboka eto dia tompon'andraikitra tanteraka ny Kaominina.

## VI. FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA SY NY FANATANTERAHANA FIFAMPIRAHARAHAM-BAROTRA MIKASIKA NY ASA VAVENTY

### 1. Fanaovana fangatahana

Manao fangatahana hanaovana ny fandraisana tanteraka ny asa ny orinasa mpanao fanorenana.

Ny Kaominina no manondro ny daty sy ora hanaovana izany ary manasa ireo tompon'antoka tamin'ny fanatanterahana ny tetikasa.






### 2. Mpikambana ao amin'ny vaomiera fandraisana ny asa na tetikasa

- *Ben'ny Tanàna*
- *Solontenan'ny sampan-draharaha fanapariaham-pahefana*
- *Solontenan'ny mpahazo tombontsoa*
- *Filohan'nyFokontany*
- *Orinasa mpanaramaso*

### 3. Fanaovana fitsidihana ny fotodrafitrasa

Ny orinasa mpanaramaso sy ny orinasa mpanao fanorenana no mitarika izany fitsidihana izany.

Mandritra izany fotoana izany dia manome fanazavana momba ny asa fanarenana ireo orinasa mpanaramaso sy mpanao fanorenana. Ireo olona nasaina kosa dia mijery ireo mety mbola ho lesoka



4. Firaketana an-tsoratra ny fandraisana tanteraka ny asa
Amin'io fotoana io no manapa-kevitra ny Manamahefa mpandraiki-barotra raha azo raisina na tsia ny asa.



Raha madinidinika ny lesoka dia atao ny fandraisana tanteraka ny asa, raha toa kosa ka goavana izany dia miangavy ny orinasa mpanao fanorenana mba hanao ny asa fanarenana aloha.




Ireo fanapahan-kevitra rehetra ireo dia atao ao anatin'ny fitanana an-tsoratra sy soniavin'ny telo tonta : ny Kaominina, orinasa mpanaramaso sy ny orinasa mpanao fanorenana. (Jereo Tovana 41).


Rehefa izany dia manome taratasy milaza ny fahafapo sy fifaran'ny asa na "Certificat de bonne fin" ireo orinasa ny Kaominina Manamahefa mpandraiki-barotra.



# VI. FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA SY NY FANATANTERAHANA FIFAMPIRAHARAHAM-BAROTRA MIKASIKA NY ASA VAVENTY

## VI.2.6 FIOMANANA AMIN'NY FITANTANANA SY FIKOJAKOJANA NY ASA FANORENANA


Mizara ho dingana telo (03) ny fiomanana amin'ny fitantanana sy ny fikojakojana ny asa fanorenana na fotodrafitrasa :




### VI.2.6.1 Fanofanana ireo ho teknisianin'ny fikojakojana

*Aorian'ny fanaovana sonia ny fifanekena fifampiraharaham-barotra amin'ny orinasa mpanao fanorenana dia misafidy sy manendry olona roa (02) ankoatra ny Mpiandraikitra ara-teknika ny Kaominina.*

*Rehefa izany dia manao fifanarahana amin'ny orinasa mpanaramaso sy mpanao fanorenana ny Kaominina amin'ny fanomezana fampiofanana ireo olona roa ireo eo amin'ny asa fanorenana sy ny fikojakojana mandritra ny fanatanterahana ny asa ka hatramin'ny fandraisana ny asa.*





### VI.2.6.2 Fisafidianana sy fametrahana ny rafitra hitantana ny fotodrafitrasa




Mialoha ny fandraisana vonjimaika dia manao ny fisafidianana ny rafitra hitantana sy hikojakoja ny fotodrafitrasa ny kaominina, ka tapahina eo anivon'ny filankevitra Kaominaly izany


## VI. FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA SY NY FANATANTERAHANA FIFAMPIRAHARAHAM-BAROTRA MIKASIKA NY ASA VAVENTY

Misy karazany telo (03) ny rafitra azo isafidianana: Fikambanana na Komity mpitantana na orinasa mpandraharaha tsy miankina.




__Ohatra :__

- *raha sekoly dia azo atao ny Fikambanan'ny FEFFI*
- *raha toby fitsaboana dia azo atao ny Komity mpitantana*
- *raha rano fisotro dia azo atao ny Fikambanan'ny mpahazo tombontsoa na orinasa-mpandraharaha tsy miankina*




- *Rehefa izany dia manao ny famolavolana ny fitsipika hifampifehezana, ny drafitrasa hoenti-mikojakoja ary manao ny vinavina momba ny fitaovana sy ara-bola izay rafitra mpitantana nankatoavin'ny filankevitra Kaominaly.*
- *Tena tsy azo hadinoina ny mampiditra sora-bola fikojakojana ao anatin'ny tetibolan'ny –Kaominina.*

## VI.2.6.3 Fanofanana ny rafitra amin'ny fitantanana sy fikojakojana




Mialoha ny fandraisana tanteraka ny asa fanorenana na fotodrafitrasa dia mikarakara fampiofanana ho an'ireo Rafitra momba ny fitantanana sy ny fikojakojana fotodrafitrasa ny orinasa mpanaramaso.

Atolotra amin'ny fomba ôfisialy ny Rafitra mpitantana sy ny Kaominina ny boky fitantanana sy fikojakojana rehefa mifarana ny fampiofanana.

# VII. FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA SY NY FANATANTERAHANA FIFAMPIRAHARAHAM-BAROTRA MIKASIKA NY FAMPITAOVANA

Fandraiketana tsenambaro-panjakana mikasika momba ny fampitaovana → Fanatanterahana ny fifanarahana arak'Fanatanterahana ny fifampiraharaham-barotra momba ny fampitaovana

## VII.1 FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA MOMBA NY FAMPITAOVANA (Passation marchés fournitures)

Mifototra amin'ny vinavinan'ny tetibola momba ny fampitaovana sy ny fehezan-dalàna mikasika ny tsenambaro-panjakana no hamaritan'ny Mpiandraikitra tsenambaro-panjakana ny fomba hitaomana ireo mpifaninana hanao tolo-bidy.


### VII.1.1 DINGANA FISAFIDIANANA ORINASA MISAHANA MOMBA NY FAMPITAOVANA:

| FANAMARIHANA |
|---|
| Ny fandraiketana tsenambaro-panjakana horesahina ato amin'ity toro-lalana ity dia ho voafetra amin'ny tsenambaro-panjakana izay heverina fa matetika mitranga eny anivon'ny Kaominina Ambanivohitra dia : « **ny tsenambaro-panjakana mikasika ny fampitaovana latsaka ny 80 tapitrisa Ariary** », **amin'ny alalan'ny « Fanaikàna mpanao asa vaventy »** |

Ny dingana fisafidianana ny orinasa momba ny fampitaovana dia mitovy amin'ny dingana fisafidianana orinasa mpanao ny asa fanorenana saingy ny fomba hanaovana ny fandraiketana ny fifampiraharaham-barotra sy ny fotoana ary ny fe–potoana ampahalalana no misy mahasamy hafa kely azy.

## VII. FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA SY NY FANATANTERAHANA FIFAMPIRAHARAHAM-BAROTRA MIKASIKA NY FAMPITAOVANA

| | FANAOVANA ASA FANORENANA (TRAVAUX) | FAMPITAOVANA (FOURNITURES) |
|---|---|---|
| Fomba fitaomana hanao tolo-bidy | Fitaomana hanao tolo-bidy misokatra | Fanaikàna mpanao asa vaventy |
| Fomba hampahalalana ny fanasana | Peta-drindrina | |
| Gazety mpivoaka isan'andro | | |
| Tranonkalam-pifandraisana na aterineto | Peta-drindrina | |
| Tranonkalam-pifandraisana na aterineto | | |
| Faharetan'ny fampahalalana | 30 andro farafahakeliny | 10 andro farafahakeliny |




Azo fintinina fa manaraka ny fehezan-dalàna faha-2016-055 momba ny fandraiketana fifampiraharaham-barotra ara-panjakana ao amin'ny andininy faha-32 sy 41 izany io dingana io.

## VII.2 FANATANTERAHANA NY FIFANEKENA FIFAMPI RAHARAHAM-BAROTRA NY FAMPITAOVANA (Execution marchés fournitures)

### VII.2.1 IREO TOMPON'ANTOKA AMIN'NY ASA FAMOKARANA FITAOVANA



<u>TOMPON-DRAHARAHA = KAO-MININA</u>

☞ Fitantanana ny fifanekena fifampiraharaham-barotra :


- miaraka amin'ny orinasa mpianto-draharaha na orinasa mpanadihady miantoka ny fanaraha-maso sy ny fanamarinana ara-teknika
- miaraka amin'ny orinasa mpamokatra fitaovana momba ny fanatanterahana ny asa

- Fanaraha-maso ny fivoaran'ny famokarana fitaovana. Mametraka fitaovana hoenti-manaramaso mba hitiliana ireo izay mety ho tsy fahatomombanana sy hakana fepetra haingana hanarenana ny asa.



### MPIANTO-DRAHARAHA = ORINASA MPANADIHADY

- Miandraikitra ny fanadihadiana mba hanaovana ny famolavolana ara-teknika ny tetikasa
- Manaramaso sy manamarina ny fanatontosana ara-teknika (kisary sy ny fepetra manokana) ny famokarana fitaovana.
- Manomana ny fandraisana ny fitaovana sy ny fandoavana ny volan'ny orinasa mpamokatra fitaovana




### ORINASA MPAMOKATRA FITAOVANA




- Miandraikitra ny fanatontosana ny fitaovana mifanaraka amin'ny fifanarahana sy ny bokin'andraikitra momba izany
- Tompon'andraikitra amin'ny fandaminana ny toeram-piasana sy ny fiarovana ny mpiasa mpanao fitaovana

## VII.2.2 DINGANA FANATANTERAHANA NY FAMOKARANA FITAOVANA

Mizara telo (03) tahaka ny any amin'ny fanatanterahana ny fifanekena fifampiraharaham-barotra ny asa fanorenana ihany koa ny fanatanterahana ny fifanekena fifampiraharaham-barotra ny famokarana fitaovana :

- *Fanomanana ny fanombohana ny famokarana fitaovana*
- *Fanatanterahana famokarana fitaovana*
- *Fandraisana ireo fitaovana*

### VII.2.2.1 Fanomanana ny fanombohana ny famokarana fitaovana

Mizara dingana telo (03) ny fanomanana ihany koa ny asa famokarana fitaovana :

- Fivoriana savaranonando
- Fanomanana ny antoka sy ny fiantohana
- Fanomanana ny fanombohana asa

**Fa eo amin'ny fanomanana ny fanombohan'ny asa no misy mahasamy hafa kely :**

- tsy misy ny fangatahana fanomezana toerana sy fahazoan-dalana ara-panjakana sy ny fametrahana sy fandraisana ny toeram-panorenana *fa nosoloina fitsidihana ny orinasa mpamokatra fitaovana sy fanamarinana ireo akora sy fitaovana ary mpiasa nolazainy tao anatin'ny tolo-bidiny.* Izany fitsidihana izany dia tsy maintsy asiana firaketana an-tsoratra voasonian' ny orinasa mpanadihady sy mpanaramaso farafaharatsiny.
- ny fanaovana fiantohana dia miantefa amin'ny fitaovana novokarina fa tsy ny olombelona miasa sy ny fitaovana ampiasainy.

### VII.2.2.2 Fanatanterahana ny asa famokarana fitaovana

Ny fepetra sy ny fitaovana entina manaramaso ny asa tanterahan'ny orinasa mpamokatra fitaovana dia mitovy amin'ny fanatanterahana ny asa fanorenanana.

### VII.2.2.3 Fandraisana ireo fitaovana


Mitovy tanteraka amin'ny fandraisana ny fotodrafitrasa ny fandraisana ireo fitaovana.

Indroa miantoana ny dingana fandraisana ny asa: ny fandraisana vonjimaika sy ny fandraisana tanteraka fa hialohavan'ny fandraisana ara-teknika. Eo anelanelan'ireo fotoana ireo no mihatra ny fiantohana ny asa (eo amin'ny herin –taona eo).

# VII. FANDRAIKETANA TSENAMBARO-PANJAKANA SY NY FANATANTERAHANA FIFAMPIRAHARAHAM-BAROTRA MIKASIKA NY FAMPITAOVANA

## FANDRAISANA VONJIMAIKA IREO FITAOVANA

Mitovy tanteraka amin'ny fandraisana vonjimaika ny fotodrafitrasa ny fandraisana ireo fitaovana.




Raha misy lesoka amin' ny andrana sy fanamarinana atao dia iangaviana hanao ny asa fanarenana ny orinasa mpamokatra fitaovana.



Ny fanapahan-kevitra rehetra dia atao ao anatin'ny fitanana an-tsoratra sy soniavin'ny telo tonta: ny Kaominina tompon-draharaha, orinasa mpanadihady sy mpanaramaso ary ny orinasa mpamokatra fitaovana. (Jereo Tovana 42)

## FIANTOHANA NY ASA

Mitovy tanteraka amin'ny fiantohana ny fotodrafitrasa ny fiantohana ireo fitaovana.

Raha misy lesoka mandritra ny fe-potoanan' ny fiantohana ny asa atao dia iangaviana hanao ny asa fanarenana ny orinasa mpamokatra fitaovana.
Ny fanapahan-kevitra rehetra dia atao ao anatin'ny fitanana an-tsoratra sy soniavin'ny telo tonta : ny Kaominina tompon-draharaha, orinasa mpanadihady sy mpanaramaso ary ny orinasa mpamokatra fitaovana. (Jereo Tovana 43)

## FANDRAISANA TANTERAKA IREO FITAOVANA

Mitovy amin'ny fandraisana tanteraka ny fotodrafitrasa ny fandraisana ireo fitaovana.

Raha misy lesoka amin' ny andrana sy fanamarinana atao dia iangaviana hanao ny asa fanarenana ny orinasa mpamokatra fitaovana.
Ny fanapahan-kevitra rehetra dia atao ao anatin'ny fitanana an-tsoratra sy soniavin'ny telo tonta : ny Kaominina tompon-draharaha, orinasa mpanadihady sy mpanaramaso ary ny orinasa mpamokatra fitaovana. (Jereo Tovana 44)

# VIII. FOMBA FANDOAVAM-BOLA

## VIII.1. FOMBA NA PAIKA ARAHINA EO AMIN'NY FANDOAVAM-BOLA EO ANIVON'NY KAOMININA

Fizotra ankapoben' ny fandoavam – bola eo anivon'ny Kaominina → Fangatahana fandoavam – bola sy fandoavam – bola ireo orinasa miaraka miasa amin'ny Kaominina

### VIII.1.1 FIZOTRY NY FANDOAVAM-BOLA EO ANIVON'NY KAOMININA AMIN'NY ANKAPOBENY


Azo fintinina toa izao ny fomba arahina amin'ny fandoavam-bola eo anivon'ny Kaominina Ambanivotra sokajy faharoa *araka ny didim-pitondrana laharana 21 149 /2016 :*

Famaritana ny fandaniana → Fankatoavana ny fandaniana → Fanomezan – dalana ny fandoavana ny fandaniana → Fandoavana ny fandaniana




**<u>1.Famaritana ny fandaniana (Engagement des dépenses)</u>**

Ny famaritana ny fandaniana amin'ny asa na tetikasa iray dia marihina amin'ny fifanekena fifampiraharaham-barotra sy ny fanapahan-kevitra fanomezan-tsena ataon'ny Ben'ny Tanàna ary ny taratasin' ny tolotra ara-bola ataon'ireo orinasa miara-miasa amin'ny Kaominina.



2. Fankatoavana ny fandaniana (Liquidation des dépenses)

Ny Kaominina amin'ny alalan'ny Ben'ny Tanàna na ny nomeny fahefana dia manamarina raha mifanaraka amin'ny fepetra notakina :




- *Ireo taratasy fanamarinana rehetra natolotry ny olona na orinasa manana asa miaraka amin'ny Kaominina*
- *sy ny asa natao, ny asa vita, ny fampitaovana sy fitaovana naterina*

...sy manamarina ao anatin'ny fifanekena ihany koa :

- *raha tonga ny fe-potoana fandoavana ny fandaniana natao*

...ary mikajy ireo fahatarana tamin'ny fanatontosana ny asa raha nisy.


3. Fanomezan-dalana ny fandoavana ny fandaniana (Ordonnancement des dépenses)




Rehefa vita ny fanamariana rehetra ireo antontan-taratasy avy amin'ny olona na orinasa manana asa miaraka amin'ny Kaominina ka nahafa-po, dia manome baiko ny mpitana ny kaontim-bolan'ny Kaominina ny Ben'ny Tanàna na ny nomeny

fahefana mba handoa ny fandaniana amin'ny alalan'ny baikon'ny fandoavana ny fandaniana (ordre de dépense) miaraka amin'ireo taratasy fanamarinana samihafa manaraka ireto :

- *Fanapahan-kevitra fanomezan-tsena;*
- *Dika mitovy ny fifanekena fifampiraharaham-barotra;*
- *Faktiora misy ny soratra hoe "Vita sy natao ny asa";*
- *Dika mitovy nohamarinina (copie certifiée) ny kara-pamantarana ara-ketra manan-kery.*


REPUBLIQUE DE MADAGASCAR

COMMUNE (Kaominina)

ORDONNATEUR (Mpanalalana)

BUDGET : EXERCICE :

MISSION : CATEGORIE

N° (laharana) :

PROGRAMME :
IMPUTATION ADMINISTRATIVE :

ORDRE DE DEPENSE
(Alalana Fandaniana)

COMPTE (kaonty)

FINANCEMENT (famatsiam-bola):

PIECES JUSTIFICATIVES :
(Antotan-taratasy fanamarinana)

TITULAIRE
Tompony
Numéro d'identification du TITULAIRE
(lah famantarana ny tompony)
ADRESSE
(adiresy)

NATURE (karazany)
OBJET de la Dépense
(anton'ny fandaniana)

MONTANT CONTRACTUEL
MONTANT HT
TAXES TTL(TVA, TST), DTI
TOTAL

TYPE D'ENGAGEMENT (karazana fandaniana)
☐ BON DE COMMANDE
☐ DEVIS
☐ CONVENTION
☐ MARCHE
☐ CAISSE D'AVANCE
☐ AUTRE

SITUATION DU COMPTE
Crédits (vola bola) | Montant (sanda)
OUVERTS
CONSOMMES
Disponible avant la présente Demande
Montant contractuel
Disponible

REGLEMENT DE LA CREANCE
(fandoavana trosa)
(Modalités de REGLEMENT)
☐ ESPECES ☐ VIREMENT BANCAIRE
☐ AUTRE VIREMENT ☐ CHEQUE BANCAIRE


Fait à le
Par
(Signature et timbre de l'Ordonnateur)

VISA du COMPTABLE

Pour acquit de la somme indiquée ci-dessus

A ……………
Le ……………

#### 4. Fandoavana ny fandaniana (Paiement des dépenses)




Manamarina ireo antontan-taratasy ny mpitana kaontim-bola ary mandoa ny volan'ny olona na orinasa manana asa miaraka amin'ny Kaominina.

Manamarinana ny asa vita, ny faktiora omen'ny orinasa dia tsy maintsy asiana hoe "hita sy voamarina fa vita sy natao ny asa" (certifié services faits)

Manamarina ihany koa ny kajy natao nandritra ny fankatoavana ny fandaniana ary ny taratasy fanamarinana rehetra.

Manamarina raha misy sy ampy ny vola ao amin'ny kaontin' ny Kaominina. Rehefa vita daholo ireo fanamarinana rehetra vao atao ny fandoavam-bola ka tsy maintsy alefa amin'ny Banky avy amin'ny kaontin'ny Kaominina mankao amin'ny kaontin'ilay orinasa izany (atao virement) na aloa amin'ny alalan'ny taratasim-bolan'ny banky (chèque).

**FANAMARIHANA**


Amin'ny tetikasa iarahana amin'ny PDCID dia any amin'ny FDL ny fandoavam-bola ka alefa manontolo any ny antontan-taratasy raha vita daholo ireo dingana eny anivon'ny Kaominina

## VIII.1.2 ANTONTAN-TARATASY ILAINA AMIN'NY FANGATAHANA FANDOAVAM-BOLA EO ANIVON'NY KAOMININA AMBANIVOHITRA

### 1. Ny fangatahana fandoavam-bola

Ny orinasa manao fangatahana fandoavam-bola eo anivon'ny Kaominina noho ny asa niarahana taminy dia tsy maintsy ahitana an'ireto singan-taratasy ireto :

- *Taratasy manambara ny lisitry ny taratasy fangatahana nalefa (Bordereau d'envoi) (Jereo Tovana 45).*
- *Taratasy fangatahana alefa amin'ny Ben'ny Tanàna (Jereo Tovana 46 mikasika ny mpiaton-draharaha) (Jereo Tovana 47 mikasika ny.orinasa mpanorina)*
- *Faktiora mifanaraka amin'izany (Jereo Tovana 48).*
- *Ireo taratasy fanamarinana ny asa natao, ny asa vita, ny fitaovana naterina mifanaraka amin'ny fifanekena fifampiraharaham-barotra.*
- *Dika mitovy nohamarinina (copie certifiée) ny karatra famantarana ara-ketra manan-kery.*






**2. Fandraisana fangatahana**

Fandraketana ao anatin'ny kahie fandraisana taratasin'ny Kaominina ny daty nahatongavan'ny taratasy fangatahana sy ireo antontan-taratasy niaraka taminy.


## VIII.2 FOMBA FANDOAVAM-BOLA HO AN'NY MPIANTO – DRAHARAHA

### VIII.2.1 ANKAPOBENY IFOTORAN'NY FANDOAVAM-BOLA

Ny fifanekena fifampiraharaham-barotra amin'ny fiantohan-draharaha ho an'ny orinasa mpanaramaso sy mpanadihady eny anivon'ny Kaominina matetika dia fifanekena manaraka vidiny raikitra na vidiny voafaritra mialoha.




Ny fomba fandoavam-bola dia mifototra amin'ny fizaran'asa voalaza ao amin'ny fifanekena fifampiraharaham-barotra manaraka ireto:




- *Famolavolana ny fanaovana fanadihadiana tetikasa ambangovangony ara-teknika*
- *Famolavolana ny fanaovana fanadihadiana tetikasa antsipiriany*
- *Tantsoroka amin'ny fanaovana to-lo-bidy.*
- *Fizohiana, fanaraha-maso, fandraisana ny asa fanorenana*

- *Fanomanana sy tantsoroka amin'ny fitantanana sy ny fikoja-kojana ny fotodrafitrasa*
- *Noho izany ny fomba fan-doavam-bola dia tokony ha-naraka ny andiny faha-21 ao amin'ny fifanekena fifampiraha-raham-barotra ho an'ny mpian-to-draharaha.*
- *Isaky ny misy fandoavam-bola, ny Kaominina dia tsy maintsy manamarina sy mikajy ny sazy fahatarana mety hisy (andiny faha-14 amin'ny fifanekena fifam-piraharaham-barotra ny mpian-to-draharaha).*



## VIII.2.2 TSARA HO FANTATRA MIKASIKA NY FANDOAVAM-BOLA

Azo fintinina toy izao ny ankapobeny mikasika ny fandoavam-bola ny fi-fanekena fifampiraharaham-barotra miaraka amin'ny orinasa mpianto-draha-raha :

- ☞ Roapolo isan-jaton'ny (20%) sandan'ny fifanekena no arotsaka amin'ny daty anombohana ny fifanarahana.
- ☞ Amin'ny fankatoavana ny fanadihadiana tetikasa ambangovangony, izany hoe ny fandoavana ny sandan'ny fanaovana fanadihadiana tetikasa am-bangovangony izay voafaritra ao anatin'ny taratasy milaza vidiny (bordereau de prix) ka anesorana ny petra-bola antoka sy famerenana ny am-paham-bola efa nomena mialoha.
- ☞ Amin'ny fankatoavana ny fanadihadiana tetikasa antsipiriany, izany hoe ny fandoavana ny sandan'ny fanaovana fanadihadiana tetikasa antsipi-riany izay voafaritra ao anatin'ny andininindinim-bidy ka anesorana ny petra-bola antoka sy ny famerenana ny ampaham-bola efa nomena mia-loha.
- ☞ Fanaovana tantsoroka amin'ny fanatontosana ny antotan-taratasy fitao-mana hanao tolo-bidy, izany hoe ny fandoavana ny sandan'ny fanampiana

amin'ny dingana fanatontosana ny Tolo-barotra araka ny voafaritra ao anatin'ny andinindinim-bola ary anesorana ny vola voatana ho antoka sy ny famerenana ny ampaham-bola efa naloa mialoha.

- ☞ Mandritra ny fanaraha-maso sy fisafoana ary fametrahana ny fitaovana, fanofanana ary tantsoroka ara-teknika ho an'ireo Tomponandraikitry ny fitantanana sy fikojakokana ny fotodrafitrasa : ny ampaham-bola haloa voakasika eto dia mitovy amin'izay efa nofaritan'ny fifanekena mikasika ny fanatontosana ny asa, izay anesorana ny vola voatana ho antoka sy ny famerenana ny ampaham-bola efa naloa mialoha (mitovy amin'ny isan-jaton'ny asa vitan'ny orinasa mpanao fanorenana ny isan-jaton' ny vola haloa amin'ny mpianto-draharaha na orinasa mpanadihady.
- ☞ Ny ambin'ny petra-bola antoka isan-tsokajiny dia tokony haloa aorian'ny fandraisana tanteraka na faran'ny asa fanorenana sy fandraisana ny tatitra asa farany.

Ny petra-bola antoka dia raiketina ho 10 %n'ny sandam-bola tokony haloa isanisany ary 30% no taha raiketina amerenana ny ampaham-bola nalaina mialoha isaky ny fandoavam-bola mba hahafahana manefa ny trosa manontolo alohan'ny fandraisana ara-teknika ny asa.

### VIII.2.3 FANGATAHANA VATSIM-BOLA (AVANCES)


Afaka mangataka vatsim-bola ny mpianto-draharaha raha voalaza ao anatin' ny fifanekena fifampiraharaham-barotra izany.

Kanefa tsy tokony hihoatra ny 20%-n'ny vidin'ny tsenan'ny asa izany ary tsy maintsy tafaverina mialoha ny fandoavam-bolan' ny fandraisana vonjimaika ny asa.

Tsy maintsy anaovana antoka ny vatsim-bola raha mihoatra ny 5%n'ny vidin'ny tsena.

## VIII.2.4 FANGATAHANA FANDOAVAM-BOLA N°1-FANAOVANA FANADIHADINA TETIKASA AMBANGOVANGONY ARA-TEKNIKA

**Fangatahana fandoavam-bola N°1 dia mifandraika amin'ny fifaranan'ny fanaovana fanadihadina tetikasa ambangovangony ara-teknika.**
*Izany dia mifandraika amin'ny fandoavana ny sandan'ny fanadihadina tetikasa ambangovangony ara-teknika izay voafaritra ao anatin'ny andinindinim-bidy ka anesorana ny petra-bola antoka sy famerenana ny vatsim-bola ary ny mety ho sazy.*




**Fehiny, ny fangatahana atao dia mifanaraka amin'ny 90%n'ny vidin'ny fanadihadina tetikasa ambangovangony ara-teknika.**




Ny antontan-taratasy fanamarinana ampiarahina amin'ny fangatahana :


- *Ny fanadihadina tetikasa ambangovangony ara-teknika farany*
- *Ny dika mitovin'ny firaketana an-tsoratra ny fankatoavana fanadihadina tetikasa ambangovangony ara-teknika avy amin'ny Manamahefa mpandraiki-barotra.*
- *Ny faktiora voamarina hoe "hita sy voamarina fa vita ny asa" (certifié services faits) ataon'ny tompon'andraikitra Kaominaly tompon-draharaha*
- *Dika mitovy nohamarinina (copie certifiée) ny karatra famantarana ara-ketra manan-kery*

## VIII.2.5 FANGATAHANA FANDOAVAM-BOLA N°2-FANAOVANA FANADIHADINA TETIKASA ANTSIPIRIANY

**Fangatahana mifandraika amin'ny fifaranan'ny fanaovana fanadihadina tetikasa antsipiriany.**

*Izany dia mifandraika amin'ny fandoavana ny sandan'ny fanaovana fanadihadina tetikasa antsipiriany izay voafaritra ao anatin'ny andinidinim-bidy ka anesorana ny petra-bola antoka sy ny famerenana ny vatsim-bola ary ny mety ho sazy.*

**Fehiny, ny fangatahana atao izany dia mifanaraka amin'ny 90%n'ny vidin'ny fanaovana fanadihadina tetikasa antsipiriany voatondro ao amin'ny andinidinim-bidy.**




Ny antontan-taratasy fanamarinana ampiarahina :





- *Ny fanaovana fanadihadina tetikasa antsipiriany farany*
- *Ny dika mitovin'ny firaketana an-tsoratry ny fankatoavana fanaovana fanadihadina tetikasa antsipiriany avy amin'ny ny Manamahefa mpandraiki-barotra*
- *Ny dika mitovy nohamarinana (copie certifiée) ny karatra famantarana ara-ketra manan-kery*
- *Ny faktiora voamarina hoe "hita sy voamarina fa vita ny asa" (certifié services faits) ataon'ny tompon'andraikitra Kaominaly tompon-draharaha*
- *Ny toe-bola na « état de décompte » tamin'izay ampaham-bola efa naloa teo aloha rehetra.*

## VIII.2.6 FANGATAHANA FANDOAVAM-BOLA N°3-TANTSOROKA AMIN'NY FITAOMANA HANAO TOLO-BIDY

**Fangatahana mifandraika amin'ny fifaranan'ny fitaomana hanao tolo-bidy.**

*Izany dia mifandraika amin'ny fandoavana ny sandan'ny fanampiana amin'ny dingana fanatontosana ny tolo-bidy araka ny voafaritra ao anatin'ny andinindinim-bola ary anesorana ny vola voatana ho antoka sy ny famerenana ny vatsim-bola ary ny mety ho sazy.*

**Fehiny, ny fangatahana atao izany dia mifanaraka amin'ny 90%-n'ny vidin'ny tantsoroka amin'ny fitaomana hanao tolo-bidy hita ao amin'ny andinindinim-bidy.**







Ny antontan-taratasy fanamarinana ampiarahina:

- *Ny antotan-taratasy fitaomana hanao tolo-bidy*
- *Ny dika mitovin'ny firaketana an-tsoratra ny fankatoavana antotan-taratasy fitaomana hanao tolo-bidy ara-teknika nataon'ny Manamahefa mpandraiki-barotra.*
- *Ny tatitra tamin'ny fotoana nanaovana tombana*
- *Ny dika mitovy nohamarinina (copie certifiée) ny karatra famantarana ara-ketra manan-kery*
- *Ny dika mitovin'ny fifanarahana arak'asa miaraka amin'ny orinasa mpanao fanorenana mpanorina.*

- *Ny faktiora voamarina hoe "hita sy voamarina fa vita ny asa" (certifié services faits) ataon'ny tomponandraikitra Kaominaly tompon-draharaha*
- *Ny toe-kaonty na « état de décompte » tamin'izay ampaham-bola efa naloa teo aloha rehetra.*

## VIII.2.7 FANGATAHANA FANDOAVAM-BOLA-FISAFOANA SY FANARAMASO NY ASA


Fangatahana mifandraika amin'ny isan-jaton'ny asa vitan'ny orinasa mpanao fanorenana, anesorana ny vola voatana ho antoka sy ny famerenana ny vatsim-bola ary ny mety ho sazy.

*<u>Ohatra :</u> Rehefa mahatratra 30% ny asa vitan'ny orinasa mpanao fanorenana dia afaka manao fangatahana fandoavam-bola ny orinasa mpianto-draharaha na mpanadihady*

**Ny antontan-taratasy fanamarinana ampiarahina :**

- *Ny tatitry ny fandrosoan'ny asa.*
- *Ny rakitsoratry ny fahabetsahan'ny asa vita sy ny fikajiana ny asa vita*




- *Ny dika mitovy nohamarinina (copie certifiée) ny karatra famantarana ara-ketra manan-kery*
- *Ny faktiora voamarina hoe "hita sy voamarina fa vita ny asa" (certifié services faits) ataon'ny tompon'andraikitra Kaominaly tompon-draharaha*
- *Ny toe-kaonty na « état de décompte » tamin'izay ampaham-bola efa naloa teo aloha rehetra*

## VIII.2.8 FANGATAHANA FANDOAVAM-BOLA-FANDRAISANA VONJIMAIKA NY ASA.


**Fangatahana mifandraika amin'ny fandraisana vonjimaika ny asa.**

Izany dia mifandraika amin'ny fandoavana ny sandan'ny fandraisana vonjimaika izay voafaritra ao anatin'ny andinindinim-bidy ka anesorana ny petra-bola antoka ary ny mety ho sazy.

**Ny antontan-taratasy fanamarinana ampiarahina :**

- *Ny tatitra ny famaranana ny asa.*
- *Ny boky fitantanana sy fikojakojana ny fotodrafitrasa*
- *Ny firaketana an-tsoratra ny fandraisana vonjimaika voasonia.*
- *Ny dika mitovy nohamarinina (copie certifiée) ny karatra famantarana ara-ketra manan-kery*







- *Ny faktiora voamarina hoe "hita sy voamarina fa vita ny asa" (certifié services faits) ataon'ny tompon'andraikitra Kaominaly tompon-draharaha*
- *Ny toe-kaonty na « état de décompte » tamin'izay ampaham-bola efa naloa teo aloha rehetra.*

## VIII.2.9 FANGATAHANA FANDOAVAM-BOLA– FANDRAISANA TANTERAKA NY ASA.

**Fangatahana mifandraika amin'ny fandraisana tanteraka ny asa** *izay mifanaraka amin'ny 10% faran'ny fifanekena fifampiraharaham-barotra ny mpianto-draharaha.*

- **Ny antontan-taratasy fanamarinana ampiarahana :**
- Ny tatitra farany fanatanterahana asa sy ny planina recollement.
- Ny firaketana an-tsoratra ny fandraisana tanteraka voasonia.
- Ny dika mitovy nohamarinina (copie certifiée) ny karatra famantarana ara-ketra manan-kery







- Ny faktiora voamarina hoe “hita sy voamarina fa vita ny asa” (certifié services faits) ataon'ny tompon'andraikitra Kaominaly tompon-draharaha
- Ny toe-kaonty farany na « état de décompte final » tamin'izay ampaham-bola efa naloa teo aloha rehetra.

# VIII.3 FOMBA FANDOAVAM-BOLAN' NY ORINASA MPANAO FANORENANA

## VIII.3.1 ANKAPOBENY IFOTORAN'NY FANDOAVAM-BOLA

Ny ankamaroan'ny fifanarahana arak'asa momba ny asa vaventy na fotodrafitrasa eny anivon'ny Kaominina Ambanivohitra dia manaraka ny vidiny raikitra ka ny fomba fandoavam-bola dia miankina amin'ny fandrosoan'ny asa ary voafaritra ao anatin'ny fifanekena fifampiraharaham-barotra.

Ireto misy fomba efatra fandoavam-bola amin'ny ampahany, marihina fa torolalana ihany izy ireto :

- *Vatsim-bola : 30%-n'ny teti-bidin'ny tsena*
- *Ampahany voalohany ny fandoavam-bola (30% ny asa tanteraka): 20%-n'ny teti-bidin'ny tsena*
- *Ampahany faharoa ny fandoavam-bola (60% ny asa tanteraka) : 20%-n'ny teti-bidin'ny tsena*






- *Ampahany fahatelo ny fandoavam-bola: fandraisana vonjimaika ny asa : 20%-n'ny teti-bidin'ny tsena*
- *Ampahany fahefatra ny fandoavam-bola: fandraisana tanteraka ny asa : 10%-n' ny teti-bidin'ny tsena*
- *Ny fomba fandoavam-bola dia manaraka izay voalaza ao anatin'ny fifanekena fifampiraharaham-barotra.*
- *Mialoha ny fandoavam-bola anefa ny Kaominina tompon-draharaha dia tsy maintsy manamarina sy mikajy ireo mety ho sazy amin'ny fahataran'ny fanatanterahana ny asa.*

## VIII.3.2 FANGATAHANA VATSIM-BOLA (AVANCES)

Afaka mangataka vatsim-bola ny orinasa mpanao fanorenana raha voalaza ao anatin'ny fifanekena fifampiraharaham-barotra.

Kanefa tsy tokony hihoatra ny 30%-n'ny teti-bidin'ny tsena izany ary tsy maintsy tafaverina mialoha ny fandoavam-bolan' ny fandraisana vonjimaika ny asa.

Tsy maintsy anaovana antoka ny vatsim-bola raha mihoatra ny 5%-n'ny vidin'ny tsena.

## VIII.3.3 FANGATAHANA FANDOAVAM-BOLAN'NY ORINASA MPANAO FANORENANA MANDRITRA NY FANATANTERAHANA NY ASA

**Raha raisintsika ohatra ny fandoavam-bola nolazaina tetsy aloha dia toa izao ny ampahany amin'ny fandoavam-bola mifanaraka amin'izany :**

*Ampahany voalohany amin'ny fandoavam-bola (30% ny asa tanteraka): 20%-n'ny teti-bidin'ny tsena*

*Ampahany faharoa amin'ny fandoavam-bola (60% ny asa tanteraka) : 20%-n'ny teti-bidin'ny tsena*

Ireo ampahan'ny fandoavam-bola ireo dia mifanaraka amin'ny 30%-n'ny teti-bidin'ny fifanekena fifampiraharaham-barotra isanisany, hanalana ny antoka sy ny famerenana ny vatsim-bola ary ny sazy mety ho azo.







Ny antontan-taratasy fanamarinana takina ho hampiarahina amin'ireo fandoavam-bola ireo:


- *Ny dika mitovy nohamarinina (copie certifiée) ny karatra famantarana ara-ketra manan-kery*
- *Ny rakitsoratry ny habetsahan'ny asa vita nankatoavin'ny mpianto-draharaha*
- *Ny fikajiana isam-bolana na tena izy nankatoavin'ny Manamahefa mpandraiki-barotra*
- *Ny faktiora voamarin'ny orinasa mpanaramaso na ny Kaominina*
- *Ny toe-kaonty na « état de décompte » tamin'izay ampaham-bola efa naloa teo aloha rehetra.*

## VIII.3.4 FANGATAHAN FANDOAVAM-BOLA ATAON'NY ORINASA MPANAO FANORENANA MANDRITRA NY FANDRAISANA VONJIMAIKA NY ASA

**Mifandraika amin'ny ampahany fahatelon'ny fandoavam-bola ny fangatahana fandoavam-bola mandritra ny fandraisana vonjimaika:**

*Raha ny ohatra noraisina teo aloha dia mifanaraka amin'ny 20%-n'ny teti-bidin'ny fifanekena fifampiraharaham-barotra, hanalana ny antoka sy ny famerenana ny vatsim-bola (marihina fa tsy maintsy taperina eo amin'io ny famerenana ny vatsim-bola).*










**Ny antontan-taratasy fanamarinana ampiarahina :**

- *Ny dika mitovy nohamarinina (copie certifiée) ny karatra famantarana ara-ketra manan-kery*

- *Ny rakitsoratry ny habetsahan'ny asa vita nankatoavin'ny Manamahefa mpandraiki-barotra*
- *Ny fikajiana nankatoavin'ny Kaominina*
- *Ny firaketana an-tsoratra ny fandraisana vonjimaika ny asa*
- *Ny faktiora voamarin'ny orinasa mpanaramaso na ny mpianto-draharaha*
- *Ny toe-kaonty na « état de decompte » tamin'izay ampaham-bola efa naloa teo aloha rehetra.*

## VIII.3.5 FANGATAHANA FAMERENANA NY ANTOKA AMIN'NY FAHATONTOSAN'NY ASA ANTSAKANY SY ANDAVANY

Ao aorian'ny fandraisana vonjimaika ny fotodrafitrasa ka raha nekena izany dia afaka mangataka ny famerenana ny ampahany voalohany (50%) amin'ny antoka fahatontosan'ny asa antsakany sy andavany ny orinasa mpanao fanorenana.




Ny antontan-taratasy fanamarinana ampiarahina :

- *Fangatahana nosoniavin'ny tompon'andraikitry ny orinasa*
- *Firaketana an-tsoratra ny fandraisana vonjimaika ny asa*

## VIII.3.6 FANGATAHANA FANDOAVAM-BOLA ATAON'NY ORINASA MPANAO FANORENANA MANDRITRA NY FANDRAISANA TANTERAKA NY ASA

Fangatahana mifandraika amin'ny fandraisana tanteraka ny asa izay mifanaraka amin'ny 10%-n'ny teti-bidin'ny fifanekena fifampiraharaham-barotra.

Ny antontan-taratasy fanamarinana ampiarahina amin'ity fandoavam-bola farany eto ity dia:

- *Ny dika mitovy nohamarinina (copie certifiée) ny karatra famantarana ara-ketra manan-kery*
- *Ny fikajiana farany nankatoavin'ny Manamahefa mpandraiki-barotra*
- *Ny firaketana an-tsoratra ny fandraisana tanteraka ny asa*
- *Ny faktiora voamarin'ny orinasa mpanaramaso na ny mpianto-draharaha*
- *Ny toe-kaonty farany na « état de decompte final » tamin'izay ampaham-bola efa naloa teo aloha rehetra*



### VIII.3.7 FANGATAHANA FAMERENANA NY ANTOKA AMIN'NY FAHATONTOSAN'NY ASA ANTSAKANY SY ANDAVANY

Ao aorian'ny fandraisana tanteraka ny fotodrafitrasa ka raha nekena izany dia afaka mangataka ny famerenana ny ampahany farany (50%) amin'ny ny antoka fahatontosan'ny asa antsakany sy andavany ny orinasa mpanao fanorenana.

Ny antontan-taratasy fanamarinana ampiarahina :

- *Fangatahana nosoniavin'ny tompon'andraikitra ny orinasa*
- *Firaketana an-tsoratra ny fandraisana farany na tanteraka*




## VIII.4 FOMBA FANDOAVAM-BOLAN' NY ORINASA MPAMOKATRA FITAOVANA

Mitovy tanteraka amin'ny fandoavam-bolan' ny mpanao asa fanorenana ny fandoavam-bolan' ny orinasa mpamokatra na mpivarotra fitaovana.